# *Andriamanitra Manafina Ny Tenany Ao Anatin’Ny Fahatsorana, Avy Eo Dia Manambara Ny Tenany Ao Amin’Izany Ihany*

Misaotra anao, Rahalahy Neville. Ny Tompo hitahy anao. Manao ahoana, ry sakaiza. Raisiko ho iray amin’ireo fotoana tsara indrindra eo amin’ny fiainako, ny tonga eto amin’ny tabernakla indray izao maraina izao, mba hahita an’ity rafitra tsara tarehy ity, sy ny lamin’ireo zanak’Andriamanitra mipetraka ato an-Tranony androany.

2 Tena gaga aho rehefa tonga teto omaly ka nahita ny endrik’ilay tranobe. Tsy nofisiko ho toy izao mihitsy ilay izy. Rehefa nahita an’ireo planina aho, rehefa namaritra an’ireo planina izy ireo, dia nahita efitra kely iray hafa fotsiny nipetraka tetsy amin’ny ilany iray, saingy ankehitriny dia mahita azy ho—ho toerana iray tsara tarehy aho. Ary mankasitraka ny Tsitoha isika noho ity toerana tsara tarehy ity. Ary isika dia . . .

3 Mitondra aminareo aho, izao maraina izao, an’ireo fiarahabana avy amin’ny vadiko sy ireo zanako, izay naniry mafy ny ho tonga eto amin’ity fotoana ity ho an’ity fotoampanokanana ity, ary ireto herinandron’ny fanokanan-tena ho an’i Kristy ireto. Saingy any an-tsekoly ireo ankizy, ka sarotra ny hiala. Ary efa saiky voafafan’izy ireo ny fihetseham-pon’izy ireo ny amin’ny hanina ny any an-trano, fa tsy ho voafafanay mihitsy ny fihetseham-po ny aminareo olona. Tsy voafafanareo tahaka an’izany. Misy sakaiza tahaka an’izany. Ary izaho—mankasitraka an’ireo sakaiza aho, hatraiza hatraiza, saingy misy zavatra iray mikasika an’ireo sakaiza fahiny. Tsy mampaninona na aiza no ahazoanareo sakaiza vaovao, dia tsy mbola ilay fahiny foana izany.

4 Tsy mampaninona na aiza no mety hivezivezeko, dia mbola ho masina foana ity toerana ity. Satria, nandritry ny teo amin’ny telopolo taona teo, tao anatin’ny kamorim-potaka niangona iray, no nanokanako an’ity ampahan-tany ity ho an’i Jesosy Kristy fony izy tsy nisy afa-tsy—tsy fota-mandry iray. Kamory iray

ity rehetra ity. Izany no antony mahatonga an'ilay làlambe any ivelan'ny la- . . . fandaminana eo, ilay—tsy maintsy mihodina ilay làlana, mba ialàna amin'ilay kamory izay teto. Ary teto, dia nisy lisy, lisin-kamory izay naniry.

5 Ary ny—ny lisy dia voninkazo iray tena hafahafa. Na dia teraka tao anatin'ny fotaka aza izy, dia tsy maintsy mitady ny làlany manerana an'ilay fotaka, ary avy eo dia manerana an'ireo rano sy rihatra, mba hanao ny tenany ho eny amin'ny tampony, haneho ny hatsaran-tarehiny.

6 Ary izaho—mihevitra aho, izao maraina izao, fa izany no ampahany manontolo izay mitranga eto. Hoe, hatramin'io fotoana io, dia nanosika ny tenany ny lisin-kamory kely iray; ka rehefa tonga teo an-tampon'ilay rano izy, dia namoaka ny elany, nivoaka ireo ravim-boninkazo keliny, ary nampitaratra an'ilay Lisin'ny Lohasaha izy. Enga anie haharitra ela izy! Enga anie izy ho trano iray voatokana tanteraka ho an'Andriamanitra!

7 Ny tabernakla izy tenany dia efa notokanana tamin'ny 1933. Fa mieritreritra, fa izao maraina izao, dia ho tena—tena zavatra tsara iray ho an'ny—ny fotoam-panokanana kely iray fotsiny indray, ary indrindra ho an'ireo olona izay efa, niaraka tamin'ny fitiavany sy ny fanoloran-tenany ho an'i Kristy, efa nanao an'izao ho azo atao. Ary te-hisaotra ny tsirairay sy ny rehetra aminareo aho nohon'ny fanatitrareo, sy ny sisa, izay napetrakareo ho fanokanana an'ity fiangonana ity ho an'i Kristy.

8 Ary mankasitraka betsaka tokoa aho, ka misaotra ny fiangonana, mba hiresaka an'ireto teny ireto ho fankasitrahana an'ireo rahalahintsika tsara eto amin'ny fiangonana, izay nanokana ny asany ho an'izao. Rahalahy Banks Wood, rahalahintsika tsara toe-panahy; Rahalahy Roy Roberson, rahalahintsika tsara toe-panahy; ary ireo maro hafa izay, miaraka amin'ny tsi-fitiavan-tena sy niaraka tamin'ny fahatsoran'ny fo, nametraka volana maro tamin'ny fanorenana an'ity toerana ity araka ny naha-izy azy, nijanona teto mba hahita raha voaorina tsara mihitsy ilay izy.

9 Ary rehefa niditra aho, mba hijery an'ity polipitra ity, ilay karazany efa niriako fatratra foana, tamin'ny fiainako rehetra! Izaho dia . . . Fantatr'i Rahalahy Wood izay tiako. Tsy nilaza mihitsy izy fa hanorina an'ilay izy, saingy naoriny izany.

10 Ary nahamarika an'ilay tranobe aho ka toy ny ahoana ilay fanorenana, ilay izy fotsiny dia, oh, faratampony izany. Ary ankehitriny dia tsy misy teny hanehoana ny fihetseham-poko. Tsy misy fomba hanaovana an'izany fotsiny, hitanareo. Ary, fa, Andriamanitra no mahazo. Ary enga anie ianareo tsirairay ho voavaly fitia nohon'ny fandraisanareo anjara sy ny rehetra izay nataonareo hanao an'ity toerana ity arak'izay maha-izy azy, mba haha-tranobe iray azy, tranon'ny Tompo iray. Ary

ankehitriny aho—tiako ny hilaza an'ireto teny ireto. Ankehitriny, ilay tranobe, satria tsara tarehy izy, anatiny sy ivelany . . .

11 Ny zaodahiko, Junior Weber, no nanao ny rafi-biriky. Tsy hitako hoe ahoana no mety hisian'ny zavatra iray tsaratsara kokoa noho izay maha-izy azy, asa iray tanteraka.

12 Rahalahy iray hafa izay eto, tsy mbola nihaona tamin'ilay lehilahy mihitsy aho, izy no nametraka ny rafitry ny feo. Saingy voamariko fa na dia ao anatin'ny tranobe mari-tampona tahaka an'ity aza, dia afaka fotsiny aho . . . Tsy misy ako mihitsy amin'ireo fanamafisam-peo. Ao anatin'ireo valin-drihana izy ireo eto, toerana samihafa. Tsy mampaninona na aiza no itsanganako, dia mitovy foana ilay izy, hitanareo. Ary ny efitra tsirairay dia—dia voaorina, ka ao anatiny ao ireo fampitam-peo, ary afaka manamboatra azy amin'ny fomba rehetra izay irianareo handrenesana azy ianareo. Izany dia, mino aho fa ny tànan'Andriamanitra Tsitoha no nanao an'ireo zavatra ireo. Ankehitriny raha . . .

13 Nanome antsika tranobe iray ny Tompontsika mba ahafahantsika manompo Azy, nandritry ny mihoatra ny, nanodidina ny telopolo taona. Nanomboka tamin'ny gorodona fotaka isika, taim-bakona, ary nipetraka teto akaikin'ireo fatan'arina tranainy. Ary ilay mpiantoka asa, Rahalahy Wood, ny iray amin'izy ireo, sy Rahalahy Roberson, dia niteny tamiko fa teo amin'izay nisy an'ireo andry ireo, sy nametrahana an'ireo fatana ireo fahiny tao amin'ireo loha-trano izay nitsivalana ireo, dia tratry ny afo izy ireo ka may, angamba roa na telo dian-tongotra. Nahoana izy no tsy may tanteraka, Andriamanitra fotsiny ihany no nitahiry azy. Ary avy eo taorian'ny nahamay azy, ka ny lanjan'ny tabernakla rehetra no nipetraka teo ambonin'izany, dia nahoana izy no tsy nirodana, ny tànan'Andriamanitra fotsiny ihany. Ankehitriny dia vita fototra amin'ny vy izy ary mipetraka eo ambonin'ny tany, voaorina mafy.

14 Ankehitriny dia heveriko fa andraikitsika ny manao an'ilay anatiny ho marina, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, mba ho tena hankasitraka an'Andriamanitra hoe ny . . . Tsy tranobe iray tsara tarehy fotsiny ihany izay hahatongavantsika ity, fa enga anie ny tsirairay avy izay miditra hahita ny toetra tsara tarehy an'i Jesosy Kristy ao amin'ny olona tsirairay izay miditra. Enga anie izy ho toerana iray voatokana ho an'ny Tompontsika, vahoaka iray voatokana. Satria, tsy mampaninona na tsara tarehy toy ny ahoana aza ilay rafi-trano, izay tena ankasitrahantsika tokoa, ny hatsaran-tarehin'ny fiangonana no toetran'ilay vahoaka. Matoky aho fa ho tranon'Andriamanitra iray foana izy, an'ny hatsaran-tarehy.

15 Ankehitriny, tamin'ny fotoam-panokanana an'ilay vato fehizoro tany am-boalohany izay voapetraka, dia tonga ny

fahitana lehibe iray. Ary voasoratra ao anatin'ilay vato fehizoro izany, ny maraina nitokanako azy.

16 Ary mety nanontany ianareo, minitra vitsy lasa izay, hoe nahoana aho no ela vao nivoaka. Ny andraikitro voalohany, raha niditra tao amin'ilay fiangonana vaovao aho, dia nanao ny fanambadian'ny lehilahy tanora iray sy vehivavy nitsangana tao amin'ny birao. Enga anie izany ho tandindona iray, hoe ho mpitoriteny mahatoky iray an'i Kristy aho, mba hanao Ampakarina iray vonona ho an'ilay lanonana amin'izany Andro izany.

17 Ary ankehitriny dia ndao isika hanao tahaka ny nataontsika tany amin'ny voalohany. Rehefa nanomboka isika tamin'ny fanokanana voalohany an'ilay fiangonana, dia lehilahy tanora iray fotsiny aho ary, oadray, angamba iraika amby roapolo, roa amby roapolo taona rehefa nametraka an'ilay vato fehizoro isika. Talohan'ny nanambadiako mihitsy aza izany. Ary naniry foana aho ny hahita toerana tsara iray ao amin'ny lamina, ao amin'ny an'Andriamanitra . . . hanompoana an'Andriamanitra, hitanareo, miaraka amin'ny Olony. Ary afaka manao an'izany fotsiny isika, tsy amin'ny alàlan'ny tranobe tsara tarehy iray, fa amin'ny fiainana iray voatokana irery ihany no fomba tokana ahafahantsika manao an'izany.

18 Ary ankehitriny, alohan'ny hanokanantsika, vavaka fanokanana iray, dia hamaky Soratra sasantsasany, ary hanokana ny fiangonana indray ho an'Andriamanitra. Ary avy eo aho dia manana anankiray . . . manana Hafatra iray aho eo amin'ny fitoriana ny filazantsara, izao maraina izao, hampidirina ao amin'ny Hafatro ho avy.

19 Ary, rahariva, dia tiako ny handray ny toko faha-5-n'ny Apokalypsy, izay mampifandray, avy amin'ny—avy amin'ireo taona fiton'ny fiangonana, mankany amin'ireo Tombokase Fito. Fa izaho . . . Avy eo isika dia hanana . . .

20 Ny Alatsinainy hariva dia ho ilay mpitaingin-tsoavaly fotsy. Ny Talata hariva . . . Ilay mpitaingin-tsoavaly mainty, ary mitohy midina, ireo mpitaingin-tsoavaly efatra. Ary avy eo dia misokatra ny Tombokase Fahenina.

21 Ary avy eo ny Alahady maraina, ny Alahady maraina manaraka, raha sitraky ny Tompo . . . Ho hitantsika any aoriana, hilaza an'izany any aoriana. Angamba, ny Alahady maraina manaraka, dia hanana fivoriam-bavaka iray ho an'ny marary ato amin'ny tranobe.

22 Ary avy eo ny Alahady hariva, dia mamarana miaraka amin'ny . . . Enga anie ny Tompo hanampy antsika hanokatra ny Tombokase Fahafito, izay misy andininy fohy iray fotsiny. Ary Izany dia milaza an'izao, "Nisy fahanginana antsasaky ny ora tany An-danitra," tamin'ny alàlan'io fahanginana io.

23 Ankehitriny, tsy fantatro ny dikan'ireo Tombokase ireo. Ary eo amin'ny faran'ny fahatakarako mihitsy aho, ny amin'izy ireo, tahaka ny sasany aminareo angamba izao maraina izao. Manana an'ireo hevitra ara-pivavahana isika izay efa nasehon'olona, saingy tsy hahakasika Azy mihitsy izany. Ary raha hahita ianareo, Izany dia tsy maintsy tonga amin'ny alàlan'ny tsindrimandry. Izany dia tsy maintsy Andriamanitra, Izy tenany, no Anankiray tokana Izay afaka manao an'izany, ilay Zanak'ondry.

Ary rahariva dia ilay Bokin'ny Fanavotana.

24 Ankehitriny, ao amin'izany, ny antony tsy nilazako an'ireo fivoriam-bavaka ho an'ny marary, na ny sisa, dia satria aho dia. . . mipetraka miaraka amin'ny sakaiza sasantsasany aho, ary manolotra ny minitra tsirairay amin'ny fotoako hianarana sy hivavahana. Ary fantatrareo ilay fahitana izay nananako talohan'ny niaingana mihitsy sy nandehanana nankany andrefana, ny amin'ireo Anjely fito tonga nanidina. Noho izany, dia hahazo ianareo any aoriana kely.

25 Noho izany ankehitriny, ankehitriny, ato amin'ny tranobe, dia heveriko fa isika dia tokony hanana, ao amin'ity, raha voatokana izy, na ho voatokana afaka minitra vitsy, ho an'ny fanompoana an'Andriamanitra, tokony ho hazonintsika tahaka an'izany izy. Tsy tokony hividy na hivarotra mihitsy isika ato amin'ny tranobe. Tsy tokony hanao asa mihitsy isika ato amin'ity trano malalaka eto ity. Tsy tokony atao ato mihitsy izany, izany hoe, toy ny mamela mpitoriteny hiditra ka hivarotra boky sy ny sisa. Tsy mampaninona na inona ilay izy, misy toerana hafa hanaovana an'izany. Satria, isika—isika dia tsy tokony hividy na hivarotra ao anatin'ny tranon'ny Tompontsika. Izy dia tokony ho toerana iray an'ny—an'ny fanompoana; masina, voatokana ho an'izany tanjona izany. Hitanareo? Ankehitriny, Izy no nanome antsika toerana tsara iray. Ndao isika hanokana an'izany ho Azy, ary hanokana ny tenantsika, miaraka amin'izany, ho Azy.

26 Ary ankehitriny dia mety ho mafy kely ity, saingy, tsy toerana iray hifamangiana izy. Toeram-panompoana iray izy. Tsy tokony hibitsibitsika teny iray mihitsy akory aza isika ato anatiny ato, ankoatry ny fanompoana, amin'ny iray hafa, raha tsy hoe tena ilaina ilay izy. Hitanareo? Tsy tokony hitangorongorona manodidina mihitsy isika. Tsy tokony hihazakazaka manerana ny tranobe mihitsy isika, na hamela an'ireo zanatsika hihazakazaka manerana ny tranobe. Ary noho izany eo am-panaovana an'izao, fahatsapana iray vao tsy ela akory izay, hoe ny fanaovana an'izao, nanorina azy isika mba ahafahantsika mitandrina ny rehetra aminy. Ankehitriny, voalamintsika izany eto. Mazava ho azy, maro ny olona izay vahiny. Ny olon'ny tabernakla dia mahafantatra an'izany, hoe ny tranobe dia ho voatokana ho an'ny asan'ny Tsitoha. Noho izany, eo am-panokanana ny tenantsika, dia ndao isika hahatsiaro,

hoe rehefa miditra amin'ity toera-masina ity isika, dia mijanòna mangina, amin'ny iray hafa, ka manompoa an'Andriamanitra.

27 Raha te-hifamangy isika, dia misy toerana izay ahazoantsika mifamangy tahaka an'izany. Fa, tsy mihitsy, aza mandehandeha manodidina, izay tsy ahafahanareo mandre ny tenanareo mieritreritra, ary miditra ny olona iray ka tsy fantatr'izy ireo fotsiny izay hatao, hitanareo, tabataba betsaka loatra ilay izy sy ny sisa. Amin'ny maha-olombelona fotsiny izany, ary efa nahita an'izany aho tao amin'ireo fiangonana hany ka nanao ahy hahatsapa tena narary izany. Satria, tsy miditra ao amin'ny toera-masin'ny Tompo isika mba hifampihaona. Tonga eto isika hanompo an'Andriamanitra, avy eo dia mandeha any an-tranontsika isika. Ity toera-masina ity dia voatokana hanompoana. Rehefa . . . Mitsangàna any ivelany, dia resaho ny zavatra rehetra izay irianareo ho resahana, raha mbola marina sy masina foana ilay izy. Mandehana any an-tranon'ny hafa. Mifamangia any amin'ireo toerana. Saingy rehefa miditra amin'io varavarana io ianareo, dia aoka hangina.

28 Tonga eto ianareo mba hiresaka Aminy, hitanareo, ary hamela Azy hamaly anareo. Ny olana amin'ilay izy dia, manao resaka be loatra isika, nefa tsy mihaino betsaka. Noho izany, rehefa miditra ato isika, dia miandrasa Azy.

29 Ankehitriny, tao amin'ilay tabernakla tranainy, mety tsy misy olona iray manatrika izao maraina izao izay tany tamin'ny andron'ny fanokanana, rehefa nitendry ny mozika i Major Ulrich. Ary nitsangana taorian'ny hazo fijaliana telo teto aho, mba hanokana an'ilay toerana. Tsy namela olona iray mihitsy aho . . . Nitsangana teo am-baravarana ireo mpampiditra olona, mba hahita fa tsy nisy olona niresaka. Rehefa, vitanareo ny firesahanareo any ivelany. Dia niditra. Raha naniry hiresaka ianareo, tamim-pahanginana, dia nanketo amin'ny alitara ary nivavaka am-pahanginana. Niverina teny amin'ny sezanareo ianareo, nanokatra ny Baiboly. Izay nataon'ny teo akaikinareo, dia niankina taminy izany. Tsy nanana na inona na inona nolazaina ianareo. Raha te-hiresaka aminy ianareo, dia manaova hoe, "Hahita azy aho any ivelany. Ato aho mba hanompo ny Tompo." Vakio Ny Teniny, na mipetraha moramora.

30 Ary, avy eo, ny mozika. Ranabavy Gertie, tsy fantatro na eto izy izao maraina izao, na tsia, Ranabavy Gibbs. Ilay piano tranainy, mino aho, dia nipetraka teto amin'ity zorony ity, ny tsara indrindra amin'ny fahatsiarovako. Ary nitendry moramora izy hoe, "Teo amin'ny hazo fijaliana izay nahafatesan'ny Mpamonjiko," mozika iray tena mamy, moramora, ary— ary, tamin'izay fotoana izay, mandra-pahatongan'ny oran'ny fotoana. Ary nitsangana ilay mpitarika hira ka nitarika hiram-piangonana vitsivitsy. Ary avy eo raha nanana hiran'olon-tokana malaza iray izy ireo, dia nohirain'izy ireo izany. Saingy, tsy andiana hadalana iray fotsiny mihitsy. Ary avy eo dia

nitendry mitohy foana ny mozika. Ary tamin'izay fotoana izay rehefa nandre an'izany aho, dia fantatro fa izay no fotoana hivoahako.

31 Rehefa miditra ao amin'ny fiangonan'olona mivavaka ny mpitoriteny iray, ka manosotra ny Fanahy, dia tsy maintsy mandre avy any An-danitra ianareo. Izay fotsiny ihany. Tsy misy fomba hisakanana an'izany. Fa raha miditra ao anatin'ny fifanjevoana ianareo, amin'izay fotoana izay ianareo—ianareo. . .ianareo dia—tena mifanjevo ianareo, ka malahelo ny Fanahy; ary tsy mila an'izany isika, tsia. Mila miditra eto mba hanompo isika. Manana tokantrano maha-te-ho tia isika, izay ho resahako, afaka iray minitra fotsiny, sy ny sisa; any an-trano, izay amangiantsika an'ireo sakaizantsika sy andraisantsika azy ireny. Ity dia tranon'ny Tompo.

32 Ankehitriny, misy an'ireo ankizy kely, ankehitriny, ireo zaza kely. Ankehitriny, tsy mahafantatra hafa izy ireo. Izy ireo, ny fomba tokana ahafahan'izy ireo mahazo izay ilainy, dia ny mitomany ho an'izany. Ary matetika dia ho an'ny fisotroan-drano izany, ary matetika dia mila fikarakarana izy ireo. Ary noho izany isika dia efa, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, nanokana efitra iray. Izany dia nantsoina, eo amin'ny lisitra hoe, ny "efitry ny fitomaniana," fa manoloana ahy mihitsy izany. Izany dia, amin'ny teny hafa, ao amin'izay ahafahan'ireo reny mikarakara ny zazakeliny.

33 Ankehitriny, tsy manelingelina mihitsy izany, angamba, ho ahy eto amin'ny polipitra. Angamba tsy hahamarika an'izany akory aza aho, satria voahosotra. Fa misy olona hafa mipetraka eo akaiky, ary manelingelina azy ireo izany, hitanareo, nefa tonga eto izy ireo mba handre ny fotoana. Noho izany ireo reny dia. . .Manomboka mikonaina ireo zaza kelinareo; tsy misy azonareo atao amin'izany. Nahoana, azo antoka, izany dia. . . Ianareo dia tokony, tokony hitondra azy ianareo. Ny tena reny iray dia te-hitondra ny zazakeliny any am-piangonana, ary izany no zavatra tokony ataonareo.

34 Ary manana efitra iray isika ao izay ahafahanareo mahita ny zorony tsirairay an'ny tranobe, ny trano malalaka rehetra; ary fanamafisam-peo iray ao, izay ahafahanareo mifehy ny hamafin'ny feo arak'izay itiavanareo azy; miaraka amin'ny—ny trano fivoahana kely iray eny amin'ny farany, ary toeram-pisasana, ary ny zavatra rehetra ho an'izay ilain'ny reny marina mihitsy. Miaraka amin'ireo seza sy ny sisa, afaka mipetraka ianareo; toerana hanoloana ny zazakelinareo, raha mila hosoloina izy, ary ny zavatra rehetra mipetraka ao. Voamboatra daholo izany.

35 Ary avy eo, matetika, ireo ankizy adolantsento ary indraindray ireo lehibe, dia hanao. . .Fantatrareo, hifampita naoty ireo olona tanora, na tapa-taratasy, na zavatra iray,

ao am-piangonana. Ankehitriny, efa tena lehibe ianareo mba ahafantatra tsaratsara kokoa noho izany. Hitanareo? Tokony ahafantatra tsaratsara kokoa noho izany ianareo. Hitanareo? Tsy tokony ho tonga eto ianareo . . . Raha manantena ny ho tena lehilahy iray ianareo indray andro any, ka hitaiza fianakaviana iray ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra, amin'izay fotoana izay dia atombohy any amin'ny fanombohana ilay izy, hitanareo, ary—ary mihetseha tsara ka manaova tsara, ary ankehitriny, mazava ho azy.

36 Ankehitriny, mitsangana eny amin'ny zoron'ny tranobe ireo mpampiditra olona, sy ny sisa. Ka raha misy hadalana iray, izy ireo dia—voatendry izy ireo, amin'ny maha-andraikiny, ary ireo mpitantan-draharaha dia mipetraka eto aloha, ka raha misy olona iray manomboka tsy mitondra tena tsara, dia izy ireo no nampiandraiketana hangataka an'ilay olona mba hipetraka tsara.

37 Noho izany, raha tsy manana an'izany fanajana izany izy ireo, dia tsaratsara kokoa raha olona hafa iray no manana an'ilay seza, satria misy olona izay te-hihaino. Misy olona iray tonga ho an'izany tanjona izany, mba hihaino. Ary izay no maha-eto antsika, dia ny hihaino ny Tenin'ny Tompo. Ary noho izany dia te-hihaino an'Izany ny olona rehetra, ary mila an'izany milamina mihitsy arak'izay vitan'izy ireo. Milamina mihitsy arak'izay vitan'izy ireo; izany hoe, tsy misy andiana firesahana iray sy hadalana.

38 Mazava ho azy, olona iray izay manompo ny Tompo, izany no andrasana. Tokony ho izany ilay izy. Izany no maha-eto anareo, dia ny hanompo ny Tompo. Raha mahatsapa fotsiny te-hidera an'Andriamanitra ianareo, na hihiakiaka, dia manohiza avy hatrany fotsiny, hitanareo, satria izany no maha-eto anareo, hitanareo, fa, izany dia ny manompo ny Tompo amin'ny fomba fanompoanareo manokana. Fa tsy misy olona manompo ny Tompo raha miresaka sy mifampita naoty ianareo, ary manampy olon-kafa hanalavitra an'ilay fanompoana ny Tompo ianareo, hitanareo, noho izany dia tsapantsika fa ho ratsy izany. Ary tiantsika ny hanao an'izany ho fitsipika iray ato amin'ny fiangonantsika, hoe ato amin'ny fiangonantsika, hoe, ho an'ity tranobe ity, ity fiangonana ity dia ho voatokana ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra ary ho an'ny fitoriana ny Teny. Mivavaha! Manompoa! Izany no antony tokony ahatongavanareo eto, mba hanompo, arak'izany.

39 Ary avy eo ny zavatra hafa iray, rehefa tapitra ny fotoana, mazàna ny olona ao amin'ireo fiangonana . . . Izaho tsy—tsy mihevitra aho fa eto izany, satria . . . mandeha foana aho, hitanareo, satria lasa aho.

40 Mazàna, na dia eo am-pitoriana fotoana hafa aza, dia tonga ny hosotra, ary mitranga ireo fahitana. Ary reraka aho, ka

miala mankao amin'ny efitra. Ary angamba i Billy, na ny sasany amin'ireo lehilahy eo, no mitondra ahy mody, ary mamela ahy hiala sasatra vetivety, mandra-pivoakako amin'izany, satria tena fisintonana betsaka ilay izy.

41 Ary avy eo dia mahita an'ireo fiangonana aho, na izany aza, izay amelàna an'ireo ankizy hihazakazaka manerana an'ilay toera-masina, ary—ary ireo lehibe mitsangana sy mihorakoraka manerana ny efitra, ny iray amin'ny hafa. Izany no fomba tsara iray hamotehana an'ilay fotoana ho avy amin'io hariva io, na fotoana inona ilay izy. Hitanareo?

42 Vantany vao mirava ny fotoana, dia mialà amin'ilay trano malalaka. Nahavita ianareo, tao amin'ny fanompoana amin'izay fotoana izay. Avy eo dia mivoaha ary mifampiresaha, ary na inona na inona tianareo hatao. Raha manana zavatra tianareo resahana amin'ny olona iray ianareo, mba—mba hahita azy ireo, eny, dia mandehana miaraka amin'izy ireo, na mankany an-tranony, na inona na inona ilay izy, fa aza manao an'izany ao anatin'ilay trano malalaka. Ndao isika hanokana an'ity ho an'Andriamanitra. Hitanareo? Ity no Toeram-pihaonany, izay hihaonantsika Aminy. Hitanareo? Ary ny Lalàna dia mivoaka avy ao amin'ny toera-masina, mazava ho azy. Ary izaho—mino aho fa izany no hahafaly ny Raintsika any An-danitra.

43 Ary avy eo rehefa tonga ianareo, ka mahita fa manomboka milatsaka eo anivonareo ireo fanomezam-pahasoavana... Ankehitriny, mazàna izany...Hatoky aho fa tsy ho eto mihitsy izany; fa, rehefa manana fiangonana iray vaovao ny olona, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia lasa madity ilay fiangonana. Tsy tianareo hisy mihitsy izany. Sady izay koa, ity dia toeram-panompoana iray. Ity no tranon'ny Tompo. Ary raha manomboka tonga eo anivonareo ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy...

44 Azoko, fa hatramin'ny nandehanako, dia mifindra eto ny olona avy any amin'ny ampahany samihafa an'ny firenena, mba hanao an'ity ho tranony. Misaotra aho, mankasitraka an'Andriamanitra, fa, mino aho fa...

45 Tamin'ny maraina izay nanokanako sy nametrahako an'io vato fehizoro tao io, raha mbola lehilahy tanora iray, dia nivavaka aho ho an'ny fijoroany mba hahita ny Fihavian'i Jesosy Kristy. Ary rehefa nivavaka aho, nanan-trosa an'arivony dolara, ary teo...Afaka naka rakitra iray tao amin'ny fiangonana iray amin'izao hahabe izao ianareo ary mahazo telopolo na efapolo cents, nefa ny trosanay dia tany amin'ny dimampolo amby zato, roanjato dolara isam-bolana tany. Ahoana no mba ahafahako hanao an'izany? Ary fantatro fa niasa aho, ary ho voaloako izany. Izaho...Fito ambin'ny folo taona nitandremana tsy naka iray cent, saingy nanome ny zavatra rehetra izay nananako, ny tenako, ankoatry ny fivelomako; ary ny rehetra

izay niditra tao anatin'ilay boaty kely aoriana ao, dia ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra.

46 Ary naminany sy nilaza mialoha ny olona fa ao anatin'ny herintaona dia hivadika ho garazy iray izy. Nanandrana nanaisotra an'izany taminay tamin'ny kilema iray i Satana indray mandeha, tamin'ny hosoky ny raharaham-pitsarana iray. Nisy lehilahy iray nilaza fa naratra ny tongony rehefa niasa teo amin'izany izy, ary avy eo dia namela an'izany handeha, ary avy eo. . . ary nitory ka te-haka an'ilay tabernakla. Ary nijoro teo amin'ny andraikitro nandritry ny herinandro maro aho. Fa na dia teo aza ireo tsy fahazoana sy filazana mialoha rehetra, ary izay nolazain'izy ireo, dia mijoro izy androany ho iray amin'ireo trano malalaka tsara tarehy indrindra sy fiangonana tsara indrindra izay misy eto Etazonia. Marina izany.

47 Avy teto no nandeha ny Tenin'Andriamanitra velona, nanodidina an'izao tontolo izao, hitanareo, nanodidina an'izao tontolo izao; ary manao tsy ankitsahatra ny Fihodinany manodidina ny gilaoby, avy amin'ny firenena tsirairay eto ambanin'ny Lanitra, araka ny fantatsika, manodidina sy manodidina an'izao tontolo izao. Aoka isika hisaotra ny amin'ity. Ndao isika hankasitraka ny amin'ity.

48 Ary ankehitriny dia manana toerana iray honenana isika, tafo iray eo ambanin'ny lohantsika, fiangonana iray madio, tsara hipetrahana, ndao isika hanokana ny tenantsika vaovao indray ho an'ny asa, sy hanokana ny tenantsika ho an'i Kristy.

49 Ary Rahalahy Neville, rahalahintsika tsara toe-panahy, tena pasitera, mpanompon'Andriamanitra velona. Izay rehetra fantatr'io lehilahy io amin'ny Hafatra, dia mihazona miaraka amin'Izany izy, miaraka amin'izay rehetra ananany. Marina izany. Olona iray malemy fanahy izy. Izy dia matahotra kely ny, na, tsy matahotra; tsy izany no tiako lazaina. Fa izy dia tena, tena malemy fanahy tanteraka, izy fotsiny dia kely iray, tsy miteny mafy, fantatrareo, ohatra hoe—milaza zavatra iray izay masiaka sy mandidy, na, "Mipetraha," na, "Mipetraha tsara!" Izaho—efa nahamarika an'izany aho, ary nihaino an'ireo horonam-peo taorian'izany.

50 Fa izaho no mety hahavita an'izany. Noho izany aho—aho . . . Ary izaho—tiako hahatsiaro an'ireo teniko ianareo, hitanareo. Ary ity rehetra ity dia raisim-peo, hitanareo. Ny zavatra rehetra dia raisim-peo. Ary, azafady, aoka ny diakona tsirairay hijoro eo amin'ny toeran'andraikiny, ary tsarovy fa eo ambanin'ny fanirahana iray avy amin'Andriamanitra ianareo, mba hihazona an'izany andraikitra izany ho masina. Hitanareo? Ny mpitantan-draharaha tsirairay, dia toy izany ihany. Ny pasitera dia tsy maintsy mitondra . . .

51 Tsy toeran'ny pasitera ny tsy maintsy hilaza an'izany. Izany dia ireo mpitantan-draharaha . . . na, ny tiako lazaina

dia ireo diakona, satria izy ireo no polisin'ny fiangonana. Izany hoe, raha tonga ao ivelany ao ny tanora vitsivitsy ka mampaneno klakisôna, ary, fantatrareo, hoe ahoana no ataon'izy ireo mazàna, na zavatra tahaka an'izany, amin'ny fivoriana, na mivoaka ao ivelany ao. Ary raha mandefa ny zananivavy eto ny reny, ka lasa miaraka amin'ny ankizy jiolahimboto iray izy, ary mitsoaka any ao anatin'ny fiara, nefa ny reniny dia mihevitra fa ato am-piangonana izy, tahaka an'izany. Ny diakona no tokony hijery an'izany. "Na ianao hiditra dia hipetraka, na ho entiko ao anatin'ny fiarako ianao ka hitondra anao hody hankany amin'ny reninao." Hitanareo? Ianareo, tsy maintsy manao an'izany ianareo.

52 Tsarovy, manitsy ny fitiavana, hitanareo, isan'andro. Ny fitiavana tena izy dia manitsy, noho izany dia tsy maintsy mahatanty fanitsiana ianareo. Ary, ry reny, fantaro ankehitriny fa misy toerana iray ao ho an'ireo zazakelinareo. Ianareo ankizy tanora dia mahafantatra hafa noho ny mihazakazaka manerana ny tranobe. Hitanareo? Ary ianareo lehibe dia mahafantatra hafa noho ny miresaka sy manao ny firesahanareo ato amin'ny trano malalaka. Hitanareo? Aza manao an'izany. Ratsy izany. Tsy mahafaly an'Andriamanitra izany.

53 Hoy Jesosy hoe, "Voasoratra hoe, ny Tranoko dia hatao tranon'ny fanompoana, fivavahana. Any . . . Antsoina hoe trano fivavahana, amin'ny alàlan'ny firenena rehetra!" Ary nividy sy nivarotra izy ireo, ka nandrandrana karavasy Izy ary nandroaka ny olona hiala tao amin'ilay trano malalaka. Ary tsy tiantsika hitranga ato amin'ity toera-masina eto ity tokoa izany. Noho izany, dia ndao isika hanokana ny fiainantsika, ny fiangonantsika, ireo asantsika, ireo fotoantsika, sy ny zavatra rehetra izay ananantsika, ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra.

54 Ankehitriny, te-hamaky Soratra vitsivitsy aho ankehitriny alohan'ny anaovantsika ny vavaka fanokanana. Ary—ary, noho izany, dia fanokanana indray fotsiny izany, satria ny tena fanokanana dia efa nitranga telopolo taona lasa izay. Ankehitriny ao amin'ny . . . Noho izany—noho izany isika raha—raha mamaky an'ity Soratra ity isika ka miresaka eo amin'Izany minitra vitsy, dia matoky aho fa hitondra ny Fitahiany ho antsika Andriamanitra.

55 Ary ankehitriny dia nisy zavatra hafa iray izay saika nolazaiko. Eny. Teo amin'izay nananantsika an'ireo fandraisam-peo fahiny, sy ny sisa, dia manana efitra iray ara-dalàna isika ao, ho an'ireo izay te-hanao ny fandraisam-peo. Misy an'ireo fifandraisana manokana ao, sy ny zavatra rehetra ao, izay avy amin'ilay fanamafisam-peo ifotony mivantana, ao anatiny ao.

Misy ireo efitra, akanjo, ny zavatra rehetra ho an'ny fotoan'ny batisa.

56 Ary avy eo dia zavatra iray, betsaka ny olona izay mahatsapa ho sorena foana amiko, olona maro izay tsy nahafantatra ny Soratra marina tokoa, mikasika ny fananana hazo fijaliana iray ao anatin'ny fiangonana. Tsaroako indray mandeha fa nisy zavatra nitranga teto mikasika an'izany. Nanana hazo fijaliana telo aho, ka taitra tanteraka ny rahalahy iray satria efa nandre anaram-piangonana hafa iray izy nilaza fa ny hazo fijaliana iray dia midika hoe Katolika.

57 Mila mpianatra iray aho, na olona iray, na Kristiana iray nateraka indray, hilaza fa ireo Katolika no manana ny fananantokana ny hazo fijaliana. Tsy maneho ny Katolisisma ny hazo fijalian'i Kristy. Maneho an'Andriamanitra izany, ny Fanjakana. Ankehitriny, ireo olo-masina no maneho ny Katolisisma. Isika dia mino fa misy "Mpanelanelana iray eo amin'Andriamanitra sy ny olona, ary Kristy izany." Fa ireo Katolika dia mino an'ireo karazana mpanelanelana rehetra, vehivavy sy lehilahy an'arivony, sy ny sisa; ny Katolika tsara rehetra, saiky, izay maty, dia lasa mpanelanelana iray. Ankehitriny, ny hazo fijalian'i Kristy dia maneho an'i Jesosy Kristy.

58 Efa fantatrareo ve fa ireo Kristiana voalohany, araka ny— ny tantara fahiny an'ilay fiangonana voalohany, dia nitondra hazo fijaliana izy ireo teo amin'ny lamosiny, na taiza na taiza nalehany, mba haneho sy hanondro ny tenany ho Kristiana? Ankehitriny, ireo Katolika dia mihambo fa izy ireo izany. Mazava ho azy, mihambo izy ireo fa izy ireo no hany voalohany, saingy tsy voarafitra akory aza ny fiangonana Katolika tamin'izany. Hitanareo? Fa ireo Kristiana no nitondra hazo fijaliana iray teo . . . Efa nandre olona ianareo nanao hoe, "mpibaby hazo fijaliana." Manondro an'izany ho ny Katolika ve ianareo?

59 Ilay tena katolika izany, ilay Fiangonan'ny Fanahy Masina maneran-tany an'izao tontolo izao, no marina. Katolika isika. Isika no katolika tany am-boalohany, ny katolika mino ny Baiboly. Hitanareo? Izy ireo dia ilay fiangonana, Katolika, ilay rafi-pandaminana. Afaka amin'izany isika. Isika no fitohizan'ny Foto-pampianaran'ireo apostoly. Isika no fitohizan'ny batisan'ny Fanahy Masina sy ireo zavatra rehetra izay notohanan'ilay Fiangonana voalohany, fa ny fiangonana Katolika dia tsy manana ny iray amin'ireo. Hitanareo?

60 Noho izany, napetrak'izy ireo eto ilay hazo fijaliana, izay nentina, izay nokapaina avy tamin'ny hazo oliva izay nivavahan'i Jesosy teo ambaniny. Izany dia ilay hazo fijaliana izay nalaina an-taonany maro, ary nomen-dRahalahy Arganbright ahy. Ary te-hanokana an'izany miaraka amin'ity fiangonana ity aho.

61 Ary mifanaraka toy ny ahoana, fa, na iza na iza nanantona azy teo. Tsy fantatro hoe iza ilay izy, izay nanantona azy teto

amin'ny—teto amin'ny ankaviako. Namela an'ilay mpangalatra teo amin'ny Ankavanany Izy; izaho izany.

62 Ary ny zavatra hafa iray izay asehony, satria miondrika ny Lohany, dia hitanareo ny Fijaliany. Ny olona rehetra izay . . . Mijery eo ambonin'ny alitara izany. Ary manantena anao eto Izy, ry mpanota, ary hijery miondrika eo aminao Izy. Any aoriana dia hanana jiro kely iray hipetraka eto izy ireo, mba amin'ny fotoana anaovana ny antso eny amin'ny alitara, dia hipiapiaka eo amin'izany ny jiro iray, mba amin'ny fotoana maha-eto ny olona ho . . .

63 Hoy ianareo hoe, "Nahoana no mila an'izany ianareo? Tsy tokony hanana sary vongana iray ianareo."

64 Eny, noho izany, ilay Andriamanitra iray ihany izay nanao hoe, "Aza manao sarin-javatra voasokitra ho an'ny tenanao," no ilay Andriamanitra iray ihany nanao hoe, "Manamboara kerobima roa ka ahilano miaraka ny elatr'izy ireo, ary apetraho eo amin'ny sezan'ny famindrampo izay ivavahan'ny olona izy ireo."

Hitanareo, izany dia—izany dia, tsy nisy fahazoana. Hitanareo?

65 Noho izany, voatsindrimandry io ary nahantona avy hatrany teo amin'ny toerany marina. Ary tena mankasitraka aho ny ho ilay anankiray izay teo amin'ilany ankavanana. Matoky aho fa namela ahy Izy, satria aho, raha ny amin'ny hoe nangalatra zavatra ara-bakiteny, araka ny fantatro, dia tsy nanao an'izany mihitsy aho teo amin'ny fiainako; fa tena diso fampiasa ny Fotoany aho hany ka tahaka an'izany no nangalarako. Ary efa nanao zavatra maro izay tsy tokony nataoko aho. Ary mankasitraka an'Andriamanitra aho, izao maraina izao, fa namela ny fahotako Izy.

66 Ary ankehitriny dia te-hamaky avy ao amin'ny Bokin'ny Tantara Voalohany 17 aho, ka hiresaka fotsiny mandritry ny dimy minitra eo ho an'ny fotoam-panokanana, hivavaka, ary avy eo dia hiditra ao amin'ny Hafatra isika. Ankehitriny, ao amin'ny Tantara Voalohany, ny—ny toko faha-17.

> *Ankehitriny dia izao no niseho, raha nipetraka tao amin'ny trano* iray *i Davida, dia hoy i Davida tamin'i Natana mpaminany hoe, Indro, izaho mitoetra ao amin'ny trano* sedera iray, *nefa ny fiaran'ny faneken'ny* T*OMPO* *mitoetra eo ambanin'ny lamban'efitra.*
>
> *Dia hoy Natana tamin'i Davida hoe, Ataovy izay rehetra ao am-ponao; fa Andriamanitra no momba anao.*
>
> *Ary izao no niseho tamin'io alina io ihany, fa ny tenin'*ny TOMPO *dia tonga tamin'i Natana, nanao hoe,*
>
> *Mandehana ka teneno* ny mpanompoko Davida . . . *Mandehana ka teneno i Davida mpanompoko,* (raha ny

> marina), *Hoy ny* TOMPO *hoe, Tsy ianao no hanao trano* iray *hitoerako:*
>
> *Fa tsy mbola nitoetra tao amin'ny trano* iray *aho hatramin'ny andro izay nitondrako ny Isiraely ka hatramin'ity andro ity; fa nifindrafindra tranolay, ary avy tamin'ny tabernakely iray nankao amin'ny iray hafa.*
>
> Tany *amin'izay nandehanako niaraka tamin'ny Isiraely, efa mba niteny teny iray tamin'ny mpitsaran'ny Isiraely ve aho, izay nodidiako hamahana ny oloko, nanao hoe, Nahoana ianareo no tsy nanorina trano* iray *ho ahy . . .?*
>
> *Koa ankehitriny dia izao no lazainao amin'i . . . Davida, Hoy ny* TOMPON*'ny maro hoe, Izaho no naka anao tany an-tsaha, avy tamin'ny fanarahana ny ondry mihitsy aza, mba hahatonga anao ho mpanapaka ny Isiraely oloko:*
>
> *Ary nomba anao aho* na taiza na taiza *nalehanao, ka nandringana . . . ny fahavalonao teo anoloanao, ary nanao anarana iray ho anao tahaka ny anaran'ny . . . lehilahy malaza izay eo ambonin'ny tany.*

67 Tiako ny hilaza, eto amin'ity toerana ity, fa—fa Davida dia nahita an'ilay zavatra iray ihany izay hitantsika. Hoy i Davida hoe, "Tsy tsara raha nanao trano sedera iray ho ahy ianareo vahoaka, nefa ny fiaran'ny faneken'Andriamanitro dia mbola eo ambanin'ireo lamban'efitra foana." Izany dia hoditra izay nozairina miaraka, an'ny ondry sy ireo biby. Hoy izy hoe, "Tsy tsara ho ahy ny hanana trano tsara iray, nefa ny fiaran'ny faneken'Andriamanitro dia mitoetra ao anaty tranolay iray." Noho izany, dia napetrak'Andriamanitra tao am-pony ny hanorina tabernakely iray.

68 Saingy, Davida, satria le—lehilahy iray an'ny—an'ny fitiavana sy fanokanan-tena ho an'Andriamanitra, kanefa efa nandatsa-drà be loatra izy. Noho izany dia hoy izy hoe . . . Davida, niresaka an'ity teo amin'ny fanatrehan'ilay mpaminanin'io taona io, dia i Natana. Ary Natana, nahafantatra fa Andriamanitra dia tia an'i Davida, dia hoy izy hoe, "Davida, ataovy izay rehetra ao am-ponao, satria momba anao Andriamanitra." Filazana iray toy ny inona! "Ataovy izay rehetra ao am-ponao, satria momba anao Andriamanitra." Ary tamin'io alina io ihany . . . Maneho ny fanokanan-tenan'i Davida ho an'ny fitiavana an'Andriamanitra.

69 Ary noho izany ny mahita, tamin'io alina io ihany, nahafantatra fa tao amin'ny fahadisoana izy, hoe tsy navela hanao an'izany izy, dia feno famindrampo betsaka Andriamanitra ny hidina ka niresaka tamin'i Natana. Ary efa tiako foana ireto teny ireto hoe, "Mandehana teneno amin'i

Natana Ny. . . Mandehana teneno amin'i Davida Mpanompoko, hoe, 'Izaho no naka anao tany an-tsaha.'" Izao fotsiny, tsinontsinona izy.

70 Ary izaho—tiako ny hampihatra an'izany eto, iray minitra fotsiny. "Izaho no naka anao avy tamin'ny tsinontsinona, ary Izaho—Izaho—Izaho hanome anarana iray ho anao. Manana anarana iray tahaka an'ireo lehilahy malaza izay eto an-tany ianao." Ary tiako ny hampihatra an'izany ao amin'ny—ao amin'ny tsiambaratelo iray, kanefa ao amin'ny—ny fomba iray hamoahana zavatra iray. Nieritreritra aho fa. . .

71 Taona vitsy lasa izay, nitsangana teto amin'ny tanàna teto aho, ka tsy nisy olona niraharaha ahy. Tsy nisy olona nitia ahy. Ary tiako ny olona, saingy tsy nisy olona nitia ahy, nohon'ny momba ny lasan'ny fianakaviana. Tsy hoe tsi-fanajana ny reniko sy ny raiko sarobidy.

72 Toy ny ahoana no aniriako ahafahan'io mama io ho velona hiditra ato amin'ity toera-masina ity, izao maraina izao. Maro tamin'ireo an'ny andro fahiny izay nametraka ny volany mba hanampy hanorina azy eto, Andriamanitra angamba, izao maraina izao, dia hamela azy ireo hijery eny ambonin'ny andry.

73 Saingy ny fianakavian'i Branham dia tsy nanana anarana tena tsara iray nanodidina teto, nohon'ny fisotroana. Tsy nisy nidiran'ny olona tamiko. Ary tsaroako fa niteny tamin'ny vadiko aho vao tsy ela akory izay, mahatsiaro fotsiny fa izaho—tsy afaka nahita olona iray hiresaka amiko aho. Tsy nisy olona niraharaha ahy. Fa ankehitriny dia tsy maintsy miafina, mba hahazo fialan-tsasatra kely.

74 Ary ankehitriny dia ny Tompo no nanome antsika an'ity toerana lehibe ity, sy—sy ireto zavatra lehibe izay Nataony ireto. Ary Izy no nanome ahy ny. . . Teo ankilan'ny—ny anaran-dratsy iray, dia nanome ahy anarana iray tahaka ny an'ny iray amin'ireo lehilahy malaza Izy. Ary Izy no nandringana ny fahavaloko na taiza na taiza nalehako. Tsy nisy na inona na inona mihitsy nitsangana teo anoloan'Izany, na taiza na taiza Nalehany. Fa, ary toy ny ahoana no ankasitrahako an'izany.

75 Ary ahoana no mba hahafantarako; izay ankizy kely iray rovitra akanjo teto, làlana roa na telo avy eto, mankany amin'ny Sekoly Ingramville, fony aho fihomehezan'ny sekoly, satria tena rovitra akanjo, ary nikorisarisa teo amin'ny kamory tranainy iray? Ahoana no mba nahafantarako fa tao ambanin'io kamory io no nipetraka ny voan'ny lisy iray izay afaka namony tahaka an'ity? Ary ahoana no mba nahafantarako, fa, tsy nisy olona iray niresaka tamiko, kanefa Izy dia hanome ahy a—anarana iray izay ho hajaina eo anivon'ny Olony?

76 Ary, ankehitriny, dia tsy navela hanorina an'ilay tempoly i Davida. Tsy afaka nanao an'izany izy. Fa hoy Izy hoe, "Izaho no hanangana avy amin'ny taranakao, ka izy no hanorina ny

tempoly, ary ho tempoly iray mandrakizay io tempoly io. Ary eo amin'ny zanakalahinao, ny zanakalahin'i Davida, no hisian'ny fanjakana mandrakizay; izy no hifehy." Solomona, zanakalahin'i Davida ao amin'ilay ara-boajanahary, avy tamin'ny heriny ara-boajanahary, no nanorina trano iray ho an'ny Tompo, tempoly iray.

77 Saingy rehefa tonga ilay tena Taranak'i Davida, ilay Zanak'i Davida, Izy no niteny tamin'izy ireo fa ho avy ny fotoana iray izay tsy hisy vato iray ho tavela eo ambonin'ny hafa, an'io tempoly io. Fa niezaka nanondro tempoly hafa iray tamin'izy ireo Izy.

78 Jaona, ilay mpanambara, any amin'ny Bokin'ny Apokalypsy any, izy no nahita an'io Tabernakely io. Apokalypsy 21, izy no nahita hoe, "Tonga ilay Tempoly vaovao, nidina avy tany An-danitra, voahaingo tahaka ny ampakarina iray mihaingo ho an'ny vadiny. Ary nisy Feo iray avy tao amin'ny Tempoly, nanao hoe, 'Indro, ny Tabernakelin'Andriamanitra dia eo amin'ny olona, ary Andriamanitra no homba azy ireo, sy hamafa ny ranomaso rehetra eo amin'ny masony. Ary tsy hisy noana intsony, na alahelo intsony, na fanaintainana na fahafatesana intsony; satria efa lasa ireo zavatra taloha.'"

79 Amin'izay fotoana izay ilay tena Zanak'i Davida, araka ny ho hitantsika ao amin'ireto lesona ho avy amin'ity herinandro ireto ity, no ho tonga ao amin'Ny Tempoliny amin'izay fotoana izay, ilay Tempolin'Andriamanitra, ilay tena Tabernakely izay Nandehanany mba haorina ankehitriny. Satria, Izy no nilaza, ao amin'ny Jaona 14 hoe, "Ao an-Tranon'Ny Raiko misy toerana maro, ary handeha Aho . . . " Inona no Tiany lazaina amin'izany? Efa voatendry mialoha izany. "Ary handeha hanamboatra Toerana iray ho anareo Aho, ka hiverina indray, handray anareo ho an'ny Tenako." Ary, mazava ho azy, fantatsika fa ho ao amin'ilay Taona malaza ho avy izany. Ary ilay tena Taranak'i Davida no handray ny Seza fiandrianana, dia Jesosy Kristy, ary hanjaka eo amin'ny Fiangonana, amin'ny maha-Ny Ampakariny, ao an-Trano miaraka Aminy, ary eo amin'ireo foko roa ambin'ny folon'ny Isiraely, mandritry ny Mandrakizay rehetra.

80 Ary ireo toerana kely ireo; tahaka an'i Davida, izay tsy afaka nanorina an'ilay tena Tabernakelin'Andriamanitra, satria tsy nomanina hanao an'izany izy. Tsy nisy na inona na inona azony natao. Mety maty iray izy, ary nandatsa-drà. Toy izany koa ilay izy androany, ho antsika, tsy nomanina hanorina an'ilay tena Tabernakelin'Andriamanitra isika. Anankiray ihany no afaka manao an'izany, ary ao amin'ny Fanorenany Izany ankehitriny.

81 Fa ity tabernakla kely ity, tahaka an'ilay tempoly izay naorin'i Solomona ho Azy, ary tahaka an'ireo hafa, dia toeram-panompoana vonjimaika fotsiny ihany mandra-pahatongan'ny

fotoana izay hipetrahan'ilay tena Tabernakely eto ambonin'ny tany. "Ary ny fahamarinana no hanjaka hitety ny lanitra. Ary tsy hisy alahelo intsony." Tsy hisy fotoam-pandevenana ho toriana ao amin'io Tabernakely io. Tsy hisy mariazy intsony, satria ny Mariazy dia ho Mariazy malaza anankiray ho Mandrakizay. Ho fotoana iray toy ny inona izany!

82 Fa ndao isika hikasa ao am-pontsika, androany, hoe ao amin'ny fahatsiarovana sy fiandrasana an'io Tabernakely ho avy io, mba tena hameno ny tenantsika amin'Ny Fanahiny, mba hanompoantsika ao amin'ity toerana ity toy ny hoe efa tao amin'io Toerana hafa io isika, eo am-piandrasana an'io Toerana ho avy io.

83 Ndao isika ankehitriny hitsangana, ary raha mamaky ny Soratra Masina aho.

> *Ary nahita* lanitra *vaovao sy tany vaovao aho: fa* efa *lasa ny lanitra voalohany sy ny tany voalohany; ary tsy* nisy *ranomasina intsony.*
>
> . . .*Izaho Jaona dia nahita ny tanàna masina,* ilay *Jerosalema vaovao, nidina avy tamin'Andriamanitra any an-danitra, voaomana tahaka ny ampakarina voahaingo ho an'ny vadiny.*
>
> *Ary reko* ny. . .*feo avy tany an-danitra nanao hoe, Indro, ny tabernakelin'Andriamanitra dia eo amin'ny olona, ary izy* no *hitoetra miaraka amin'izy ireo, ary izy ireo ho olony, ary Andriamanitra izy tenany no hiaraka amin'izy ireo, sy ho Andriamaniny.*

Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny.

84 Rainay any An-danitra, mitsangana amin-tahotra izahay. Mitsangana amin'ny fankatoavana sy fanajana Masina izahay. Ary mangataka Aminao izahay, Tompo, mba hanaiky ny fanomezanay, fa Ianao no nanome fahasoavana anay, ny vola, mba hanamboatra toeram-panompoana iray ho Anao. Tsy misy na inona na inona, na tsy misy toerana izay azonay amboarina eto ambonin'ny tany, izay ho mendrika ho an'ny—hitoeran'ny Fanahin'Andriamanitra. Fa manolotra an'ity ho Anao izahay ho famantarana iray an'ny fitiavanay sy ny fihetseham-ponay Aminao, Tompo. Ary misaotra Anao izahay ny amin'ny zavatra rehetra izay efa Nataonao ho anay.

85 Ary, ankehitriny, ny tranobe sy ny tany dia efa voatokana efa ela izay, ho an'ny asa, ary misaotra Anao izahay nohon'ny fahatsiarovana an'izay efa nisy. Ary ankehitriny, Tompo Andriamanitra, araka ny fahitana iray nivoaka, taona maro lasa izay, naneho an'ity, fa nahita tranobe tranainy iray aho izay nisy an'ireo olona indray mandeha, ary namboarina sy navaozina izy ireo, ka nirahina niverina teny ampitan'ilay renirano aho.

86 Ankehitriny, Tompo Andriamanitra, Mpamorona ny lanitra sy ny tany, dia mijoro izahay amin'ny maha-olon'ny Valan'ondrinao. Mitsangana izahay amin'ny maha-ny—ny—ny—ny vahoakan'Ny Fanjakanao. Ary miaraka amin'ny tenako, sy ny pasitera, ary ny fiangonana, ny olona, dia manokana an'ity tranobe ity izahay ho an'ny asan'ilay Andriamanitra Tsitoha, amin'ny alàlan'ny Anaran'i Jesosy Kristy, Ny Zanany, ho an'ny asan'Andriamanitra, ary ho fanajana sy fankatoavana an'Andriamanitra. Ary enga anie ny Filazantsara ho tena hikoriana avy amin'ity toerana ity hany ka hanao an'izao tontolo izao ho tonga avy any amin'ny zorony efatry ny gilaoby Izy, mba hahita ny Voninahitr'Andriamanitra mivoaka avy aminy. Tahaka ny Nataonao tamin'ny lasa, dia enga anie ho lehibe kokoa hatrany foana ny ho avy.

87 Ray, manokana ny tenanay ho an'ny asa izahay ankehitriny, amin'ny alàlan'ny Teny, miaraka amin'izay rehetra ao anatinay. Tompo, ny fiangonana sy ny olona, manokana ny tenany izy ireo, izao maraina izao, ho an'ny fihainoana ny Teny. Ary izahay, amin'ny maha-mpitoriteny, dia manokana ny tenanay, "Ho an'ny fitoriana ny Teny; hazoto na amin'ny fotoana, na tsy amin'ny fotoana; mamporisika, mananatra amin'ny fahari-po rehetra." Araka ny voasoratra ao anatin'ilay vato fehizoro ao, hatramin'ny telopolo taona lasa izay. Hoy Ianao hoe, "Ho avy ny fotoana izay tsy hahazakan'ny olona ny Foto-pampianarana madio, fa hamory mpampianatra ho an'ny tenany, mangidihidy sofina; ary hivily hiala amin'ny Fahamarinana, ho amin'ny anganongano." Tompo, satria efa niezaka izahay ny nihazona ny Teny ho an'ny olona, dia enga anie izahay ho voatsindrimandry sy ho hatanjahina amin'ny ezaka ampahan-droa. Tompo, satria ampahan-droa an'ny Fanahy no miparitaka eo amin'ilay toerana, dia enga anie ny Fanahy Masina . . .

88 Tahaka ny tamin'ny andron'ny fanokanana ny tempoly, rehefa nivavaka i Solomona; ny Fanahy Masina, tamin'ny endrika Andry Afo sy Rahona, dia niditra teo anoloan'ny varavarana, nihodinkodina nanodidina an'ireo Kerobima, nankao amin'ilay Toerana Masina ary naka ny Toerampitsaharany teo. O Andriamanitra! Hoy Solomona hoe, "Raha ao anatin'ny olana ny Olonao na aiza na aiza, mijery mankaty amin'ity Toerana Masina ity ka mivavaka, amin'izay fotoana izay dia mihainoa avy any An-danitra."

89 Tompo, enga anie ny Fanahy Masina, izao maraina izao, hiditra ao amin'ny fo tsirairay, ny fanahy tsirairay voatokana izay ato. Ary ny Baiboly no milaza, hoe, "Tena lehibe ny Voninahitr'Andriamanitra hany ka tsy afaka akory aza ireo mpitoriteny, nohon'ny Voninahitr'Andriamanitra." O Tompo Andriamanitra, aoka hiverina indray izany raha manolotra ny tenanay ho Anao izahay, miaraka amin'ny fiangonana,

ao amin'ny fanokanana ho an'ny asa. Ary voasoratra hoe, "Mangataha, dia hahazo ianareo."

90 Ary mametraka ny tenanay, miaraka amin'ny fanoloranay ny fiangonana izahay, izao maraina izao, ho Anao, ho an'ny asa, ho an'ireo Hazavan'ny andro farany, ho an'ireo Hazavan'ny andro hariva; ka enga anie izahay hitondra fiononana sy finoana ho an'ny olona miandry izay miandry ny Fihavian'ilay Mpampakatra, mba hampiakanjo Ampakarina iray amin'ny Filazantsaran'i Kristy, mba ho raisin'ny Tompo Jesosy. Atokanay ity, ny tenako, Rahalahy Neville, ary ny fiangonana, ho an'ny asan'Andriamanitra, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

Afaka mipetraka ianareo.

91 Hoy i Davida hoe, "Faly aho raha hoy izy ireo tamiko, 'Ndao isika handeha ao an-tranon'ny Tompo.'" Ary enga anie ho amintsika mandrakariva izany, mba, rehefa voatonona izany, dia ho faly isika ny hiangona ao an-tranon'ny Tompo. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Amena.

92 Ankehitriny, taorian'ilay fotoam-panokanana kely, dia manana adiny iray aho ankehitriny.

93 Ary, ankehitriny, dia tsarovy fotsiny ankehitriny izay nanokanana antsika; ho fanajana, fahamasinana, filaminana eo anatrehan'ny Tompo, manompo eo anatrehan'ny Tompo. Dia aoka hanaja fotsiny arak'izay vitanareo, ao an-tranon'ny Tompo. Ary, ankehitriny, ary rehefa mirava ny fotoana, aorian'ny firavan'ny fotoana avy hatrany, dia mandehana miala amin'ilay tranobe. Hitanareo? Ary izany no manome fotoana ho an'ilay mpiandry fiangonana hiditra ato sy hanadio azy ho an'ilay fotoana manaraka, ary aoka ho vonona. Ka amin'izay fotoana izay dia tsy fifanjevoana iray ilay izy ato an-tranon'ny Tompo. Ary . . . ? . . . Heveriko fa ianareo . . . ny toerana dia hisava ao anatin'ny dimy ambin'ny folo minitra eo aorian'ny firavan'ny fotoana. Aoka hanana antoka ny ho tsara fanahy. Raiso ny tànan'ny olona rehetra, ary asao hiverina ny olona rehetra.

94 Ary—ary isika dia manantena ny hanana, amin'ity herinandro ho avy ity ankehitriny, ny iray amin'ireo fotoana mihaja indrindra izay hany natao teto amin'ny tabernakla. Manantena an'izany isika. Ankehitriny, izaho—izaho . . . tsy tonga teo amiko mihitsy mandra-pahatongan'ny zavatra iray . . . raha tsy tamin'ireo ora lava, tara, madinika ireo omaly hariva, tao amin'ny vavaka, nanomboka nahita zavatra aho. Noho izany, dia matoky aho fa ho fotoana iray lehibe izany, izay inoako fa ho izany ilay izy, raha hanampy antsika ny Tompo. Ankehitriny, ankehitriny, rehefa hoy aho hoe, "fotoana lehibe," ankehitriny, dia hiresaka eo amin'ny zavatra iray mikasika an'izany aho, izao maraina izao. Fantatrareo, izay antsoin'ny olona hoe "lehibe," dia indraindray tsy lehibe. Fa izay antsoin'Andriamanitra

hoe "lehibe," dia antsoin'ny olona hoe fahadalana; ary izay antsoin'Andriamanitra hoe "fahadalana," no antsoin'ny olona hoe lehibe. Noho izany dia ndao isika hitondra an'izany ao antsaina, handanja ny Teny tsirairay.

95 Ankehitriny, dia lava ireo fotoana. Ho lava izy ireo, satria fotoana sarotra iray izany, fampianarana betsaka, fanokanantena. Ary izaho fotsiny . . .

96 Ny toerana izay ipetrahako, miezaka fotsiny ny olona, ary tehamahana ahy amin'ny zavatra rehetra, saingy izaho . . . Hoy izy ireo, "Eny, nahavery lanja be loatra ianao, Rahalahy Branham, sy ny sisa." Fa tao amin'ny asa tsy ankitsahatra aho. Tsy maintsy miala eto aho amin'ny Alahady hariva manaraka, mba handeha any amin'ny anankiray hafa, haingana mihitsy, any Mexique. Noho izany, dia zavatra iray sarotra fotsiny ilay izy. Noho izany, fa miezaka fotsiny aho ny miala amin'ny fihinanana be loatra, ary—ary manao ny tenako ho vonona.

97 Ary faly aho, izao maraina izao, ny mahita an-dRahalahy Junior Jackson, sy—sy Rahalahy Ruddell, ary—ary ireo mpitoriteny samihafa, sy ny sisa, manodidina. Andriamanitra hitahy anareo rehetra.

98 Ankehitriny aho—izaho dia te hi—hiresaka aminareo izao maraina izao eo amin'ny lohahevitra iray izay nandraisako naoty vitsivitsy voasoratra eto. Ary te-hamaky avy ao amin'ny Bokin'ny Isaia aho aloha, ny toko faha-53. Ankehitriny, raha mbola mamadika ao amin'izany ianareo, dia tiako ny hanao filazana iray, na roa.

99 Hoe, rahariva, dia te-hiresaka eo amin'*ity* Boky ity aho, mampitohy Azy eo anelanelan'ilay taom-piangonana farany amin'ny fanokafana ny Tombokase. Ankehitriny, dia misy banga goavana iray eo.

100 Ary, teo aloha, rehefa namarana teo amin'ireo taompiangonana aho, dia niresaka ihany koa teo amin'ireo fitopolo herinandron'i Daniela, nanaraka an'izany avy hatrany, satria mifatotra ao izany. Ary hoy aho hoe, "Ankehitriny, raha mba haka an'ireo Tombokase Fito aho, dia tsy maintsy mahavita an'ity fitopolo herinandron'i Daniela ity, mba hamatotra ao amin'ireo Tombokase." Mamela zavatra iray misokatra, ary izany dia ny toko faha-5, an'ilay Boky voaisy Tombokase Fito. Ary ho raisintsika izany rahariva.

101 Te-hiezaka hanomboka aloha isika rahariva. Ahoana ny amiko . . . Efa nolazainareo izany, sa tsy izany, manomboka aloha? [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Eny."—Mpand.] Ahoana raha, afaka ny ho eto eo amin'ny fito ora eo ve ny olona rehetra? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."] Eny àry. Ndao isika hanomboka ny fotoana mahazatra amin'ny enina sy sasany, ny fotoan'ny hira, ary ho eto aho amin'ny fito. Ary avy eo mandritry

ny herinandro dia hanao fanombohana aloha isika. Ary—ary isika, ankehitriny, isika dia tonga . . .

102 Tsy misy olona tia mihira tahaka ny Kristiana. Tia mihira isika. Tiantsika ireo zavatra ireo.

103 Fa ankehitriny isika dia—ao amin'ny zavatra hafa iray isika ankehitriny. Isika dia—ao amin'ny Teny isika, hitanareo, noho izany dia ndao isika—ndao isika hijanona amin'Izany mihitsy ankehitriny. Hijanona isika. Isika dia—ao anatin'ny fampianarana isika. Ary azonareo fantarina hoe fisintonana lehibe iray toy ny inona no eo amiko, hitanareo, satria, raha mampianatra zavatra diso aho, dia tsy maintsy hamaly ny amin'izany. Hitanareo? Ary noho izany dia tsy tokony handray izay lazain'ny olona iray aho. Izaho tsy maintsy . . . Tsy maintsy voatsindrimandry ilay izy. Ary mino aho fa ireo Anjely Fito, Izay mihazona an'ireto Kotrokorana Fito ireto, dia hanaiky an'izany. Hitanareo?

104 Ary ankehitriny ao amin'ny Isaia, ny toko faha-53-n'ny Isaia, ny andininy faha-1, na ny roa. Te-hametraka an'ity fanontaniana ity aho.

105 Ankehitriny, ity dia tsy mikasika an'ireo Tombokase Fito, mihitsy. Ity dia Hafatra iray fotsiny. Satria, fantatro fa tsy maintsy hanao fanokanana aho, ka tsy afaka hiditra amin'Izany satria tsy hanana fotoana aho. Fa nieritreritra aho hoe, ho an'ny fotoam-panokanana iray kely fotsiny, fotoam-pahatsiarovana kely ho an'ity fiangonana ity, na fotoam-panokanana kely, raha ny marina, avy eo izy ireo—izy ireo . . . tsy hisy fotoana avy eo hidirana amin'izay tiako lazaina, hitanareo, eo amin'ity fanokafana an'ity Boky ity, noho izany dia hanao aho rahariva. Ary ankehitriny dia fotoana kely iray fotsiny ity, fa, izany—izany dia hifanitsy tsara amin'Izany, na izany aza.

106 Noho izany, ankehitriny, henoy ny Teny tsirairay. Takaro Izany. Ary—ary raha maka an'Izany eo amin'ny horonam-peo ianareo, na zavatra iray, amin'izay fotoana izay dia mijanòna tsara amin'izany Fampianarana eo amin'ny horonam-peo izany. Aza milaza na inona na inona afa-tsy izay lazain'io horonam-peo io. Lazao marina fotsiny izay lazain'ny horonam-peo. Hitanareo? Ankehitriny, satria, ny sasany amin'ireo zavatra ireo, hahazo zavatra betsaka mikasika an'izany isika ankehitriny, nahoana Izy no tsy azo. Hitanareo? Ary aoka hanana antoka ianareo, lazao fotsiny izay lazain'ny horonam-peo. Aza milaza na inona na inona hafa. Hitanareo? Satria, tsy milaza an'Izany avy amin'ny ahy manokana aho. Izy no milaza an'Izany, hitanareo. Ary tena matetika, ny fifanjevoana, mitsangana ny olona ka manao hoe, "Eny, *Ranona-sy-ranona* dia nilaza fa Izany dia midika an'*izao-sy-izao*." Izao fotsiny—avelao fotsiny Izany amin'izay maha-izy Azy.

107 Hitanareo, tahaka an'izany no ilantsika ny Baiboly. Arak'izay ilazan'ny Baiboly Azy fotsiny, dia tahaka an'izany no ilantsika Azy, izao fotsiny—tahaka an'Izany fotsiny. Aza mametraka fandikana manokana eo amin'Izany. Efa voadika Izany, hitanareo. Ankehitriny:

> *Iza* no *nino ny teny nampitondraina anay? ary iza no nampisehoana ny sandrin'ny* T*OMPO?*

108 Mamelà ahy hamaky an'izany indray ankehitriny, tsara mihitsy.

> *Iza* no *nino ny teny nampitondraina anay?* (Fanontaniana!) *ary iza no nampisehoana ny sandrin'ny* T*OMPO?*

109 Amin'ny teny hafa, "Raha nino ny teny nampitondraina anay ianareo, amin'izay fotoana izay dia voaseho ny sandrin'ny Tompo." Hitanareo?

> *Iza* no *nino ny teny nampitondraina anay? ary iza no nampisehoana ny sandrin'ny* T*OMPO?*

110 Ankehitriny dia te-hamaky ao amin'ny Bokin'ny Filazantsaran'i Masindahy Matio ihany koa aho, ny toko faha-11-n'i Masindahy Matio. Ary, ankehitriny, ento ny taratasinareo sy ny sisa, satria isika tsy ankitsahatra dia...Raha tsy manana fandraisam-peo ianareo, ianareo—dia ento ny... ny taratasinareo mba ahafahantsika mandray azy. Ny toko faha-11-n'i Masindahy Matio, ny andininy faha-25 sy faha-26, 11:26 sy 27. Eny àry, Jesosy no miteny, ao amin'ny vavaka. Te-hanomboka kely fotsiny ny eo aorian'io aho. Ndao isika hanao an'ilay izy amin'ny andininy faha-25 sy faha-26. Mino aho fa teo no voalazako, na izany aza, satria efa nomarihako eto amin'ny Baiboliko eto izany.

> *Tamin'izany andro izany dia namaly Jesosy ka nanao hoe, Misaotra anao aho, O Ray, Tompon'ny lanitra sy ny tany, satria nafeninao tamin'ny hendry sy ny manan-tsaina izany zavatra izany, ka* efa *nasehonao tamin'ny zaza madinika.*
>
> *Eny tokoa, Ray: satria izany no* mety *tsara eo imasonao.*

111 Takaro ireo Soratra roa ireo. "Iza no nino ny teny nampitondraina anay? Ary iza no nampisehoana ny sandrin'ny Tompo?" "Tamin'izany fotoana izany dia nisaotra an'Andriamanitra Jesosy fa Nafeniny tamin'ny hendry sy ny manan-tsaina ireo zava-miafina, fa nasehony tamin'ireo zaza madinika izay te-hianatra izany, satria mety tsara amin'Andriamanitra ny manao an'izany."

112 Ankehitriny, avy amin'ity lahateny ity, na, mba iantsoana azy, na avy amin'ny famakiana an'ity Soratra ity, no isintonako an'ity lahateny ity hoe: *Andriamanitra Manafina Ny Tenany*

*Ao Anatin'Ny Fahatsorana, Avy Eo Dia Manambara Ny Tenany Ao Amin'Izany Ihany.* Ankehitriny, ho an'ireo horonam-peo dia mamerina tahaka an'izany foana aho, ho an'ireo horonampeo, hitanareo, satria izy ireo dia—ataon'izy ireo horonampeo Izany. Hitanareo? *Andriamanitra Manafina Ny Tenany Ao Anatin'Ny Fahatsorana, Avy Eo Dia Manambara Ny Tenany Ao Amin'Izany Ihany.*

113 Hafahafa ny mieritreritra hoe ahoana fa manao zavatra iray tahaka an'izany Andriamanitra. Hanafina ny Tenany ao anatin'ny zavatra iray tena tsotra Andriamanitra mba hanao an'ireo hendry ho diso an'izany any amin'ny iray tapitrisa maily; ary avy eo dia mitodika indray, ao amin'izany, zavatra tsotra iray ao anatin'ny fahatsoran'ny Fombany iasana izany, ka manambara ny Tenany avy hatrany indray. Nihevitra aho fa izany dia nanao la—lahateny iray, ka mety hianatra an'ity isika alohan'ny hidirantsika ao amin'ireo—ireo—ireo Fampianarana lehibe an'ireo Tombokase Fito. Maro no diso Azy nohon'ny fomba Anambarany ny Tenany.

114 Ankehitriny, manana ny heviny manokana ny olona ny amin'izay tokony haha-izy an'Andriamanitra sy izay hataon'Andriamanitra. Ary araka ny nanaovako an'ilay filazana fahiny matetika, hoe, ny olona dia mbola mijanona ho olona foana. Ny olona dia midera an'Andriamanitra foana amin'izay efa Nataony, ary manantena foana an'izay Hataony, nefa tsy mahafantatra an'izay Ataony. Hitanareo? Hitanareo? Tahaka an'izany no mahadiso azy ireo an'izany. Mijery any aoriana izy ireo ka mahita zavatra iray lehibe izay Nataony, saingy diso amin'ny fahitana an'ilay zavatra tsotra iray izay Nampiasainy, hanaovana an'ilay izy. Hitanareo? Ary avy eo dia mijery any aloha izy ireo ka mahita zavatra lehibe iray ho avy, izay hitranga, nefa, in-tsivy amin'ny folo, dia efa mitranga manodidina azy ireo eo ilay izy. Ary tena tsotra ilay izy ka tsy fantatr'izy ireo izany. Hitanareo?

115 Indray andro, ny—ny lehilahy iray teto tany Utica . . . Ary raha misy sasany amin'ireo havany eto, dia tsy milaza an'izao aho ho an'ny—ho an'ny fampihariharianana mivantana an'ilay lehilahy. Izy dia—dia mpiady tranainy iray tamin'ny Ady Sivily. Ary mino aho fa izy dia . . . Tsy fantatro hoe lafiny iza no nisy azy, saingy mino aho fa Mpihoko iray izy. Fa, izy—tsy mahatoky iray izy, ka nilaza fa tsy misy izany karazana Andriamanitra izany. Nipetraka tany Utica izy. Ny anarany dia Jim Dorsey. Maro aminareo olona no mety efa nahafantatra azy.

116 Nanome ahy pasteky betsaka izy, fony aho zazalahy kely. Namboly pasteky izy fahiny teo amin'ilay renirano, tao amin'ireo—tao amin'ireo sisi-morona tany. Ary tena sakaizan'ny dadako izy. Fa nilaza izy, indray andro, ny iray amin'ireo zavatra lehibe manaitra izay hany nolazaina taminy, nifanohitra. Ankehitriny, mbola zazalahy kely iray fotsiny aho tamin'ireo

andro ireo. Fa, nifanohitra tamin'ny finoany, izany no nahatonga azy niala lavitra sy nanondrika ny lohany ary nitomany. Ary azoko fa, noho io, no nampiova fo indrindra an'ilay lehilahy ho an'i Kristy teo amin'ny fahadimy amby valopolo taonany.

117 Nanontany zazavavy kely iray izy, indray andro, izay avy tany amin'ny sekoly Alahady, hoe nahoana izy no mandany ny fotoany amin'ny fanaovana karazan-javatra tahaka an'izany? Nilaza izy hoe, satria nino izy fa nisy Andriamanitra iray. Ary nilaza Atoa. Dorsey fa, hoy izy hoe, "Ry zanako, tena diso ianao, ny mino karazan-javatra tahaka an'izany."

118 Ary nolazainy fa niondrika ilay zazavavy kely ka naka vo—voninkazo kely iray avy teo...avy tamin'ny tany, nanongotra azy tamin'ny felany, ka nanao hoe, "Atoa. Dorsey, azonao tenenina amiko ve hoe ahoana no iveloman'ity?"

119 Izay ilay izy. Rehefa nanomboka nikaroka izy, dia afaka nilaza tamin'ilay ankizy izy hoe, "Eny, maniry ao anatin'ny tany izy." Ary amin'izay fotoana izay dia nety nivadika indray ireo fanontaniana hoe, "Avy taiza ny tany? Ahoana no nahatongavan'io voa io tao? Ahoana no nitrangan'izany?" Mitohy, sy mitohy, ary mitohy, ary nitondra azy niverina mandra-pahitany. Hitanareo?

120 Tsy ireo zavatra mamiratra izay eritreretintsika, fa ilay izy dia ao amin'ireo zavatra tsotra izay maha-tena misy an'Andriamanitra, ny fahatsorana. Noho izany, dia mahafaly an'Andriamanitra ny manambara ny Tenany, ary avy eo dia manafina ny Tenany; avy eo dia manafina ny Tenany, ary manambara ny Tenany, ao amin'ireo zavatra tsotra, kely. Izany dia—napetraka eo ambonin'ny tampon-dohan'ny olona izany.

Satria, raha hoy ianareo hoe, "Nahoana no hanao an'izany ny Andriamanitra marina iray?"

121 Satria ny olona dia natao, tany amin'ny fiandohana, tsy hanandrana hianto-tena. Ny olona dia natao hiankina tanteraka amin'Andriamanitra. Izany no antony hampitoviana antsika amin'ny zanak'ondry, na ondry. Tsy afaka mitarika ny tenany ny ondry iray; tsy maintsy manana mpitarika iray izy. Ary ny Fanahy Masina no natao hitarika antsika. Noho izany, dia tahaka an'izany no nanaovana ny olona.

122 Ary nataon'Andriamanitra tena tsotra ireo Asany rehetra, mba ahafahan'ny tsotra mahazo azy. Ary manao ny Tenany tsotra Andriamanitra, miaraka amin'ny tsotra, mba ho azon'ny tsotra. Amin'ny teny hafa, dia nilaza Izy, ao amin'ny Isaia 35, mino aho. Hoy Izy hoe, "Na dia ny adala aza, dia tsy ho diso any." Tena tsotra ilay izy!

123 Ary fantatsika fa tena lehibe Andriamanitra, hany ka manantanena an'izany ho zavatra lehibe isika, ka diso an'ilay zavatra tsotra. Tafintohina eo amin'ny fahatsorana isika. Izany no mahatonga antsika ho diso an'Andriamanitra, dia

nohon'ny fahatafintohinana eo amin'ny fahatsorana. Tena tsotra Andriamanitra hany ka ireo manam-pahaizana tamin'ireo andro ireo, sy ny andro rehetra, dia diso Azy tany amin'ny iray tapitrisa maily. Satria, tao amin'ireo fahaizany, dia fantatr'izy ireo fa tsy misy na inona na inona tahaka Azy, tena lehibe; saingy, ao amin'ny Fanambarany, dia manao an'ilay izy tena tsotra Izy hany ka mandalo mihitsy eo an-tampon'izy ireo ilay izy ary diso an'izany.

124 Ankehitriny, ianaro Izany. Ianaro Izany rehetra izany. Ary ianareo olona izay mitsidika eto, rehefa mandeha any amin'ireo tranom-bahininareo ianareo, dia raiso ireo zavatra ireo ka eritrereto tsara izy ireo. Tsy manana fotoana hamakafakana an'Izany araka ny tokony hamakafakana Azy isika, fa tiako ianareo no hanao azy rehefa tonga any amin'ny tranom-bahiny ianareo, na hotely, na aiza na aiza ipetrahanareo, na ny trano. Miangòna miaraka ary ianaro Izany.

125 Diso Azy nohon'ny fomba Anambarany ny Tenany; satria tena lehibe Izy, kanefa, manafina ny Tenany ao anatin'ny fahatsorana, mba hampahafantatra ny Tenany amin'ny madinika indrindra. Hitanareo? Aza miezaka ny hahazo an'ilay lehibe, satria mandeha any an-tampon'izany Izy. Fa henoy ilay fahatsoran'Andriamanitra, ary amin'izay fotoana izay dia mahita an'Andriamanitra mihitsy ianareo eto ao anatin'ny fomba tsotra.

126 Ny fahendrena tsara voatra, an'izao tontolo izao, nianatra, dia diso Azy foana. Ankehitriny, tsy eto aho. . . Ary fantatro fa misy mpampianatry ny sekoly eo, roa na telo, izay fantatro, mipetraka ato. Ary tsy eto aho hanohitra ny sekoly sy ny fianarana, ka hiezaka hanohana ny tsy fahaizana mamaky teny. Tsy eto ho an'izany aho. Fa, ny misy, dia mametraka be loatra eo ambonin'izany ny olona hany izy ireo ka, na dia ao amin'ireo seminera sy ny sisa aza, dia diso an'ilay tena zavatra izay napetrak'Andriamanitra eo anoloany izy ireo.

127 Izany no tsy anoherako an'ireo rahalahy izay any anatin'ireo anaram-piangonana, fa manohitra ny rafitr'ireo anaram-piangonana aho, satria miezaka manandratra ny tenany izy, ary—ary—ary mampianatra an'ireo mpitoriteniny amin'ny toerana iray *izao-sy-izao*, hany ka, raha tsy manana an'ilay fampianarana sy fianarana takiana izy ireo, dia voahilika. Ary—ary tsy maintsy mandalo fitsapana momba ny saina izy ireo, sy ny sisa. Tsy mihevitra mihitsy aho fa sitrak'Andriamanitra ny mitsapa mpitoriteny iray amin'ny alàlan'ny fitsaboana saina, fa mitsapa azy amin'ny alàlan'ny Teny. Hitanareo? Izany—izany—izany no ho fomban'Andriamanitra amin'ny fitsapana ny Olony izay Nirahiny, mba hanana ny Teny.

128 "Torio ny Teny!" Ankehitriny, amin'izao andro izao isika dia mitory filozofia, mitory fanekem-pinoana sy fanaovana anaram-

piangonana, ary zavatra maro be, nefa mamela ny Teny, satria milaza izy ireo fa tsy mety ho azo Izany. Mety azo Izany. Izy no nampanantena hanao an'izany. Ankehitriny dia mangataka Azy hanao an'izany isika.

129 Ankehitriny dia haka olona vitsy isika eto mandritry ny minitra vitsy.

130 Ndao isika hanamarika ny tamin'ny andron'i Noa. Tamin'ny andron'i Noa, Andriamanitra dia nahita fa tena nasiana tsindrim-peo lehibe sy nankatoavina ny fahendren'izao tontolo izao, nandefa hafatra tsotra iray tamin'ny alàlan'ny olona tsotra iray Izy, mba haneho amin'izy ireo ny Fahalehibeazany.

131 Ankehitriny, fantatsika fa tamin'ny andron'i—i—i Noa, dia nihambo izy ireo fa tena nahery ny fandrosoana, tamin'izany fotoana izany, hany ka tsy mbola tratrantsika mihitsy izany toerana izany, ao amin'ny fandrosoantsika moderina. Ary mino aho fa ho tratra ihany izany amin'ny farany, satria hoy ny Tompontsika hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, dia ho toy izany koa amin'ny Fihavian'ny Zanak'olona." Nanome kisarisary vitsivitsy Izy.

132 Ary nanorina pyramida sy sphinx izy ireo tany Egypta tany, ary nanorina zavatra goavana izy ireo izay tsy ananantsika hery, amin'izao andro izao, mba hanorenana tahaka an'izany. Izy ireo dia nanana fa—fa—fanosorana iray, ka afaka nanosotra vatana iray izy ireo, mba hanao azy hitovy amin'ny ara-boajanahary hany ka mbola maharitra foana izany androany. Isika tsy afaka. Tsy afaka manao momie iray isika amin'izao andro izao. Tsy manana an'ilay karazan-javatra hanaovana an'izany isika. Nanana loko izy ireo izay—izay nihazona mafy, nandritry ny efatra na dimy arivo taona lasa izay, mbola mijanona foana mihitsy ho ilay loko iray izay naha-izy azy izany. Hitanareo? Tsy manana ny karazan-javatra tahaka an'izany isika amin'izao andro izao.

133 Ary zavatra maro an'izany fandrosoana izany no miresaka ny fahamboniany eo amin'ny fandrosoantsika moderina. Ary noho izany dia azonareo eritreretina hoe fianarana sy siansa toy ny ahoana, an'ireo karazam-pamantarana lehibe tahaka an'izany no nilaozantsika, hoe nisy ny fandrosoana iray tahaka an'izany. Toy ny—tsy maintsy ho fandrosoana lehibe iray toy ny inona izany, eny, ireo tsangambato, ahoana fa ny siansa sy—sy ny fandrosoana moderina ary ny fianarana dia—dia i—ilaina iray teo amin'ny olona. "Tsy maintsy nilaina izy ireo. Tsy maintsy nisy izany." Zara raha nisy, heveriko, tsy mahay mamaky teny iray teo anivon'izy ireo, mihitsy.

134 Ary noho izany, Andriamanitra, teo am-pikarohana nanerana an'io toe-karena lehibe io tamin'izany andro izany, tao amin'ireo rafiny, dia tsy afaka, angamba, nahita an'ilay karazan'olona tsara, mandra-Pahitany tsy mahay mamaky teny

iray, angamba, tantsaha tamin'ny anarana hoe Noa, mpiandry ondry iray. Ary Nomeny azy ny Hafany mba ho toriana amin'ny olona, izay tena tsotra, ho an'ireo—ireo mahay an'izany andro izany, hany ka tafintohina teo amin'ny fahatsoran'ilay hafatra ny olona. Ary, kanefa, ilay hafatra dia, teo anatrehan'ny siansa, "Lalina! Ahoana no mety hisian'ny orana eny amin'ny lanitra, nefa tsy nisy orana teny ambony teny?" Hitanareo? Ary ilay hafatra tsotra an'ny—an'ny fanorenana sambofiara iray, fanamboarana zavatra iray hidirana, nefa tsy misy rano hitsingevanany. Nahoana, lasa fanatika iray izy. Ary izy dia lasa ny—ny—ny—ny . . . izay hantsointsika hoe, raha hamela an'ilay fitenin'izao andro izao ianareo, ny "mahatsikaiky."

135 Ary saiky ny vahoakan'Andriamanitra rehetra dia "mahatsikaiky," hitanareo. Izany izy ireo. Faly aho fa isan'izy ireo. Noho izany, fantatrareo, izy ireo—izy ireo dia samihafa amin'ny—amin'ny firehana moderin'ny fandrosoana, noho izany dia lasa mahatsikaiky izy ireo, hafahafa. Izy no nilaza fa ny Vahoakany dia "Vahoaka hafa kely iray, mahatsikaiky, hafahafa; saingy fisoronana ara-panahy iray, firenem-panjaka iray, manolotra fanatitra ara-panahy ho an'Andriamanitra, ireo vokatry ny molony, manome dera ho an'Ny Anarany." Toy ny—vahoaka iray toy ny inona! Manana azy ireo Izy.

136 Ary mariho, ankehitriny, tsy maintsy ho zavatra lehibe iray toy ny inona izany tamin'izany andro izany, ho an'ny fanatika iray miseho eo amin'ny fiangonana; fanatika iray, ary mitory filazantsara iray izay toy ny hoe any ivelan'ny laharana tanteraka, ho an'ny fomba finoan'izy ireo. Ary ireo siantifika, "Nahoana, izany—adala fotsiny izao izany." Toy ny ahoana no nahafahan'izy ireo nanaporofo ara-tsiansa fa tsy nisy orana tany!

137 Saingy ity mpiandry ondry tsotra ity dia nino hoe, "Raha Andriamanitra no nilaza fa ho avy ny orana, dia ho avy ny orana." Hitanareo?

138 Ary noho izany dia ampitahao amin'izao andro izao fotsiny izany, ny amin'ny olona iray sitrana. Hoy izy ireo hoe, "Fientanam-po fotsiny ihany izany. Afaka manaporofo aminareo ara-tsiansa aho fa ny homamiadana, na ilay tsimoka, na—na—na ilay zavatra dia mbola ao foana." Saingy, ho an'ilay mpino tsotra, dia lasa ilay izy. Hitanareo? Satria, tsy mijery an'ilay tsimoka izy, mijery ny teny fikasana izy, mitovy tamin'ny nataon'i Noa mihitsy.

139 Noho izany dia tsy hitanareo ve hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, dia ho toy izany koa amin'ny Fihavian'ny Zanak'olona"?

140 Ara-tsiansa, dia tsy misy anankiray . . . Afaka milaza ny dokotera hoe, "Jereo eto, mbola eo foana ny fivontosanao. Mbola

mijanona ny homamiadanao. Mbola malemy tahaka ny naha-izy azy hatrizay foana ny sandrinao. Adala ianao."

141 Ary, tsarovy, izany ilay fanahy iray ihany avy tamin'ny andron'i Noa, izay nanao hoe, "Tsy misy orana any ambony any. Afaka mitifitra ny volana miaraka amin'ireo fitaovana izahay, fa tsy misy orana any." Saingy raha Andriamanitra no nilaza fa hisy orana any!

142 "Satria ny finoana dia fahatokiana ny amin'ireo zavatra antenaina, fanehoana an'ireo zavatra tsy hita." Ary ny finoana dia maka ny toeram-pitsaharany farany eo amin'ny Tenin'Andriamanitra. Eo no ahitany ny toeram-pitsaharany. Azonareo ve? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eo amin'ny Tenin'Andriamanitra no toeram-pitsaharany.

143 Teo no nampitsaharan'i Noa azy hoe, "Andriamanitra no niteny an'izany." Nilamina hatreo izany. Ankehitriny raha mahamarika indray ianareo, arak'izany, ankehitriny, Noa, teo am-pinoana an'izany, dia fanatika iray.

144 Ary ny olona amin'izao andro izao izay mino ny batisan'ny Fanahy Masina. Ankehitriny, hoy ny fiangonana hoe, "Fanatika ireo olona ireo. Tsy misy afa-tsy andian'olona taitaitra, ara-pihetseham-po, tratry ny fikorontanana izy ireo." Saingy kely no ahafantaran'izy ireo fa ny Tenin'Andriamanitra no mampianatra an'izany. Teny fikasana iray izany.

145 Ary, ho an'i Noa, dia tsy mampaninona na impiry izy ireo no nanao hoe, "Any ivelan'ny sainy ilay lehilahy antitra; ka ara-tsiansa dia diso izy; ary—ary—ary, ara-tsaina, dia diso izy." Saingy, ho an'i Noa, dia izany no Tenin'ny Tompo, ary nijanona niaraka tamin'izany i Noa. Ary ny hendry sy ny manan-tsaina dia tafintohina teo amin'ny fahatsoran'izany, ka nahavery ny tenany. Toy ny—ny—fananarana iray toy ny inona ankehitriny, izany, ho an'io taranaka io!

146 Hoy ny olona maro hoe, "Raha niaina tany aoriana tany aho!" Tsia, ho nandray an'ilay fihetsika iray ihany ianareo. Satria, amin'izao andro izao, ao amin'ilay tena zavatra iray ihany izay eo am-pamokarana indray amin'izao andro izao, fa ao amin'ny endrika iray hafa fotsiny, dia tafintohina eo amin'Izany izy ireo tahaka ny nataon'izy ireo tamin'izany mihitsy.

147 Tsy isalasalana, tamin'ireo andro ireo, fa nanana mpitory teny betsaka izy ireo, saingy i Noa no voatsindrimandrin'Andriamanitra. Ary afaka nijery i Noa ka nahita an'izay natao hitranga, ary nahafantatra fa ny taranaka mpijangajanga sy ratsy fanahy iray, tahaka an'izany, dia tsy havelan'Andriamanitra haharitra. Noho izany dia inona no azontsika hatao, amin'izao andro izao, afa-tsy ny mahita an'ilay zavatra iray ihany! Sodoma sy Gomora moderina iray, hitanareo, olona ratsy fanahy, mpijangajanga, tena mamiratra amin'ny fianarana ka tafintohina eo amin'ny fahatsoran'ny

fanehoan'Andriamanitra Ny Tenany sy Ny Teniny, maneho Ny Teniny.

148 Tsy misy olona iray eto amin'izao tontolo izao, Rosella, izay, na, iray—iray izay afaka hilaza fa—fa tsy mahita eo amintsika an'ilay tena Tenin'Andriamanitra tonga voaseho isika. Ilay tena teny fikasana an'ireo andro farany, ireo tena Hazavan'ny hariva izay tsy maintsy hamiratra, isika no olona nahazo tombontsoa hahita an'izany. Ary, nefa, ilay izao tontolo izao tena mamiratra, nafenina tamin'izy ireo izany. Jesosy no nilaza tamin'Andriamanitra, ilay Ray, hoy Izy hoe, "Sitrakao ny manafina an'izany amin'izy ireo. Eny tokoa, Ray, Nafeninao izany." Avelao izy ireo, miaraka amin'ny fahendreny . . .

149 Hitanareo, ny fahendrena no nanomboka nanakodia an'ilay baolina tao anatin'ny fotaky ny fahotana, tany amin'ny voalohany; satria nitady fahendrena i Eva rehefa nihaona tamin'i Satana izy, ka nomen'i Satana azy izany, hitanareo. Ary ny fahendrena dia mifanohitra amin'ny Teny. Tsy nangatahana hahazo fahendrena isika. Nangatahana hahazo finoana ao amin'izay efa voalaza isika. Noho izany, hitanareo? Fa, amin'izao andro izao, ireo mahay dia mampamiratra an'Izany tsara amin'ny fomba iray, ka mametraka an'Izany any, mametraka ny fandikany manokana eo amin'Izany, efa izany foana. Manao an'ilay zavatra iray ihany izy ireo amin'izao andro izao; ao amin'ilay fatra iray ihany izany. Ankehitriny, ny olona, saingy ny . . .

150 Na, ny olona tamin'izany dia diso an'ilay izy, tahaka ny mahadiso azy ireo an'izany sy anaovany an'izany amin'izao andro izao. Mitovy ihany. Manao an'ilay zavatra iray ihany izy ireo. Satria, izy ireo . . . Satria ny antony nahadiso azy ireo an'izany, satria manan-tsaina loatra izy ireo mba hino an'izany. Hitanareo? Ankehitriny, tena tsotra ilay hafatra, ka tena nanan-tsaina loatra ilay manan-tsaina mba hino ny fahatsoran'ilay hafatra. Oh, oadray! Andriamanitra no nanao azy ho tena tsotra, ao amin'ny Fahamarinana, ka diso tamin'ny fahitana azy ireo manan-tsaina sy mahay, satria tena tsotra ilay izy. Eny, izany no manao ny fahalehibeazan'Andriamanitra ho tena lehibe; satria, amin'ny maha-lehibe indrindra, dia afaka manao ny Tenany ho tsotra.

151 Ireo olona amin'izao andro izao, maneho fa tsy avy amin'Andriamanitra izy ireo, dia lehibe izy ireo ary miezaka ny ho lasa lehibe kokoa, ary maneho ny tenany ho lehibe kokoa, ary, "Eveka Goavana, Dokotera Papa Masina," sy ny sisa, manao ny tenany ho zavatra iray izay tsy tena maha-izy azy ireo. Nefa Andriamanitra, satria tena lehibe, dia mampidina ny Tenany ho tsotra. Ny fahatsorana no fahalehibeazana.

152 Afaka manamboatra fiaramanidina haingam-pandeha iray isika, afaka mitifitra bala mahery vaika iray isika

mankeny amin'ny...mankeny...na mametraka ba—ba—balafomanga iray eny amin'ny toeran'ny kintana. Ary afaka manao an'ireo zavatra rehetra ireo isika, kanefa, nefa tsy afaka manamboatra singan'ahitra anankiray. Ah-hah. Amena. Ahoana ny amin'izany? Saingy raha tokony hiezaka hiverina ka hahita an'izay nanao an'io ahitra io, ary manaiky an'ilay tena Andriamanitra izay namorona ny ahitra, dia miezaka manamboatra balafomanga iray isika izay ho tonga haingana any alohan'ny ahafahan'ny olon-kafa iray hanamboatra anankiray. Hitanareo?

153 Tena manan-tsaina sy mahay isika, ao amin'ireo fiangonantsika, hany ka afaka manorina tranobe iray tapitrisa dolara, na tranobe iray folo tapitrisa dolara, saingy, kanefa, ary miezaka manorina anankiray tsaratsara kokoa noho ny Metodista, na ny Batista dia manorina anankiray tsaratsara kokoa noho ny Presbyterana, ary ny Pentekotista dia miditra ao amin'ilay hazakaza-boalavo. Saingy ny zavatra amin'ilay izy, dia ity; isika dia, kanefa, isika dia tena manan-tsaina sy tena tafapetraka amin'ny fanaontsika hany ka diso amin'ny fanetrena ny tenantsika mba hahafantatra an'ilay Andriamanitra izay ao anatin'ny misiona kely eny amin'ny zoron-dàlana. Hitanareo? Marina izany. Eny, izany hoe, tafintohina amin'ny fahatsorana isika. Nanao an'izany foana izy ireo.

154 Ankehitriny, izy ireo, izy ireo dia—tafintohina loatra mba hino hafatra iray tsotra tahaka an'izany izy ireo. Tsy namiratra loatra izany ho an'ny fikarohana siantifikany izay nananany. Izany dia tsy—tsy nanjelatra izany, tsy ampy ilay hafatra, ho an'ny fandaharam-pampianarany izay nananan'izy ireo tamin'izany andro izany. Hitanareo? Nianatra izy ireo mba hahafantatra fa nisy Andriamanitra iray, ary nianatra izy ireo mba hahafantatra fa lehibe Izy, ka niezaka nanao ny tenany ho lehibe niaraka Taminy. Nefa, ny làlana miakatra dia ny midina foana.

155 Ankehitriny, iza no mahafantatra raha ny Tendro Avaratra no Avaratra, na ny Tendro Atsimo no Avaratra; na ny Tendro Avaratra no Atsimo, ny Tendro Atsimo no Avaratra? Iza no ambony ary iza no ambany? Mihantona eo amin'ny habakabaka isika. Hoy isika hoe, "Ny Tendro Avaratra no ambony." Ahoana no ahafantaranareo? Mety ny Tendro Atsimo no Avaratra. Hitanareo, tsy mahafantatra ianareo. Noho izany dia ndao isika hahatsiaro, ary ity Teny ity . . .

156 Hoy ianareo, "Noho izany dia ahoana no hilazanao, Rahalahy Branham, fa, 'Ny ambony no ambany'?"

157 Eo amin'ny fototry ny Tenin'i Jesosy Kristy! Hoy Izy hoe, "Izay manetry ny tenany no hasandratra, fa izay manandratra ny tenany no haetry, hampidinina." Koa noho izany, tokoa, dia ny ambony no ambany, ary ny ambany no ambony.

158 Araka ny nolazain'ilay olo-masina fahiny tany Chicago, fa. . . Lehilahy iray, mpitoriteny iray avy tamin'ny rafipandaminana anankiray, no nitsangana teo anatrehan'ireo Pentekotista sasantsasany. Natambany niaraka ireo zavatra arapahaizany rehetra. Niakatra teo izy ary nampiasa an'ireo teny izay tsy nisy fantatr'ireo Pentekotista, dia niakatra teo izy, ka hitany fa tsy takatr'ireo olona Pentekotista ilay izy. Dia niakatra izy, niaraka tamin'ny tratrany nibontsina, ary izy no "Dokotera Masina *Ranona-sy-ranona*," fantatrareo, avy tamin'ny sekoly goavana *izao-sy-izao* any Chicago any. Ary nijery manodidina izy, ary nifampijery ireo Pentekotista ireo. Tsy fantatr'izy ireo akory aza izay noresahany; tena nampianarina izy, tena nanantsaina, nanjelatra. Tsy nahafantatra izy ireo.

159 Ilay izy dia zavatra iray tahaka ny senatera iray, na lehilahy iray izay vao avy nirotsaka ho filoha vao tsy ela nefa resy. Tuck Coots no niteny tamiko. Rehefa nitory teny tamin'ny fotoam-pandevenan'i Mama Ford aho, ary niteny mikasika ny fitsanganana, ny antoky ny fitsanganana hoe, "Azo antoka mihitsy tahaka ny iposahan'ny masoandro, dia ho toy izany koa no hitsanganako. Azo antoka mihitsy tahaka ny ahafatesan'ny ahitra amin'ny Lohataona, ka mihintsana avy amin'ny hazo ny ravina, dia miverina indray izy. Rehefa manitsy ny tenany manodidina ny toeran'ny kintana ny tany, dia tsy maintsy mitsangana indray izy."

160 Hoy i Tuck hoe, "Nankasitrahako ilay Hafatra, Billy." Niaranipetraka tao anatin'ny fiara izaho sy Rahalahy Neville. Dia hoy aho hoe, "Tuck. . . " Hoy izy hoe, "Mankasitraka an'ireo Hafatrao aho."

Hoy aho hoe, "Tuck, tsy manana fianarana aho," hoy aho.

Hoy izy hoe, "Izany ilay ampahany tsara amin'ilay izy." Hitanareo?

161 Ary, ankehitriny, nilaza izy fa nandeha mba hahita. . . Eny, ataoko fa hamela ahy ilay lehilahy, izaho tsy te-hilaza. . . Adlai Stevenson, fantatrareo. Ary nilaza izy fa nihaino azy dimy ambin'ny folo minitra. Ary Atoa. Stevenson dia mpiresaka tena mamiratra iray, natao ho izany, fantatrareo, hany ka nilaza i Tuck. . . Ataoko fa nanana fianaran'ny kolejy izy. Nilaza izy fa nipetraka teo ary natory. Ary nilaza fa natory izy, teo ampihainoana azy, nandritry ny dimy ambin'ny folo minitra. Saingy hoy izy, "Niaraka tamin'ny fianaran'ny kolejy iray, dia tsy nahazo afa-tsy tena teny vitsy tamin'izay nolazainy aho; tena namiratra loatra mihitsy izy ireo." Hoy izy hoe, "Tsy mbola nahita ahy natory mihitsy ianao tao amin'ny iray tamin'ireo fotoanao, sa tsy izany, Rahalahy Branham?"

162 Noho izany, hitanareo, izany no fahatsoran'Izany, tsotra fotsiny, eo amin'izany no misy an'Andriamanitra.

163 Ankehitriny, izy ireo dia—nanan-tsaina loatra izy ireo, tamin'io andro io, mba hahatakatra ny dikan'ny fomban'Andriamanitra tsotra amin'ny fanaovan-javatra. Tsy namiratra Izany ho azy ireo. Tsy maintsy mamiratra Izany, tsy maintsy tena mangirangirana mihitsy Izany, raha tsy izany dia diso an'izany izy ireo. Ankehitriny, saingy, niafina tao anatin'Ny Teniny ilay Jehovah lehibe. Ary nampahafantatra ny Tenany tamin'ny olona izay nino Ny Teniny Izy, tamin'ny famonjena azy ireo, sy nanatanteraka an'ilay hafatra tsotra. Ilay hafatra tsotra an'i Noa, Andriamanitra no nanao an'izany hiseho. Mariho izany ankehitriny.

164 Ankehitriny, avy eo, tamin'ny andron'i Mosesy indray, mariho ny fotoan'ny fanafahana hafa iray.

165 Rehefa eo am-panaovana zavatra iray fotsiny Andriamanitra mba hanafaka ny Olony, dia mandefa Hafatra iray ho an'ny olona Andriamanitra. Ary, tena tsotra Izany, araka ny ho azontsika amin'ny famahana an'ireto Tombokase ireto. Izany no tanjoko amin'ny fitondrana an'ity aloha. Nefa, hitantsika fa ny famahana an'ireo Tombokase ireo dia tena tsotra, ilay—ilay—ilay manan-tsaina dia diso an'Izany, any amin'ny iray tapitrisa maily. Hitanareo? Manantena aho fa manosotra ahy ho amin'Izany Andriamanitra. Hitanareo? Hitanareo? Izany dia mandeha any an-tampony fotsiny. Ary izany no antony niheverako fa ity Hafatra ity, izao maraina izao, dia ho mety tsara, mba hametraka fototra iray, eo amin'ny fahatsoran'Andriamanitra, hitanareo, hoe ahoana fa manafina ny Tenany ao anatin'ny fahatsorana Andriamanitra.

166 Eritrereto fotsiny, afaka mamaky atoma sy manao ny zavatra hafa rehetra izy ireo; saingy rehefa tonga eo amin'ny mikasika ny aina, dia tsy afaka miteny akory aza izy ireo hoe avy aiza izany. Singan'ahitra tsotra iray, nefa miafina ao anatin'izany Andriamanitra. Afaka mitifitra bala mahery vaika mankeny amin'ny volana izy ireo, ary—ary mitifitra radara eny, na inona koa, kanefa tsy afaka manazava an'ilay aina ao anatin'ny singan'ahitra iray. Marina izany. Hitanareo? Izany dia satria tsy azo azavaina izany. Tena tsotra izany, tsy mahadinika an'izany izy ireo.

167 Mariho i Mosesy ankehitriny, tamin'ny andro izay nanafahan'Andriamanitra ny zanak'Isiraely, araka Ny Teniny. Izy, inona no Nataony? Nifidy fianakaviana tsotra iray Izy. Tsy manana filazana ny amin'izy ireo isika. Hitanareo, izao fotsiny "zanak'i Levy," no hany fantatsika. Hitanareo? Ary noho izany isika . . . sy ny vadiny. Tena tsotra iray fotsiny, angamba mpi—mpihosom-potaka iray, araka ny hiheveran'izao tontolo izao, nanamboatra biriky tany ho an'ilay fahavalo. Andevo tsotra iray fotsiny tao Isiraely izy, saingy Andriamanitra no nifidy an'io fianakaviana io hitondra an'ilay mpanafaka; fianakaviana Jiosy tsotra iray fotsiny. Tsy nandeha mihitsy Izy ka naka

fianakaviam-panjaka sy manan-daza, na zavatra iray, na naka mpisorona iray akory aza. Naka fianakaviana mahazatra, tsotra iray Izy. Hitanareo? Fahatsorana! Mariho izay Nataony, avy eo, nampiteraka ankizy iray Izy, olombelona tsotra iray. Izy tsy mihitsy . . .

168 Izy dia afaka—Izy dia afaka nandidy ny masoandro, raha Tiany izany, hanafaka azy ireo. Afaka nandidy ny rivotra Izy hanafaka azy ireo. Afaka nandidy Anjely iray Izy hanafaka azy ireo. Oh, haleloia! Afaka manao izay Tiany atao Andriamanitra.

"Eny, ahoana àry no ahafantaranao, Rahalahy Branham?"

169 Tsy hiala amin'ny Fandaharany Andriamanitra. Izany no antony ahafantarantsika fa, amin'ity andro ity, dia tsy maintsy tsotra Izany. Hitanareo? Ankehitriny, miasa foana ao anatin'ny fahatsorana Izy. Fa Andriamanitra, tany amin'ny voalohany, dia afaka nanao ny masoandro hitory ny Filazantsara, na ny rivotra hitory ny Filazantsara, na Anjely iray hitory ny Filazantsara, saingy nandidy lehilahy Izy ho an'izany tanjona izany, ary tsy manova an'izany mihitsy Izy. Tsy nandidy mihitsy Izy tao amin'ny . . . Tsy nandidy anaram-piangonana mihitsy Izy. Tsy nandidy vondron'olona mihitsy Izy. Nandidy lehilahy Izy hitory ny Filazantsara; tsy milina, fitaovana mekanika, na Vatan'Anjely. Lehilahy izany!

170 Ary rehefa nitondra fanafahana ho an'ny olona Izy tany, dia naniraka olombelona tsotra iray Izy, nateraky ny fianakaviana tsotra iray tao amin'ny andian'andevo iray. Oh, oadray! Andriamanitra iray toy ny inona Izy, maneho ny Tenany ao anatin'ny fahatsorana!

171 Mariho ankehitriny. Ary nanofana azy tao amin'ny fahendren'izao tontolo izao Izy, mba ahafahany tsy hahomby, sy haneho fa tsy amin'ny alàlan'ny fahendrena no hany hahafaka antsika. Amin'ny finoana no mahafaka antsika. Navelany hiditra izy ka hahazo tena fianarana iray hany ka afaka nampianatra fahendrena an'ireo Egyptiana izy; tena nanan-tsaina izy. Niaraka tamin'io fianakaviana tsotra io Andriamanitra izay tsy afaka, angamba, nanoratra ny anarany angamba. Ary nentina tao amin'ny fampianarana ambony indrindra i Mosesy, niaraka tamin'ny tena fianarana lehibe iray, hany ka afaka nampianatra fahendrena an'ireo mpampianatra izy. Afaka nampianatra an'ireo tapi-pahaizana izy. Eny. Ary navelan'Andriamanitra ho tonga tahaka an'izany izy mba Ahafahany mampiseho ny Tenany ao anatin'ny fanetre-tena, mba haneho fa tsy misy idiran'io fahendrena io amin'izany. Ary tsy nahomby tamin'alahelo tao amin'ny fahaizany i Mosesy. Navelany ho tonga tahaka an'izany izy ho an'ny Tanjony, mba tsy hahombiazany. Ary tsy nahomby izy, ka lavo.

172 Noho izany, mba haneho hoe, "Tsy amin-kery, tsy amin'ny fahatanjahana," fa tsy amin'ny fahendren'i Egypta, tsy

amin'ny fahendren'ireo sekolintsika, tsy amin'ny herin'ireo seminerantsika, fa tsy amin'ny isan'ny rafi-pandaminantsika, tsy amin'ny herin'ny fampianaran-tsekolintsika, "fa amin'Ny Fanahiko, hoy Andriamanitra." Nanjavona ny fahendreny ary tany amin'ny fiafarany, rehefa nihaona tamin'Andriamanitra tao amin'ny roimemy nirehitra izy tany. Nesoriny ny kirarony ary nanetry ny tenany ho amin'ny fanetre-tena izy, ka nanadino ny rehetra mikasika ny fahendreny.

173 Andriamanitra, eo am-pitondrana fanafahana, dia tsy maintsy nanofana azy tao amin'ny fahendrena, mba hamela azy ho lavo, mba haneho fa tsy afaka miankina amin'ny sandrin'ny fahalalanareo manokana ianareo, na ny fahalalan'ny olon-kafa iray. Namela azy ho lavo, mba haneho ny Tànany. Afaka mahita an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ny tanjon'Andriamanitra amin'ny fanaovana an'izany, dia mba hampiseho ny Tenany ao anatin'ny fanetre-tena. Ary namela an'i Mosesy ho lasa ilay ambony indrindra Izy, hany ka izy no—izy no ho farao manaraka. Jeneraly mahery iray izy. Araka ny tantara, izy dia nandresy, Mosesy izy tenany, an'ireo firenena nanodidina. Ary avy eo rehefa nitodika izy mba hanao ny asan'ny Tompo, niaraka tamin'ny talentany rehetra, dia namela azy hahazo fidarabohana tanteraka Andriamanitra, mba Ahafahany mametraka azy tany an-tany efitra tany ary nikapoka an'izany rehetra izany hiala aminy; ary avy eo dia hiseho aminy, ao anatin'ny fanetre-tena, sy haniraka azy miaraka amin'ny tsora-kazo iray eny an-tànany, mba hanafaka ny olona.

174 Fa, tsy afaka nanao an'izany tamin'ny fiofanana ara-miaramila iray izy, tamin'ny fianarana iray, tamin'ny fianarana siantifika iray. Ary tsy afaka nanao an'izany tamin'ny hery ara-miaramila iray izy. Dia nanome azy tsora-kazo bingo tranainy iray avy tany amin'ny tany efitra Izy, ary Izy no nanao an'izany niaraka taminy. Andriamanitra ao anatin'ny fanetre-tena, fahatsorana! Tao anatin'ilay tsora-kazo sy tao amin'i Mosesy Andriamanitra. Ary raha mbola nanana an'ilay tsora-kazo foana i Mosesy, tamin'izay fotoana izay dia nanana an'ilay izy Andriamanitra, satria tao amin'i Mosesy Andriamanitra. Azo antoka.

175 Mariho, "Tsy amin-kery, na amin'ny—amin'ny fahatanjahana, fa amin'Ny Fanahiko." Fa amin'ny finoana tsotra!

176 Nanana fahalalana iray i Mosesy fa izy no tsy maintsy ho ilay mpanafaka, nohon'ny fampianaran'ny reniny. Ary nanofana ny tenany tao amin'ny hery ara-miaramila izy, mba hanao an'izany, saingy tsy nahomby izany. Hitanareo? Nanana ny fahalalana izy, nanana ny fianarana izy, saingy tsy nety izany. Noho izany dia tsy maintsy nohadinoiny izany rehetra izany, ary tonga teo amin'ny zavatra tsotra an'ny fandraisana an'Andriamanitra

amin'Ny Teniny, ary avy eo izy vao nanafaka ny olona. Eny, tompoko.

177 Andriamanitra dia manafaka amin'ny (inona?) finoana Ny Teniny. Efa izany foana. Afaka handinika kely isika raha nanana fotoana. Mbola manana eo amin'ny roapolo minitra mahery isika. Isika dia nanana . . .

178 Isika dia afaka ma—mandinika kely an'i Kaina sy Abela, ahoana fa—fa niezaka hahafaly an'Andriamanitra tamin'ny alàlan'ny hatsaran-tarehy iray i Kaina.

179 Fomba hafa iray, ny olona dia mieritreritra hoe, "Amin'ny alàlan'ny—amin'ny alàlan'ny fiangonana malaza, tsara akanjo, amin'ny alàlan'ny pretra miaraka—miaraka . . . ireo mpitoriteny miaraka amin'ny akanjo, sy ireo antoko mpihira miakanjo, ary ny rehetra—ny fitafiana, izany no mahafaly an'Andriamanitra." Mety hitanareo ve hoe avy taiza izany? Nanandrana an'ilay zavatra iray ihany i Kaina. Ary nanorina alitara iray ho azy izy, tsy isalasalana fa nataony tsara tarehy izany.

180 Ary tso-po ilay lehilahy. Nanompo izy. Nieritreritra izy hoe, "Raha mbola tso-po foana aho, dia tsy manao fahasamihafana izany." Manao fahasamihafana iray izany. Afaka ny ho diso ampahatsoram-po ianareo.

181 Mariho, izy—nanorina an'ity alitara ity izy ary izy, toy ny hoe, nametraka voninkazo ary nanamboatra azy, ary nametraka voankazo tsara tarehy, ka nieritreritra hoe, "Azo antoka, ny Andriamanitra lehibe iray, masina, madio, dia hanaiky an'ity fanatitra ity." Saingy, hitanareo, nanao an'izany tamin'ny fahendreny manokana izy. Nanao an'izany tamin'ny alàlan'ny eritreriny manokana izy.

182 Ary tahaka an'izany ilay izy amin'izao andro izao. Izy—izy . . . Izy ireo dia manao an'izany amin'ny alàlan'ny fahendreny manokana, amin'ny alàlan'ny fianarany, amin'ny alàlan'ny fampianarany sy ireo etika izay nianaran'izy ireo.

183 "Fa Abela, tamin'ny alàlan'ny fanambarana, tamin'ny finoana, dia nanolotra fanatitra iray tsara kokoa ho an'Andriamanitra." Tsy nisy na inona na inona nadio mikasika an'izany, raha ny fijery azy, amin'ny fiteny maha-olombelona. Ilay biby kely, ary nandramby azy tamin'ny tendany ka namatotra tadim-boaloboka iray nanodidina azy, tahaka an'*izao*, ary nisintona azy hatreo amin'io alitara io. Tsy nisy na inona na inona tsara tarehy mikasika azy. Nametraka azy teo ambonin'ny alitara, ary nikapa ny tenda keliny tamin'ny—vato maranitra iray, mandra-pifafin'ny ràny nanerana azy manontolo, ary nibarareoka izy, teo am-pahafatesana. Fahitana iray mahatsiravina izany, hitanareo, ny mahita an'izany. Tsotra ilay izy, na izany aza.

184 Tao anatin'ny fahatsorana, dia fantany fa izy dia nateraky ny ràn'ny reniny sy ny rainy, teraka tao amin'ny ràn'ny reniny,

tamin'ny alàlan'ny ràn'ny rainy; ary ny rà no nahatonga an'ilay fahalavoana, noho izany dia ny rà no hamerina an'izany. "Noho izany dia izy no nanolotra ny fanatitra tsara kokoa ho an'Andriamanitra, satria voambara taminy izany."

185 Ary ny sasany amin'ireo rahalahy, amin'izao andro izao, izay mihevitra fa nihinana paoma sy poara izy ireo! Ary nahita an'ilay zavatra mahagaga indrindra aho indray andro, tao amin'ny gazety. Hoy izy ireo hoe, "Ankehitriny dia noporofoin'izy ireo fa tsy paoma iray no—no nohanin'i Eva." Fa, izaho—heveriko fa milaza izy ireo hoe, "Paiso iray izany." Noho izany, oh, dia hitanareo hoe avy aiza io fanahy io!

186 Ary nilaza izy ireo, fa, "I Mosesy dia tsy niampita tokoa an'ilay Ranomasina Mena. Fa, izany dia a—andian-jozoro tany, ranomasin-jozoro iray. Ka nitondra an'ireo zanak'Isiraely nandalo tao amin'ilay ranomasin-jozoro izy. Tany amin'ny faran'ilay—ilay ranomasina, dia nisy andian-jozoro goavana iray tany. Ary niampita an'ilay ranomasina i Mosesy, saingy ranomasin-jozoro iray no niampitany; fantatrareo, ahitra, avo, tahaka ny harefo sy ny sisa, no niampitany tany." Mampihomehy toy ny ahoana!

187 Nefa, "Ny rano," hoy ny Baiboly, "dia nisaraka avy tamin'ny ankavanana nankany amin'ny ankavia, ary Andriamanitra nanao ri—rivotra mahery avy any atsinanana mba hanasaraka." Hitanareo? Hitanareo?

188 Izy ireo, te-hiezaka ny hamahavaha an'izany amin'ny fombany manokana izy ireo. Ary tahaka an'izany foana no tsy nahombiazan'izy ireo, ary mbola hanohy tsy hahomby izy ireo. Fantatrareo, ireo zavatra rehetra ireo!

189 Ary Kaina no tena tandindon'ny olona misaina ara-nofo amin'izao andro izao, izay mpivavaka ivelany. Te-hanao zavatra ivelany izy, saingy izy dia ny . . . Mandeha any am-piangonana izy, ary—ary hanao zavatra betsaka izy ho an'ilay—ilay tranobe.

Fiangonana anankiray ihany no misy, ary tsy mikambana amin'Izany ianareo.

190 Trano fialofana izy ireo. Hitanareo? Mikambana amin'ny trano fialofana Metodista ianareo, ny trano fialofana Batista, ny trano fialofana Presbyterana, ny trano fialofana Pentekotista.

Fa teraka tao amin'ilay Fiangonana ianareo. Eny, tompoko. Hitanareo?

191 Trano fialofana daholo ireo. Tsy fiangonana izy ireo. Trano fialofana izy ireo. Ary tsy misy izany zavatra hoe "fiangonana" Metodista, na "fiangonana" Pentekotista izany. Tsia, tsy misy izany karazan-javatra izany. Tsia, diso tanteraka izany. Hitanareo? Izy ireo dia . . . Marina izany. Izy ireo, izy ireo dia trano fialofana izay ikambanan'ny olona.

192 Fa teraka tao amin'ilay Fiangonan'Andriamanitra velona ianareo, ary izany no Vatana mahagaga an'i Jesosy Kristy eo ampiforonana.

193 Ankehitriny, saingy, nahafaly an'Andriamanitra ny nanambara ny Tsiambaratelony tamin'i Abela, tamin'ny finoana tsotra tao amin'ilay rà nalatsaka. Oh, maniry aho ny hanana fotoana hijanonana eo amin'izany elaela kely. Hitanareo?

194 Kanefa, ary Kaina, niaraka tamin'ny fahendreny rehetra, ilay lehilahy nanan-tsaina! "Oh," hoy ianareo, "ankehitriny, Rahalahy Branham, ianao dia nilaza fa izy . . . Miezaka ve ianao ny manao azy ho ilay nianatra tapi-pahaizana?" Izany izy. Izy no ilay nanan-tsaina . . . Araho ny—araho ny tantaran'ny taranany. Jereo ireo zanany. Ny tsirairay avy amin'izy ireo dia siantifika, sy dokotera, ary lehilahy nanan-tsaina, ny tsirairay avy.

195 Fa, araho ny taranak'i Seta, nanetry tena izy ireo, tambanivohitra, sy tantsaha, sy ny sisa, nitohy hatrany amin'ny fandravana.

196 Fa ireo zanak'i Kaina dia ilay vondrona nanan-tsaina, nahay. Izy ireo aza, milaza izy ireo, dia afaka mampitsonika varahina, ary manao vy; sy mpanorina. Ary lehilahy nanan-tsaina izy ireo.

197 Nefa—nefa, ireto hafa dia lehilahy izay nitoetra tao anaty tranolay fotsiny, ary niandry ny ondriny, ka nijanona teo amin'ireo teny fikasan'Andriamanitra. Hitanareo? Hitanareo? Hitanareo ve hoe inona ilay izy? Ankehitriny dia araho fotsiny ny tantaran'ny taranaka hatramin'ny farany, dia jereo raha tsy marina izany. Hitanareo? Nijanona teo amin'ny teny fikasan'Andriamanitra izy ireo.

198 Tahaka an'izany no nahavoafidy an'i Noa, avy tamin'io karazan'olona io. Tahaka an'izany no nakàna an'i Paoly avy tao amin'ny andiany. Hitanareo? Tahaka an'izany, John Wesley, Martin Luther, ary iza koa. Tahaka an'izany no mahatonga anareo amin'izay maha-izy anareo androany, hitanareo, ilay zavatra iray ihany, manetry tena, mba hino ny teny fikasan'Andriamanitra tsotra.

199 Ankehitriny, mariho, nahafaly an'Andriamanitra ny—ny nanondro. Ankehitriny, Andriamanitra dia hanamarina foana na izany no Fahamarinana na tsia. Hitanareo? Ankehitriny, olona maro no miezaka manetsika ny tenany ao amin'ny zavatra iray izay ijanonan'Andriamanitra lavitra any amin'ny iray tapitrisa maily. Marina izany. Fa rehefa mahita an'Andriamanitra miverina aoriana ianareo, milaza fa Izany no . . . manisy tsindrim-peo an'Izany, manao hoe, "*Izany no* marina, *Izany no* marina, *Izany no* marina," amin'izay fotoana izay dia fantatrareo fa marina Izany.

200 Ankehitriny, rehefa teo ambonin'ilay alitara ireo fanatitra, dia nolavin'Andriamanitra ny fandraisany ara-tsaina an'Andriamanitra. Fa rehefa nahita an'i Abela Izy, tamin'ny

finoana tsotra mba hinoana fa tsy paoma na voankazon'ny saha ilay izy, fa rà izany; tamin'ny finoana no ninoany an'izany, tamin'ny fanambarana iray avy tamin'Andriamanitra. Nanamarina an'i Adama tamin'ny fanekena ny fanatiny Andriamanitra. Hitanareo?

201 Eo no iheverantsika ny fivavahana ho an'ny marary, ny zavatra hafa rehetra. Hoy Jesosy hoe, "Raha mitoetra Amiko ianareo, ary Ny Teniko ao aminareo, dia angataho fotsiny izay tianareo fa hatao ho anareo izany."

202 Ankehitriny raha manohy mandroso fotsiny isika, haingana mihitsy ankehitriny, eo amin'ny roapolo minitra mahery isika.

203 Mariho, ny andron'i Elia, nisafidy ny hanafina ny Tenany tao amin'ny olona tsotra iray Andriamanitra. Eritrereto fotsiny izany ankehitriny. Andriamanitra nisafidy. Izany no Safidiny. Tsarovy, nanana raby izy ireo, mpisorona. Nanana lehilahy malaza izy ireo tamin'ireo andro ireo. Na dia Ahaba Mpanjaka aza, ny tenany, dia Jiosy iray. Nanana lehilahy malaza izy tao amin'ny firenena, tamin'izany andro izany. Saingy nanafina ny Tenany tao amin'ny lehilahy tsotra iray Andriamanitra; fa tsy tao amin'ny nianatra iray; tsia, tsy lehilahy iray fanta-daza an'izao tontolo izao, miaramila tapi-pahaizana malaza iray na tahaka an'izany; tsia, tsy anarana goavana iray. Tsy fantatsika akory aza hoe iza no papany sy ny mamany. Tsy mahafantatra na inona na inona mikasika ny tantaran-drazany isika. Tantsaha tsotra iray fotsiny tany ho any, izay natsangana ho an'ny tanjona mba ho mpaminany iray. Nanao azy hiaina irery tany an-efitra Andriamanitra. Ny zavatra tokana fantatsika, dia nipoitra tampoka avy hatrany tsy avy taiza na taiza izy, niditra avy hatrany ary nanameloka an'ilay rafitra ara-pivavahana manontolo. Oadray!

204 Ary fantatrareo ve hoe inona no noeritreretin'izy ireo mikasika azy? "Avy tamin'ny sekoly inona izy?" Hitanareo? "Inona no anaram-piangonana iarahany? Ireo Fariseo ve no iarahany, ireo Sadoseo," na inona koa no nananan'izy ireo? Tsy nikambana tamin'ny iray tamin'izy ireo izy, fa nanameloka an'ilay zavatra manontolo. Hitanareo? Andriamanitra no nisafidy hanao an'izany.

205 Fa, lehilahy tsotra iray, tsy nanana fianarana. Tsy manana toerana isika izay hany mba nandehanany nankany an-tsekoly. Tsy manana na inona na inona mikasika azy isika. Lehilahy tsotra iray fotsiny, saingy nahafaly an'Andriamanitra ny hiafina tao anatin'io olona tsotra io. Andriamanitra, tany, niaraka tamin'ity lehilahy tsotra ity, niafina tao anatin'ny olombelona iray. Afaka mahazo an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

206 Andriamanitra niafina tao amin'ny "masiaka tsy mahay mamaky teny," ho an'izao tontolo izao. Satria, fantatrareo,

izy ireo—niampanga azy tamin'ny zavatra rehetra izy ireo, ho "mpamosavy" iray mihitsy aza, Elia. Ny mpaminany rehetra dia voampanga, amin'izany, hitanareo.

207 Noho izany, Jesosy dia voampanga ho anankiray, hitanareo, "Belzeboba; ho adala." Hoy izy ireo, "Nahoana, very saina ianao. Hia, fantatray fa manana devoly ianao. Ianao dia—any ivelan'ny lohanao ianao." Hitanareo?

208 Teo no Nitenenany tamin'izy ireo hoe, "Rehefa tonga eo amin'ny andro farany Izany, ka izy ireo dia mite- . . . izany no ho fitenenan-dratsy, ny manao tahaka an'izany." Namela azy ireo Izy, saingy tsy ho avela izany amin'ireo andro farany ireo. Tsy maintsy aloa izany, amin'ny fisarahana Mandrakizay, "Tsy ho avela mihitsy, amin'izao fiainana izao na amin'ny fiainana ho avy."

209 Fa noheverina ho lehilahy adala iray i Elia. Azonareo eritreretina ve izy nitsangana mba . . . Ireo—ireo vehivavy rehetra dia nanapaka ny volony tahaka an'ireo andro moderina, heveriko, ary nandoko tarehy tahaka an'i Jezebela, ilay vadin'ny filoham-pirenena. Ary—ary ireo mpitory teny rehetra dia lasa araka an'izao tontolo izao sy ny sisa. Ary tamin'izany fotoana izany dia inona no niseho? Tamin'izay dia indro tonga i Elia antitra, nanameloka an'ilay zavatra manontolo, hatrany amin'ny farany nanomboka tamin'i Jezebela no ho midina.

210 "Nahoana," nieritreritra izy ireo hoe, "tsy voatery hihaino anao izahay! Manana pasitera izahay."

211 Azo antoka, tsy voatery izy ireo, saingy izy no pasiteran'izy ireo na ahoana na ahoana. Izy no pasiteran'i Jezebela. Tsy nila an'izany izy. Mety efa nanana karazany hafa iray izy. Saingy, saingy, ny nirahin'Andriamanitra, dia izy. Hitanareo? Izy no pasitera nirahin'Andriamanitra ho azy. Nankahala azy izy, saingy izy no pasitera na izany aza. Mariho.

212 Ary nanetry ny tenany i Elia ka nijanona tamin'izay nolazain'Andriamanitra, tamin'izany fanao izany, ka nahafaly an'Andriamanitra ny naka an'io Fanahy iray ihany io avy tamin'i Elia ka nampanantena ny hampidina an'Izany intelo nanomboka teo. Hitanareo? Amena. Ary Nataony izany. Amena. Azo antoka, nanao Izy. Azo antoka. Izy no nampanantena an'Izany, fa ho avy Izany. Ary tonga teo amin'i Elisa Izany, ny mpandimby azy; avy eo dia tonga teo amin'i Jaona Mpanao-batisa; ary, araka ny Malakia 4, dia natao ho eto indray Izany amin'ny andro farany. Hitanareo?

213 Tian'Andriamanitra io Fanahy izay teo amin'io lehilahin'ny ala tsotra, tsy nianatra avy tany anaty ala tany ho any io. Ary, noho izany, tena nankatò Ny Teniny Izany, ka afaka nilaza Izy hoe, "Elia, ataovy *ity*," dia nataon'i Elia izany. Ary nanafina ny Tenany tao Andriamanitra, tao anatin'ny fahatsorana tahaka an'izany!

214 Izy rehetra dia niteny taminy hoe, “Io antitra masiaka io, aza manao na inona na inona aminy,” sy ny sisa.

215 Saingy indray andro, rehefa izy—antitra izy, ary ny lohany sola, ary ny—ary ny volombavany nihantona nidina, fotsy, ary ireo volo vitsy izay nananany dia nihantona teo ambonin’ny sorony; sandry antitra kely nahia, ary ny nofo nikopakopaka teo amin’izy ireo tahaka an’izao; nandeha nidina tamin’ny làlana nankany Samaria, ary ireo masony niandrandra nankany amin’ny lanitra, niaraka tamin’ny tsora-kazo bingo teny antànany. Tsy tsara jerena mihitsy izy, saingy izy no nanana ny “HOY NY TOMPO HOE” ho an’ilay andro. Tsy niakanakana izy niaraka tamin’Izany. Tsy niahotrahotra izy. Tsy nilaza izy hoe, “Ankehitriny, ry Ahaba *lehibe*.” Nanatona izy ka nanao hoe, “Tsy hisy ando hilatsaka akory aza avy any an-danitra raha tsy izaho no miantso azy.” Haleloia! Hitanareo? Nanaja ny fahatsorany Andriamanitra.

216 Ankehitriny, hitanareo, raha mbola tao anatin’ny fomba tsotra ilay izy, ka ny olona rehetra—ny olona rehetra nanohitra azy, ny olona rehetra leo azy. Ny fikambanan’ny mpitoriteny rehetra, ny zavatra hafa rehetra, leo azy, marina izany, niezaka ny hiala aminy sy ny zavatra hafa rehetra. Saingy, tao anatin’io fahatsorana io, na dia tsy nanana fiaraha-miasa tamin’ireo asam-pitoriany aza izy ireo na inona koa izay nananany. Ny olona rehetra dia nihevitra fa masiaka iray izy. Andriamanitra dia nanafina ny Tenany.

217 Fa rehefa tonga ny fotoana hahamasaka an’io voa io, izay efa nambolena, dia naneho ny Tenany Andriamanitra tamin’ny fandefasana Afo avy tany An-danitra ka nandevona an’ilay fanatitra. Andriamanitra miafina ao anatin’ny fahatsorana, ary avy eo dia manambara ny Tenany indray. Hitanareo? Azo antoka. Nahafaly an’Andriamanitra ny nanao an’izany. Tahaka an’izany foana no Nanaovany an’ilay izy. Eny, tompoko. Ankehitriny, hitantsika fa Izy—Izy no nampanantena an’ireo zavatra ireo.

218 Ny olana dia, amin’izao andro izao, amin’ny maro amintsika olona, isika dia te-ho lasa tena, fantatrareo, tena ara-seminera-, sy ara-anaram-piangonana-, nampianarina ara-tsaina, ka tsy afaka mampiasa antsika Andriamanitra. Andriamanitra dia afaka manome fanombohana iray ho an’ny olona iray hanao zavatra, ka manome asam-panompoana iray ho azy; ny zavatra voalohany fantatrareo, handeha hanaiky an’izay lazain’ireo hafa izy, ary, ny zavatra voalohany fantatrareo, ho difotra ao anatin’ny andian-javatra goavana iray izy. Ary amin’izay fotoana izay dia manaisotra ny Tànany hiala aminy fotsiny Andriamanitra, ka mamela azy hipetraka tsara. Hitanareo? Hitanareo?

219 Avy eo dia hiezaka Izy ny hahita olona hafa iray ho Azy, olona iray izay hanao an’ilay izy. Hitanareo? Tsy maintsy mahita

zavatra iray Izy izay—izay handray Ny Teniny, izay handray ny fanambarana Masina ka tsy hihetsika amin'Izany, hijanona tsara eo amin'izany Teny izany. Tahaka an'izany Izy—no Anaovany azy. Tahaka an'izany foana no Nanaovany azy.

220 Noho izany rehefa lasa tena nianatra sy nanan-tsaina ny olona, ka, miezaka mametraka ny fandikany manokana izy. Eny, ohatra hoy izy ireo hoe, "Ny batisan'ny Fanahy Masina," dia hilaza izy ireo hoe, "oh, ho an'ny andro hafa iray izany." Saingy, raha tsy izany dia, eny, "Tsy ho an'ny andro hafa iray Izany, fa, ho teneniko aminao, tsy tonga tahaka ny Nahatongavany tamin'ny Andron'ny Pentekosta Izany. Mandray ny Fanahy Masina isika rehefa mino." Ary—ary ny karazan-javatra rehetra tahaka an'izany, hitanareo. Ary miresaka mikasika ny batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, izy ireo . . . nefa tahaka an'izany no ampianaran'ny Baiboly azy; eny, hoy ianareo hoe, "Eny, saingy, ny seminera dia milaza! Ary *Ranona-sy-ranona* dia milaza!" Izany no manao marimaritra iraisana. Hitanareo? Tsy afaka mampiasa olona iray tahaka an'izany Andriamanitra. Hitanareo?

221 Mety hamela lehilahy iray ho voakapoka manerana ny firenena rehetra tahaka an'izany Izy, ary voaroaka ilay lehilahy ka ihomehezana, ary esoina, sy ny zavatra hafa rehetra tahaka an'izany. Saingy rehefa tonga ilay tena fanehoan-kery, dia mitsangana Andriamanitra ka manamarina ny Tenany avy hatrany ao anatin'io fahatsorana iray io ihany.

222 Mitsangana avy hatrany, tahaka ny voninkazo. Ilay voa, toy ny hoe mifarana ny aminy, maty izy ary mianjera amin'ny tany. Angadio ilay voa kely, fa lò izy, ary mitovy amin'ny loto iray. Fa avy ao no mipoitra ny aina mba hamokatra voninkazo hafa iray indray.

223 Andriamanitra ao anatin'ny fahatsorana. Manao an'ilay zavatra iray ihany Izy. Ny làlana miakatra dia ny midina, foana. Aetreo ny tenanareo. Aza manao mihitsy hoe, "Eny, manana an'*ity* sy *itsy* aho." Tsy manana na inona na inona ianareo. Izao fotsiny—tsarovy fotsiny, raha manana ny fahasoavan'Andriamanitra ianareo, dia mankasitraha fotsiny ny amin'izany, ary aoka hanetry tena ny amin'izany. Hitanareo, manohiza fotsiny manetry ny tenanareo.

224 Ankehitriny dia tsy maintsy mandeha haingana aho, satria ny famantaranandro dia . . . Tsy te-hihazona anareo ela loatra aho, satria tsy te-handreraka anareo, hitanareo. Mbola manana fotoana lava isika mandritr'ity herinandro ity.

225 Ankehitriny, ary ankehitriny dia hitantsika fa lasa tena manan-tsaina sy nianatra ny olona.

226 Ankehitriny dia te-haneho iray hafa aminareo aho. Ilay—ilay hafa dia lasa lavitra mankany amin'ny ilany hafa, lasa fanatika izy ireo, miezaka ny ho mpivavaka. Ankehitriny, fantatsika fa

manana an'izany vondrona izany isika. Hitanareo? Mandeha mankany amin'ilay ilany hafa izy ireo.

227 Eo no tsy ifanarahako amin'ilay vondron'ireo rahalahy izay niala teto vao tsy ela akory izay tamin'ny—ny làlan'ny Hazavana. Izy ireo, tsy afaka nahita fotsiny an'ilay zava-mahagaga vita izy ireo raha tsy nanao ny tenany ho vondrona iray, noho izany dia niangona tany Canada izy ireo ary—ary nanao vondron'olona iray izay ho tendren'izy ireo ary hifanao apostoly sy mpaminany, sy ny sisa. Ary nianjera avy hatrany izany. Hitanareo? Ary ho izany foana ilay izy. Hitanareo? Izy ireo dia lasa . . . Mahatsapa izy ireo hoe satria izy ireo dia . . . hoe izy ireo dia tsy . . . Tena manameloka an'ireo zavatra hafa izy ireo, sy—sy ireo zavatra, hany ka lasa avy hatrany eny amin'ilay ilany hafa. Hitanareo?

228 Misy ilany iray izay mahay tokoa, mangatsiaka ary tsy miraika, mandà ny zavatra rehetra izy ireo eo. Ary ireo hafa dia lasa eo amin'ilay ilany hafa, eo amin'ilay ilany hafa miaraka amin'ny andiana mpifikitra iray an'ny fientanam-po, ka mandà ny Teny.

229 Fa ilay tena Fiangonana marina dia mijanona tsara eo afovoan'ilay làlana. Ankehitriny, raha mahamarika ianareo, izany no—izany no—izany no mahazo ny fahalalana ara-Baiboly ny amin'izay nolazain'Andriamanitra, ary izany dia—izany dia ara-panahy betsaka mba hafana ao am-pony, ary izany mihitsy ilay làlana. Nilaza i Isaia fa ho tahaka an'izany ilay izy. Hoy izy hoe, "Hisy làlambe iray . . ."

230 Ary ireo sakaiza voatahy, masina, sarobidy avy ao amin'ny fiangonana Nazareana, hetsika mahery kely iray izay natombok'Andriamanitra, saingy lasa inona izy ireo? Rehefa nanomboka niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra Andriamanitra tao amin'ilay fiangonana, dia tena ara-pivavahana loatra izy ireo ary tena nampadity ny tenany, ka nantsoin'izy ireo hoe "ny devoly" izany. Ary hitanareo ve izay nitranga tamin'izy ireo? Hitanareo? Hitanareo? Izy ireo, izy ireo, "Masina kokoa noho ianao." Ary—ary noho izany dia hitantsika fa ireo zavatra rehetra ireo dia mandeha mankany amin'ny voa ary maty tanteraka. Hitanareo? Ary ilay—ilay ilany hafa.

231 Ankehitriny, ny ilany iray dia lasa fanatika. Ilay ilany hafa dia lasa mangatsiaka sy madity.

Ankehitriny, hoy i Isaia hoe, "Hisy làlambe iray . . ."

232 Ary ireo Nazareana, sy ny maro amin'ireo olon'ny fahamasinana taloha, dia nilaza fahiny hoe, "Ilay làlambe fahiny voatahy! Voninahitra ho an'Andriamanitra! Mandeha eo amin'ilay làlambe fahiny izahay!" Saingy, tsarovinareo, tsy izany marina tokoa no nolazainy.

233 Hoy izy hoe, "Hisy làlambe iray, sy," *sy* dia fanohizanteny iray, "sy làlana iray." Ary izany dia tsy hantsoina hoe làlamben'ny fahamasinana, fa, "Ny làlan'ny fahamasinana."

234 Ankehitriny, ny làlamben'ny fahamasinana iray, ny olona dia miezaka manao ny tenany ho masina. Ary rehefa miezaka ianareo, dia tahaka an'izay nolazaiko taloha fotsiny izany, izany dia tahaka ny. . . Izany dia ho tahaka ny papangobe miezaka mametraka volom-boromailala eo amin'ny tenany, mba hanao voromailala iray avy amin'izany, nefa ny natiorany dia mbola papangobe iray foana. Hitanareo? Izy, izany dia. . . Izany dia ho tahaka ny goaika iray miezaka mametraka ny—ny volon-domoina, na vorombola iray, ka manao hoe, "Hitanao, vorona iray tsara tarehy aho." Hitanareo, zavatra iray namboarina izany.

235 Fa ny vorombola iray dia tsy mila manahy na hanana volon'ny vorombola izy na tsia. Ny voromailala dia tsy mila manahy na hanana volom-boromailala izy na tsia. Raha mbola voromailala iray foana ny natiorany, dia hanana volom-boromailala izy.

236 Ary, hitanareo, ny olon'ny fahamasinana dia manomboka manao hoe, "Tsy maintsy mitondra volo lava sy tànan'akanjo lava ireo vehivavy, ary—ary ireo zavatra rehetra ireo, sy zipo lava, ary tsy manao peratra mariazy mihitsy na firavaka amin'ny karazany rehetra." Hitanareo, ilay izy dia lasa fahamasinana namarinin'ny tena. Hitanareo? Hitanareo? Izany—izany dia—fahamasinana namboarina izany. Fa ilay tena Fiangonan'Andriamanitra velona dia . . . Ary jereo izay nitranga tamin'ilay anaram-piangonana. Ankehitriny dia manana volo tapaka izy rehetra, tahaka an'ireo Pentekotista, sy—sy ny sisa. Ary—ary izy rehetra, saiky, dia manao peratra sy ny sisa. Jereo ireo Pentekotista, taona maro lasa izay, no namerimberenan'izy ireo an'izany, hitanareo, sy hoe, "Izahay, ilay fiangonana! Izahay, ilay fiangonana!"

237 Ny Fiangonana dia ny Vatan'i Kristy. Izany dia isam-batan'olona iray, eo anivon'ireo isam-batan'olona hafa, izay teraka tao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra. Avy ao anaty izany no mivoaka. Iainana ho azy izany.

238 Tsy mangataka amin'ny ondry iray ianareo mba hitondra volon'ondry, na, hanamboatra volon'ondry, no tiako lazaina. Tsy mila manamboatra volon'ondry ny ondry. Hoy izy hoe, "Ankehitriny, mila ahy hanana volon'ondry sasantsasany ny tompoko amin'ity taona ity. Tsy maintsy ho sahirana aho." Tsia, ny zavatra tokana tsy maintsy hataony dia ny mijanona ho ondry iray fotsiny. Marina izany. Ho tonga ho azy ny volon'ondry . . . Izany dia ho—izany dia ho . . . Hitondra an'izany izy satria . . .

239 Ary tsy nangatahana hanamboatra voa isika. Natao hamokatra voa isika, hitanareo, hitondra voa. Hitanareo? Natao hitondra voa isika. Ary raha mbola voa iray avy amin'Andriamanitra foana ianareo, miaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra, dia hanamarina ny Tenany ny

Tenin'Andriamanitra. Hitondra voa izany raha mbola ao foana ny Teny. Hoy Jesosy hoe, "Raha mitoetra ao Amiko ianareo, ary Ny Teniko ao aminareo, dia angataho izay tianareo fa hatao izany." Hitanareo? Tsy manamboatra an'izany ianareo. Tsy manamboamboatra ny tenanareo ho amin'izany ianareo. Eo fotsiny tokoa izany, ary mitohy sy mitohy.

240 Ankehitriny dia ndao isika handeha, handeha haingana mihitsy ankehitriny, miaraka amin'ny minitra vitsy tavela fotsiny, ary avy eo dia hamarana isika.

241 Ankehitriny, ankehitriny, ireo hafa dia mandeha tena lavitra mba ho lasa fanatika. Ankehitriny, dia mandeha eny amin'ilay ilany hafa izy ireo. Ary mihevitra izy ireo, hoe satria mitsambikina ambony sy ambany fotsiny izy ireo, na manana karazana fahatsapana iray na fientanam-po, miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, na—na—na manome faminaniana izay sendra marina, na zavatra tahaka an'izany, dia mihevitra izy ireo fa Izany no izy, hoe—hoe nahazo Azy izy ireo. Saingy, tsy izany ilay izy.

242 Hoy Jesosy hoe, "Maro no hanatona Ahy amin'izany andro izany, ka hanao hoe, 'Tompo, tsy efa naminany tamin'Ny Anaranao ve aho? Tamin'Ny Anaranao no nanaovako asa mahery, sy nandroahako devoly?'" Hoy Izy hoe, "Mialà, tsy nahafantatra anareo mihitsy Aho." Hitanareo? Tsy izany ilay izy. Tsy izany ilay izy, ry sakaiza.

243 Izany no antony. . . Ary, ny fiteny tsy fantatra, ny porofo? Mino ny fiteny amin'ny fiteny tsy fantatra aho, saingy tsy mandray an'izany ho porofo tokan'ny Fanahy Masina. Tsia, tompoko. Ny vokatry ny Fanahy no porofo. Hitanareo? Hia. Ankehitriny, hitanareo, izany no antony tsy nifanarahako tamin'ny hetsik'ireo rahalahy Pentekotista, tao amin'izany fanao izany, hoe milaza izy ireo fa, "Raha miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny olona iray, dia manana ny Fanahy Masina izy." Tsy mifanaraka aho. Tsy izany no famantarana fa manana ny Fanahy Masina izy. Hitanareo?

244 Efa nandre an'ireo devoly niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra haingana mihitsy arak'izay vitan'izy ireo aho, nisotro rà avy tao amin'ny karandohan'olombelona, ary niantso devoly.

245 Efa nahita Indiana naka bibilava aho ary nitafy azy ireo, tao amin'ny—tao amin'ny—tao amin'ny dihy anaty orana tany Arizona tany; nanangana ny tànany ambony tahaka an'*izao*, ary nihazakazaka nanodidina mihitsy. Tonga ilay mpampianatra mpamosavy, nandefona ny tenany. Ary nametraka pensily iray, ary nanoratra tamin'ny fiteny tsy fantatra izany, ary nanome ny fandikana an'izany. Hitanareo?

Noho izany, aza, aza miteny amiko an'izany. Antitra loatra aho ny amin'izany. Hitanareo?

246 Noho izany ny—ny vokatry ny Fanahy no po-. . . Hoy Jesosy hoe, “Ny voany,” fa tsy fiteny tsy fantatra na fientanam-po, “fa ny voany no hahafantaranareo azy ireo.” Hitanareo? Koa izany no vokatry ny Fanahy. Izany no Andriamanitra maneho ny Tenany ao anatin’ny fanetre-tena, fahamoram-panahy, ary mitovy foana isan’andro. Misy zavatra iray mikasika an’izany, ny olona iray izay mijanona tsara amin’ny Teny. Isaky ny mahita ny Teny izy, dia manisy tsindrim-peo an’Izany amin’ny “amena,” tsy mampaninona izay lazain’ny olona hafa. Fa, mino an’Izany izy, hitanareo. Eny àry. Hitanareo?

247 Fa mandeha lavitra be isika, arak’izany, mba hijanona eo amin’ny fanatisma iray, ka mitsofoka eo anivon’ny olona i Satana. Izany no raharahan’i Satana. Ary mpandraharaha tsara iray izy. Ary mitsofoka eo anivon’ny olona izy, manao azy ireo hieritreritra fa nahazo Azy izy ireo satria fotsiny hoe afaka mitsambikina ambony sy ambany. Nefa avy eo ve dia mankahala ny mpiara-monina aminareo? Tsia. Hitanareo?. . . mba—mba hilaza zavatra, sy hiteny amin’ny fiteny tsy fantatra mahafinaritra fotsiny, sy ireo zavatra tahaka an’izany.

248 Ary, tsarovy, afaka miteny amin’ny fiteny tsy fantatra an’ny Fanahy Masina tena izy ianareo nefa mbola tsy manana ny Fanahy Masina foana. Ny Baiboly no niteny an’izany. “Na dia miteny amin’ny fitenin’ny olona sy ny Anjely aza aho, nefa tsy manam-pitiavana, dia tsy mahasoa na inona na inona amiko izany. Lasa varahina maneno aho, ary kipantsona mikarantsana.” Korintiana Voalohany 13. Hitanareo? Noho izany ianareo dia tsy. . . Tsy izany no manao an’ilay izy, hitanareo.

249 Hoy ny Metodista hoe, “Rehefa mihiakiaka isika, dia nanana Azy,” saingy tsy nanana izy ireo. Hoy ny Nazareana hoe, “Rehefa niaina masina izy ireo, dia nanana Azy,” saingy tsy nanana izy ireo. Hoy ny Pentekotista hoe, “Miteny amin’ny fiteny tsy fantatra isika; dia manana Azy,” saingy tsy nanana izy ireo. Hitanareo? Hitanareo?

250 Andriamanitra, maneho ny Tenany, tsy ao anatin’ireo fahatsapana. Tsia, izany. . . Ireo fahatsapana, anefa, dia miaraka amin’Izany. Hitanareo ve ilay toerana? Lasa tena manetry tena fotsiny Izany hany ka afaka mahita an’Izany ny olona rehetra, raha ianareo—raha tsy miezaka ianareo ny hametraka, hanatsofoka ny hevitrareo manokana eo amin’Izany, hitanareo, sy ireo fisainanareo manokana. Izany no Andriamanitra.

251 Ankehitriny, ary noho izany dia lasa andiana fanatika iray izy ireo. Noho izany, *eto* dia ireo mpanara-pototra mangatsiaka eo amin’ity ilany ity; *eto* dia ireo fanatika eo amin’ny ilany hafa; ary *eto* no mandroso avy hatrany ny Ampakarina mandalo azy rehetra, miantso avy eo amin’ireo ilany roa. Marina izany.

Andriamanitra no manamarina Azy raha mandroso Izy, Ny Teniny.

252 Ankehitriny, oh, tsy maintsy mandingana ny sasany amin'ity aho satria manana be loatra aho eto. Ary izaho—izaho dia manana. . . Lasa ny fotoako. Handeha haingana fotsiny aho haingana arak'izay vitako ankehitriny.

253 Hatrany Edena, hatrany Edena no nahatongavany, efa—efa naminaniana fa hisy Mesia iray ho tonga; hatrany Edena rehetra tany.

254 Ankehitriny dia handingana vitsivitsy amin'ireo Soratro izay nosoratako eto aho, ary ireo naoty, mba hamarana ny Hafatra fotsiny, ara-potoana, raha vitako. Andriamanitra miafina ao anatin'ny fanetre-tena. Ankehitriny, dia hiresaka haingana aho, saingy, kanefa, izaho—tiako ho azonareo ity. Hitanareo?

255 Hatrany Edena, dia efa naminaniana fa ho tonga ny Mesia iray. Efa nolazaina mialoha hoe ho karazana olona inona Izy. Afaka haharitra ela be isika. Fantatrareo ny Baiboly, ho inona Izy, ho karazana olona inona Izy. Hoy i Mosesy hoe, "Ny Tompo Andriamanitrareo dia hanangana Mpaminany iray, tahaka ahy." Fantatr'izy ireo fa tsy maintsy ho mpaminany iray io Mesia io, ilay karazana asam-panompoana izay Hananany hiaraka Aminy. Ireo mpaminany rehetra dia niresaka ny amin'izay Hataony. Niresaka ny amin'izany tamin'ny mari-pamantarana izy ireo. Ary nandalo tanteraka teo an-tampon'ny lohan'izy ireo izany, ary nandalo tanteraka teo ambanin'ny sisa tamin'izy ireo. Hitanareo? Hitanareo? Nandeha teo ambanin'ny anankiray, ary teo ambonin'ny iray hafa. Hitanareo?

256 Tamin'ny fotoana izay Nahatongavany teo amin'ny sehatry ny fotoana, ireo olona izay nanirahana Azy dia nanana ny fandikany manokana ny amin'izay tsy maintsy haha-izy Azy, tao amin'ny fandikany ara-vinavina manokana.

257 Tsy niova mihitsy ny Baiboly. Iray ihany foana ny Baiboly. Izany no antony ilazako hoe, "Ny Soratra no nilaza, dia mijanona miaraka amin'Izany aho, 'Ny Baiboly dia tsy avy amin'ny fandikana manokana.'"

258 Noho izany, ry Metodista, Batista, Pentekotista, dia aza miezaka mametraka ny fandikanareo eo amin'Izany, manao hoe, "Izany tsy midika an'Izany. Izany dia midika an'*ity*."

259 Izany dia midika fotsiny an'izay Nolazainy, marina tokoa. Hoy ny olona iray hoe, "Ahoana no mampety an'izany?" Tsy fantatro hoe ahoana. Tsy izaho no hiteny an'izany. Andriamanitra no mikarakara an'izany. Izy no Anankiray Izay nilaza azy, fa tsy izaho, hitanareo, ary Izy no hikarakara ny Azy Manokana.

260 Fa ankehitriny, ankehitriny, ity Mesia ity dia efa naminaniana. Ireo mpaminany dia efa niteny marina tokoa hoe ahoana no Hahatongavany, inona no Hataony rehefa tonga Izy. Saingy, ny fandikan'izy ireo manokana an'izany, teo anivon'ny olona! Ary rehefa tonga Izy, dia tao amin'ny fomba tena tsotra iray Izy, tao anatin'ny fahatsorana, hany ka tafintohina teo amin'izany ilay fiangonana manontolo. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Teo, ireo lehilahy izay efa nampianarina . . .

261 Ny lehilahy iray dia tsy afaka ny ho mpampianatra iray, mpisorona iray, raha tsy teraka tao amin'ny laharan-taranaka iray izy, araka an'i Levy. Ary, eritrereto fotsiny, ny rain'ny-rain'ny- rain'ny-rain'ny-rain'ny-rain'ny-raibeny dia mpisorona iray, nipetraka tsara tao amin'ity Teny ity, tao an-tempoly, andro aman'alina.

262 Tahaka ny pretra Katolika na ny mpitoriteny izay—izay mpitoriteny mandimby, hatramin'ny taranaka, ho an'ireo fiangonana sasany, sy ny sisa, "Ny rain'ny-rain'ny-raibeko dia eveka Metodista. Ny raibeko dia eveka iray, sy ny sisa." Hitanareo?

263 Io rehetra io, dia niaina tsara tao amin'ny Teny, saingy nanao ny fanaony manokana ny amin'izany izy ireo. Ary ireo zanany dia nanaiky an'izany tamin'ny fomba izay efa nampianaran'ireo rainy an'izany. Hany ka, nampianatra an'izany niala tamin'ilay tena làlana ireo ray, ka nanao rafi-pandaminana iray tahaka an'izany avy tamin'izany izy ireo, hany ka, rehefa niezaka naneho ny Fahamarinana ny Fanahy, dia tsy afaka nandray an'Izany izy ireo.

264 Ary izany ilay zavatra iray ihany amin'izao andro izao. Tsy te-ho henjana aho, saingy marina izany. Izany ilay zavatra iray ihany amin'izao andro izao. Izy ireo dia manao azy ho tena—tena sarotra, ary—ary amin'ny fomba hafa. Izy ireo dia mampianatra ny . . . Tahaka ny efa voalaza fotsiny hoe, "Tsy manana zafikely mihitsy Andriamanitra." Fantatrareo ve izany? Manana zanakalahy Andriamanitra, ary manana zanakavavy Izy, fa tsy manana zafikely lahy sy zafikely vavy. Ny olona tsirairay dia tsy maintsy mandoa an'ilay vidiny iray ihany ary tonga amin'ny fomba iray ihany. Arak'izay nataon'ny rainareo mihitsy, no tsy maintsy hataonareo koa.

265 Ankehitriny, noho izany, tena tsotra Izy. Rehefa ity Mesia ity . . . Nandritry ny efatra arivo taona, dia niresaka ny Aminy ny mpaminany tsirairay; nihira ny Aminy i Davida, ary ny manaraka rehetra. Ary rehefa tonga Izy, dia efa nanana ny heviny manokana vita tsara ny olona, hoe inona no tsy maintsy Ataony, ahoana no Hanaovany azy. Ahoana fa ilay izy dia efa voazava tanteraka, vita sary teo amin'ireo drafitra sy ny sisa, hany ka, rehefa tonga tao amin'io fomba tena tsotra io Izy, izany

fotsiny—namotika fotsiny ny teolojian'izy ireo izany. Hitanareo, tsy fantatr'izy ireo izany.

266 Tonga araka ny Teny Izy. Ankehitriny, mino ve ianareo fa niteny tamin'ny alàlan'ireo mpaminany Andriamanitra, fa ho tonga amin'ny fomba iray io Mesia io? Tena mampalahelo fa tsy manana eo amin'ny adiny iray hafa eo isika mba ahafahantsika mahavita eo ka manazava hoe ahoana ilay izy. Hitanareo? Fantatsika rehetra hoe ahoana ilay izy, na izany aza, ny ankamaroantsika. Ahoana no nilazan'Andriamanitra fa ho avy Izy, ary ahoana fa hoe, "Ianao, ry Betleheman'i Jodia, dia tsy kely indrindra eo anivon'ny . . . " Ary hatramin'ny farany eo, sy ahoana no Hataony, ary inona no Hataony. Hitanareo?

267 Ary, kanefa, tena tsotra Izy! Hany ka, nafangaron'ireo mahay malaza tanteraka ilay izy, hany ka diso an'izany izy ireo. Saingy, fantatrareo fa tsy tonga nifanohitra tamin'ny Teny Jesosy. Tonga araka ny Teny Izy, saingy nifanohitra tamin'ny fandikan'izy ireo. Hitanareo? Nampianatra an'ireo zavatra izay nanohitra ny fiofanan'ny mpitondra fivavahan'izy ireo mikasika Azy Izy.

268 Ankehitriny, nilaza izy ireo, ankehitriny, ohatra hoe, "Rehefa tonga ny Mesia, marina tokoa, dia ho tonga ao an-tempoly Izy ka hanao hoe, 'Kaiafa,' na iza no mpisoronabe, 'tonga Aho.' Ho tonga miaraka amin'ny Anjely folo tapitrisa hiarahaba Izy. Hilaza ilay Andriamanitra hoe, 'Eny àry, ry sakaiza, eto ambany eto, ianareo marina tokoa dia—dia fiangonana mahery iray. Ianareo no Oloko. Hanodina an'ilay fanodinana eto Aho ary hamela an'ireo làlantsaran'ny Lanitra hidina. Handefa ny Mesia ho aminareo Aho, izao maraina izao. Hamela an'izany hipetraka eo an-tokontany eo mihitsy Aho, ka handeha eo ny olona rehetra.' Hanao hoe, 'Dokotera *Ranona-sy-ranona*, ianao ary Dokotera *Ranona-sy-ranona*, afaka mitsangana eo aloha ianareo, mba hiarahaba Azy voalohany, hitanareo.'"

269 Ankehitriny dia zavatra tahaka an'izany angamba no eritreretin'izy ireo amin'izao andro izao. Ankehitriny, fantatro fa izany dia kely . . . Toy ny sahisahy kely izany. Saingy izaho tsy . . . miezaka manao zavatra iray aho.

270 "Ary—ary, teo, tahaka an'izany no hisy. Fa raha tsy tahaka an'izany no hahatongavany, dia tsy marina ilay izy; antikristy iray izany. Hitanareo? Raha tsy tonga tahaka an'izany mihitsy ilay izy, dia antikristy iray izany, hitanareo, koa tsy ho izy izany. Ary noho izany, avy eo, dia hisy ny . . . Avy eo, ny zavatra hidina manaraka, dia hisy Anjely folo tapitrisa hiarahaba, miaraka amin'ny zava-manenony. Ary hipetraka eo an-tokontany izy ireo, izay nanorenan'i Solomona ny tempoly, ary, oh, ny aloha sy aoriana rehetra manerana eto, ity toerana masina izay nahafatesan'ireo olo-masina sy hendry ity, sy ny sisa!"

271 "Eny," hoy Jesosy hoe, "ianareo mpihatsaravelatsihy! Ianareo zanaky ny devoly!" Hoy Izy, "Haingoinareo ny fasan'ireo

mpaminany, nefa ny rainareo no nametraka azy ireo tao anatiny tao." Marina izany. Marina izany. Hitanareo? "Firy ireo olomarina sy mpaminany efa nirahina ho aminareo, nefa mbola novonoinareo ny tsirairay avy tamin'izy ireo!" Hitanareo? Fa inona ireo Nantsoiny hoe "marina"? Ireo, izay antsoin'izy ireo hoe, "fanatika sy masiaka." Eny.

Teo, nihevitra izy ireo fa ho tahaka an'izany no hahatongavany.

272 Saingy, rehefa, tonga tao anatin'ny tranon'omby Izy, nateraky ny—ny virijiny, niaraka tamin'ny mpandrafitra tsotra iray ho ray mpitaiza, ary ny—ny zazavavy kely, tsy fantatra iray. Hitanareo, tsy ilay zanakavavin'ny mpisoronabe, na inona koa. Izy—tonga Izy toy ny . . . avy tamin'ny ramatoa kely iray izay nipetraka tao amin'ny—tanàna kely, mahantra nantsoina hoe Nazareta. Ary maty vady iray tsotra fotsiny; maty ny vadiny. Nanana zanaka vitsivitsy izy; Josefa. Ary—ary voafofo izy. Ary tamin'izay fotoana izay dia tonga niaraka tamin'ny anarandratsy iray Izy, eo am-panombohana. Nilaza izy ireo fa teraka zazasary Izy. Oh, oadray!

273 Namely mafy loatra ny mamiratr'izy ireo izany. Hitanareo? Tsy afaka mitelina an'izany ireo etikam-pampianaran'izy ireo. Tsy nahafantatra na inona na inona mikasika an'izany ny fandikan'izy ireo ny Soratra, kanefa dia izany no HOY NY TOMPO HOE. Oh, oadray!

274 Mampangovitra ahy, ny mieritreritra an'izany, ka mahita an'ilay zavatra iray ihany miseho indray. Tsy afaka miova Andriamanitra.

275 Efa amin'ny roa ambin'ny folo izao, saingy izaho . . . Sitrakareo fotsiny ve, sa, hijanona ve aho, sa hanohy fotsiny? [Hoy ny fiangonana hoe, "Tsia."—Mpand.] Izany dia . . . Misaotra anareo. Mipetraha tsara vetivety fotsiny, hitanareo. ["Manohiza avy hatrany."] Ankehitriny, ity dia, manao zavatra iray ho fototra aho eto ho an'ny Hafatra iray ho avy, hitanareo. Ary hiezaka aho hamela anareo hivoaka haingana mihitsy, angamba afaka folo na dimy ambin'ny folo minitra, raha vitako. Andriamanitra hitahy anareo.

276 Mariho, ankehitriny, tena tsotra ilay izy, ka izany—izany—diso an'ilay marika fotsiny izany, ho azy ireo. Saingy nahavoa ny marik'Andriamanitra ilay izy. Hitanareo, nahavoa ny Teny ilay izy. Tonga marina tokoa araka ny Nolazainy Izy. Saingy, izy ireo, ny fandikany an'izany no diso. Ny fandikana ny amin'ilay mpanafaka tamin'ny andron'i Mosesy no diso. Ny fandikana tamin'ny andron'i Noa no diso, hitanareo, saingy tonga araka Ny Teniny Andriamanitra.

277 Ary avy eo dia tonga Jesosy, ary Izy—ary nampianatra an'ireo zavatra izay nifanohitra Izy. "Raha Ianao no Mesia, dia ataovy *izao-sy-izao*," hitanareo. "Raha Ianao no izy, dia mialà

eo amin'ny hazo fijaliana ka asehoy anay izany ankehitriny." Hitanareo? Saingy tsy manao fampihomehezana ho an'ny olona Andriamanitra. Manao an'ireo zavatra izay mahafaly sy marina fotsiny Andriamanitra.

278 Nihevitra izy ireo fa ny Anankiray tahaka an'izany dia tsy maintsy ho tonga tokoa miaraka amin'ny fiarahabana lehibe an'ireo Anjely. Saingy tonga tao an-tranon'omby iray Izy. Ary, ho an'ireo etikan'izy ireo mamiratra, dia mahamenatra ho an'ny olombelona tsotra iray ny mieritreritra fa Andriamanitra Tsitoha, ilay Jehovah mahery lehibe, Izay tompon'ny tany sy namorona ny zavatra manontolo, dia tsy afaka nanamboatra toerana iray ho an'Ny Zanany Manokana mba hahaterahana, tsaratsara kokoa noho ny tranon'ombivavy teo ambonin'ny antontan-jezika iray. Ahoana no nahafahana teo . . . ? Hitanareo?

279 Inona izany? Andriamanitra ao anatin'ny fahatsorana. Izany no nanao Azy ho tena lehibe. Hitanareo, tsy afaka hanakely ny tenany tahaka an'izany ireo etikam-pampianarana; hitanareo, tsy afaka mahatanty an'izany izy. Fa tena lehibe Andriamanitra ka nitondra ny Tenany ambany ho eo amin'izany Izy, tsy nisy akanjo akory aza hampanaovina Ny Zanany Manokana. Eritrereto izany! Ary izao tontolo izao . . . Tsy nisy efitra tao amin'ilay tranom-bahiny. Ary nandeha nankao amin'ny tranon'ombivavy iray Izy, fialofana kely iray—kely iray, zo—zohy kely iray, mitovy, tany amin'ny sisin'ny havoana iray. Ary teo ambonin'ny fandriana mololo iray no tonga ilay Zanak'Andriamanitra. Oh, hafa betsaka amin'ilay fivoriana tany izany . . .

280 Ary ho reny ny Reniny. Efa hita ho reny izy, oh, volana maro talohan'ny nifamofoan'izy ireo mba hivady mihitsy aza, na, nivadian'izy ireo mihitsy aza. Hitanareo? Ho reny izy. Ary hitan'ny olona izany, ary fantatr'izy ireo fa tahaka an'izany ilay izy. Ary, Maria, tao am-pony manokana, fantany izay hiseho.

281 Ary tsy nahazo i Josefa. Fa tonga teo aminy tamin'ny alina ilay Anjelin'ny Tompo, nanao hoe, "Josefa, zanak'i Davida ianao. Aza matahotra ny haka ho anao an'i Maria ho vadinao, fa tsy misy na inona na inona ratsy io, fa avy amin'ny Fanahy Masina io." Nilamina hatreo izany. Ilay lehilahy, Josefa, niaraka tamin'ny fifandraisana tamin'Andriamanitra tahaka an'izany, hany ka afaka niresaka taminy Andriamanitra.

282 Fa amin'izao andro izao dia manery an'ireo palitaon'ny mpitondra fivavahantsika mafy isika hany ka tsy misy na inona na inona afaka miresaka amintsika, afa-tsy ilay vondron'ny mpitondra fivavahana izay ikambanantsika. Tsy te-ho lasa sarotiny na hasiaka aho, noho izany dia havelako hipetraka tsara eo mihitsy izany. Mariho. Fa azonareo izay tiako lazaina. Mariho.

283 Mahamenatra ny tranon'omby iray, ho azy ireo, ilay mamiratra. Tsy manana filazana akory aza isika hoe mba taiza no Nanatrehany sekoly iray andro; kanefa, teo amin'ny faharoa ambin'ny folo taona, dia Zazalahy tsotra iray no nampisavoritaka an'ireo mpisorona tao an-tempoly, nohon'ny Fampianarany. Oh, oadray! Inona izany? Andriamanitra manafina ny Tenany ao anatin'ny fanetretena. Mahatsapa ho tena mpivavaka aho izao ankehitriny izao. Andriamanitra manafina ny Tenany ao anatin'ny tranom-biby iray. Andriamanitra manafina ny Tenany ao anatin'ny Ankizy kely iray. Hitanareo? Diniho, hiseho izany, afaka kelikely, na izany aza, hitanareo.

284 Izy dia tsy maintsy nan-. . . Izy . . . rehefa nandeha teny andàlambe Izy. Ireo raiamandreny, tsy isalasalana, dia ho niresaka ka nanao hoe, "Aza milalao miaraka amin'io ankizy io. Aza manao na inona na inona aminy. Tsy misy afa-tsy mpivarotena tsotra iray fotsiny ny Reniny, hitanareo. Ary, ilay ray sy reny, teraka ilay zazakely . . . Talohan'ny nivadian'izy ireo tokoa, dia efa ho reny izy. Aza manao na inona na inona amin'izany."

285 Izay noeritreretin'i Maria! Saingy, ny rehetra, tsy mampaninona izay noeritreretin'ny tany ivelany, fa nisaintsaina an'ireo zavatra ireo izy. Nafenin'izy ireo tao am-pony izany. Nahafantatra izy ireo. Tsy afaka nilaza na inona na inona ratsy nanohitra an'izany izy ireo.

286 Andriamanitra dia miresaka amin'ny Olony, indraindray, manao hoe, "Hazòny ny filaminanao. Aza milaza na inona na inona mikasika an'izany."

287 Efa nanana olona aho tao amin'ny fivoriako nanao hoe, "Eny, raha mpanompon'i Kristy ianao, dia fantatrao fa *ity* no hiseho any."

288 Azo antoka, fantatro fa hiseho izany. Saingy amin'izay fotoana izay dia inona no hataonareo rehefa milaza Izy hoe, "Hazòny ny filaminanao. Aza milaza na inona na inona mikasika an'izany"?

289 Nitondra lehilahy sasantsasany aho indray andro, ary naneho tamin'izy ireo, teo amin'ny boky iray. "Zavatra iray voateny, taona maro lasa izay," hoy aho.

Hoy izy, "Eny, tsy mety azoko izany."

290 Hoy aho hoe, "Hitanao ve eo?" Teo ilay izy, teto ambadika teto, nasiako daty sy ny sisa izany, rehefa nitranga tany izany. Olona maro no nahita azy teo amin'ilay boky tany. Hoy aho hoe, "Izao no hiseho fa ity dia hanao tahaka an'*ity* ary tahaka an'*itsy*."

291 Hoy izy ireo, "Eny, nahoana ianao no tsy nilaza zavatra mikasika an'izany?" Izany dia hi-. . . Tsy maintsy ho tahaka an'izany ilay izy. Hitanareo?

292 Ary nahafantatra hafa i Josefa. Fantany hoe an'Iza io Zazakely io. Maria dia nahafantatra hoe an'Iza Izany. Jesosy dia nahafantatra hoe Iza No Rainy. Inona no Nolazainy? "Tsy maintsy manao ny asan'Ny Raiko Aho." Tsy hoe manatsofa hazo sy—sy manamboatra varavarana iray; fa manao ny asan'Ny Rainy. Amena. Nilaza an'izany tamin'ny Reniny hoe, "Tsy mety azonao ve fa, Izaho, izao no fotoana ho Ahy hanaovana ny asan'Ny Raiko?"

293 Ankehitriny, nieritreritra izy ireo hoe, "Ity Zaza kely adala ity. . . " Ny ankizy zazasary rehetra dia zavatra mahatsikaiky kely iray, hafahafa, na ahoana na ahoana. Ary eo ianareo izao, hitanareo, saingy, Andriamanitra manafina ny Tenany. Henoy. Andriamanitra manafina ny Tenany ao amin'izay heverina, avy amin'izao tontolo izao, hoe, "Loto, fahalòvana, zazasary."

294 Jereo, Andriamanitra dia manafina ny Tenany ao amin'ny fahalòvan'ny voa maty iray, mba hamokatra fiainana. Hitanareo? Azonareo ve izany?

295 Andriamanitra dia manafina ny Tenany ao anatin'ny vehivavy mpanasa lamba tsotra, kely iray. Na lehilahy tsotra iray miaraka amin'ny sakafo harivany eo ambanin'ny sandriny, manoroka ny vadiny sy ny zanany hoe veloma, ary mivoaka eo, ary angamba manafina ny Tenany ao amin'io lehilahy io mba hanao zavatra iray izay tsy misy na inona na inona ho fantratr'ilay arseveka ny mikasika an'izany. Hitanareo? Tsy mandre Azy mitsoka anjombona mihitsy ianareo ka mamoaka an'izany. Izy, Andriamanitra, dia mahazo voninahitra fotsiny, dia izay ihany. Ny tsotra no mandre an'izany ary faly, hitanareo.

296 Ankehitriny, Andriamanitra dia nanafina ny Tenany tao anatin'ny fahatsoran'ny Zazakely iray, nanafina ny Tenany tao anatin'ny fahatsoran'ny—ny fianakaviana tsotra iray. Andriamanitra! Ary ireo mpitondra fivavahana, sy ireo lehilahy malaza, ilay ati-doha, ilay tapi-pahaizana, ary—ary izy rehetra ireo, sy ireo Heroda, sy ny sisa, an'izany andro izany, ary ireo Neros, sy izy rehetra dia tsy nahita an'izany. Andriamanitra miafina ao anatin'ny fahatsorana.

297 Ankehitriny, haingana mihitsy. Jaona Mpanao-batisa, ao amin'ny Isaia 40. Afaka maka an'izany isika raha tianareo. Malakia 3. Ny rehetra, hia, raiso naoty izany raha tianareo. Isaia 40, ny rehetra, fantatrareo, miresaka fiadanana ho an'ny. . . araka ny maha-izy azy. Izaho angamba. . . Mety ho tsara raha izaho—izaho—ho vakiako mihitsy izany eto, raha manana ianareo—manana an'izany fotoana betsaka izany ianareo. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ndao hataontsika izany, mandritry ny iray minitra fotsiny. Hamadika ao amin'ny Bokin'ny Isaia eto isika, ny toko faha-40, ary—ary hamaky eto ankehitriny ka hahita fotsiny an'izay lazainy mikasika an'ity. Jereo eto, "Ampionòny, ampionòny ny oloko." Ankehitriny,

tsarovy, ity dia roa ambin'ny folo sy fitonjato taona. Jereo ilay fiandohany eo, hitanareo. Roa ambin'ny folo sy fitonjato taona talohan'ny nahaterahany, dia indro ny mpaminany iray miresaka ny aminy.

> *Ampionòny, ampionòny ny oloko, hoy* ny TOMPO.
>
> *Mitoria* teny soa mahafaly *amin'i Jerosalema, ary miantsoantsoa aminy, fa vita ny adiny, sady voavela ny helony: fa izy* efa *nandray . . . indroa heny tamin'ny tànan'ny TOMPO nohon'*ny *fahotany rehetra.*
>
> *Ny feon'ny . . .* miantso *any an-efitra hoe, Amboary ny làlan'ny TOMPO, ataovy mahitsy* ny làlany *any an-tany efitra, làlambe iray ho an'Andriamanitsika.*
>
> Ary *hasandratra ny lohasaha rehetra, ary haetry ny tendrombohitra sy havoana rehetra: ary ny mikitaontaona ho tonga mahitsy, ary ny saro-dàlana . . .* ho tonga *lemaka:*

298 Oh, oadray, oadray! Tsy maintsy ho lehilahy iray toy ny inona izany! Hitanareo? Ankehitriny dia mamadiha ao amin'ny Malakia, miaraka amiko, ny Boky faran'ny... ilay farany amin'ny mpaminany ao amin'ny Testamenta Taloha. Ankehitriny, ao amin'ny Malakia, henoy eto. Malakia no mandray azy, eo amin'ny andro farany mihitsy, mba hanananareo antoka fa tsy hanadino an'izany. Malakia, ny toko faha-3.

> *Indro,* Izaho *haniraka ny irako, ary izy no hanamboatra ny làlana eo alohako: ary ny Tompo, izay tadiavinareo, dia ho avy tampoka ho eo an-tempoliny, na dia ilay iraky ny fanekena aza,* izay *iria*nareo*: indro, ho avy izy, hoy ny TOMPON'ny maro.*

299 Mbola miresaka ny amin'i Jaona foana, "Maniraka ny Irako eo Alohako, mba hanamboatra ny làlana." Niresaka ny amin'izany Jesosy, ao amin'ny Matio 11:10, nanao hoe:

> Raha afaka mandray an'izany ianareo, dia izy no voalaza hoe, *Indro, Izaho maniraka ny irako eo alohan'*ny *tavako, . . .*

300 Hitanareo? Marina izany. Ankehitriny, ahoana no nitenenan'io rehetra io! Nefa, efa nandritry ny fitonjato taona, hoe hisy mpialoha làlana iray ho tonga mialohan'ny Mesia. Saingy rehefa tonga teo amin'ny sehatra izy, tamin'ny fahatsorana tahaka an'izany, dia diso azy izy ireo. Diso azy izy ireo.

301 Ankehitriny, tsarovy, zanakalahin'ny mpisorona iray izy. Eny, jereo hoe mahamenatra toy ny ahoana ho azy ny tsy nanaraka ny asan'ny rainy, nandeha niverina nankany amin'ny seminera. Saingy zava-dehibe loatra ny asany. Tamin'ny fahasivy taonany, no nandehanany nankany an-efitra. Ary

nivoaka izy, nitory teny. Diso an'izany izy ireo. Tena tsotra izy, tsotra loatra, ho an'ny fianaran'izy ireo mamiratra mba hino anankiray tahaka an'izany. Nieritreritra izy ireo, rehefa tonga ity lehilahy ity . . .

302 Ahoana ny amin'ny hoe, "Ny toerana avo rehetra dia haetry, ary ireo toerana mietry rehetra dia hasandratra, ny saro-dàlana rehetra ho tonga lemaka"? Nahita an'izany i Davida, ka nanao hoe, "Ireo—ireo tendrombohitra dia nitsambikimbikina tahaka ny ondrilahy kely, ary ireo ravin-kazo nitehaka ny tànany." [Mitehaka ny tànany miaraka imbetsaka Rahalahy Branham—Mpand.]

303 Inona? Nitranga ve izany? Zalahy antitra feno volombava tahaka an'io, tsy nanana fianarana mihitsy, niaraka tamin'ny tapaka hoditr'ondry nandrakotra azy manodidina, no tonga nivembena avy tany an-efitr'i Jodia, nanao hoe, "Mibebaha, fa antomotra ny Fanjakan'ny Lanitra. Ary ianareo andiana bibilava, aza mihevitra ny hilaza hoe, 'Mikambana amin'ny rafi-pandaminana iray izahay.' Andriamanitra dia mahay manangana zanaka ho an'i Abrahama avy amin'ireto vato ireto." Oadray!

"Eny, tsy izy io eo io. Fantatray fa tsy izy io."

304 Fa izy izany! Hitanareo, izy no nanao ny làlana hadio. Hitanareo? Teo no nahatonga ny toerana saro-dàlana ho lemaka. Teo no nisy an'ireo toerana avo natao ambany. "Aza mihevitra fa manana an'i Abrahama ho rainareo ianareo. Aza manomboka miteny amiko an'izany karazan-javatra izany, satria Andriamanitra dia mahay manangana zanaka ho an'i Abrahama avy amin'ireto vato ireto." Natao ambany ireo toerana avo. Oh, oadray! Izay ilay izy. Eny. Hitanareo ve ilay fahasamihafana? Izy no nilaza fa izany no hiseho.

305 Ary rehefa tonga izy ireo, dia nieritreritra, oh, oadray, fa efa vonona mihitsy ny handray azy izy ireo, raha tonga ao amin'ny rafi-pandaminan'izy ireo manokana izy. Saingy satria . . . Tonga tahaka an'izany izy, tao amin'ny fomba tsotra tahaka an'izany. Kanefa, tamin'ny fandikana ny Soratra, dia tonga ambany ireo toerana avo. Tsy te-hanaiky an'izany izy ireo, saingy izany izy ireo.

306 Ry tovolahy, naratany tanteraka izy ireo. Nongotany niala tamin'izy ireo ilay hoditra. Hoy izy, "Ianareo andiana vipera! Ianareo bibilava anaty bozaka! Teneniko aminareo, mipetraka eo amin'ny fototry ny hazo ny famaky. Ka ny hazo rehetra izay tsy mamoa voa, dia tapahina ary atsipy any anaty afo. Hanao batisa anareo tokoa amin'ny rano aho, saingy misy Anankiray ho avy aoriako, Izay mahery kokoa noho izaho; Izy no hanao batisa anareo amin'ny Fanahy Masina sy ny Afo. Ary eny an-Tànany ny Fikororohany. Hanadio tsara ny gorodona Izy. Ary

Izy han- . . . handoro ny mololo; ary hitondra ny vary ho any antsompitra." Amena.

307 Tamin'izay no naha-lemaka an'ireo toerana saro-dàlana, hitanareo, saingy tsy azon'ny olona izany. Fa araka ny Teny marina tokoa ilay izy, araka ny nilazan'ny Teny azy marina tokoa. Tena tsotra, ka diso an'izany izy ireo. Diso tamin'ny fahitana an'izany izy ireo.

308 Aoka tsy ho jamba tahaka an'izany. Hitanareo? Aoka tsy ho jamba tahaka an'izany. Noho izany, henoy, ankehitriny.

309 Diso an'izany izy ireo. Tena tsotra izy, ho an'ny finoan'izy ireo mahazatra eo amin'ny olona iray tahaka an'izany, ka diso an'izany izy. Eo indray koa, inona izany? Andriamanitra, izay ny Teny, miafina ao anatin'ny fahatsorana; tsy mpisorona iray miaraka amin'ny vozon'akanjony mivadika, izay nanan-tsaina, fianarana.

310 Nanontany azy ireo an'ilay zavatra iray ihany Jesosy. Hoy Izy hoe, "Hijery inona no nivoahanareo?" Rehefa nanatona ireo mpianatr'i Jaona. Hoy Izy, "Hijery inona no nandehananareo? Nandeha mba hijery lehilahy iray niakanjo akanjom-pisorona ve ianareo, fantatrareo, sy fitafiana sarobidy," Hoy Izy, "io—io—io—io karazana mpitory teny io?" Hoy Izy hoe, "Nandeha hijery an'izany ve ianareo?"

311 Hoy Izy, "Tsia. Ireo karazany ireo dia manoroka zazakely, ary, fantatrareo, ary mandevina ny maty. Izy ireo, tsy mahafantatra na inona na inona mikasika ny sabatra misy tànany roa eo amin'ny lohan'ady izy ireo. Teo izy ireo niaraka tamin'ny fitenin'ny mahay iray, ho an'ny Kiwanis Club na zavatra iray, fantatrareo. Mety tsara izy ireo eo. Fa rehefa tonga eo amin'ny hoe ady, ny hanatrika an'izany, dia tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'izany izy ireo. Izy ireo—izy ireo, ao amin'ny lapan'ny mpanjaka izy ireo. Miadaladala amin'izany karazana laza izany izy ireo."

312 Fa hoy Izy, "Noho izany dia nandeha mba hijery inona ianareo? Nandeha mba hijery zozoro iray ahozongozon'ny rivotra ve ianareo? Ny lehilahy iray izay afaka hilaza . . . Hoy ny olona iray hoe, 'Fantatrao, ianao dia mikambana amin'ny—ianao dia mikambana amin'ny an'ny Tokana; saingy raha ho tonga eto amin'ny Assemblées ianao, dia holazaiko anao izay hataoko, isika dia—isika dia hanao an'izany . . .' 'Mino aho fa izaho no hanao an'izany.' Hah! Zozoro iray, mihozongozona ve? Tsy i Jaona. Tsia, tsia. Tsia, tsia. 'Raha ho avy ianao, ho Sadoseo iray fa tsy ho Fariseo iray, na zavatra iray, amin'izay fotoana izay'? Tsy nahita olona iray voahozongozon'ny rivotra ianareo; tsy i Jaona." Tsia, tompoko, rahalahy; tsy izy.

313 Hoy Izy hoe, "Koa nandeha mba hijery inona ianareo? Mpaminany iray?" Hila mpaminany iray hanao an'izany, hitanareo. Hoy Izy . . . Ankehitriny, izany no porofon'ny

mpaminany iray, hitanareo, ny Tenin'Andriamanitra no miaraka aminy. Ny Teny dia tonga amin'ny mpaminany. Hitanareo? Hoy Izy, "Nandeha hijery inona ianareo? Mpaminany iray?" Hoy Izy, "Eny, marina izany. Saingy, Lazaiko aminareo, mihoatra noho ny mpaminany iray mihitsy aza, satria izany izy."

314 Nahoana izy no nihoatra noho ny mpaminany iray? Izy no iraky ny Fanekena, azo antoka fa izany izy, mba hanao tetezana eo amin'ilay làlana manelanelana ny lalàna sy ny fahasoavana. Izy no fanalahidin'ny vavahady, eo, izay noresahany.

315 Hoy Izy hoe, "Raha afaka mandray an'izany ianareo, dia io ilay noresahan'ny mpaminany hoe, 'Indro,' ao amin'ny Malakia 3, 'Izaho haniraka ny Irako eo alohan'ny Tavako, hitanareo, ary izy no hanamboatra ny làlana eo Alohako.'" Hitanareo? Oh, tena tsotra izy. Andriamanitra miafina indray ao anatin'ny fahatsorana.

316 Noho izany dia diniho izay nataony. Nitory ny fihavian'i Kristy tena mahery izy hoe, "Manana ny Fikororohany eny an-Tànany Izy. Izy no. . .Mikororoka ny Làlany Izy. Ry tovolahy, ny tiako lazaina, dia hanadio tsara mihitsy ny Gorodony Izy. Hanala ny fako Izy, ary hamafa an'izany hivoaka any ka handoro an'izany, ihany koa. Marina izany. Hanangona ny voam-bary Izy ary hitondra an'izany hankany an-tsompitra." Hitanareo, voatsindrimandry izy.

317 Fa rehefa tonga Jesosy, izy ireo dia niandry. . .Ary ireo apostoly rehetra, fantatrareo, niandry zavatra malaza ho avy izy ireo. "Oadray, oadray! Oh, ho avy Izy. Izany ihany ny amin'io. Ry tovolahy, ho mahery Izy. Handroaka an'ireo Romana ireo hiala amin'ny tavan'ny tany Izy. Oadray! Hanao an'ireo Grika ireo handeha amin'*ity* làlana ity Izy, ary ireo Romana handeha amin'*itsy*, rehefa tonga Izy."

318 Rehefa tonga Izy, lehilahy manetry tena kely voatosika avy amin'ny ilany iray mankany amin'ilay hafa. Inona izany? Andriamanitra manafina ny Tenany ao anatin'ny fahatsorana. Oh, oadray!

319 Avy eo dia nitsangana Izy teo amin'ny faran'Ny Hafany, ka nanao hoe, "Iza no afaka manameloka Ahy amin'ny fahotana? Izay rehetra nolazain'ny Baiboly fa Hataoko. . .Raha tsy manao an'ireo asan'Ny Raiko Aho, amin'izay fotoana izay dia melohy Aho. Fa inona no nolazain'ny Soratra fa Hataoko, ka tsy Nataoko?" Ny fahotana dia ny tsi-finoana, fantatrareo. "Iza no afaka miampanga Ahy? Raha nandroaka devoly tamin'ny rantsan-tànan'Andriamanitra Aho, amin'izay fotoana izay dia asehoy Ahy izay ataonareo mikasika an'izany." Fahatsorana!

320 Nanolotra ny Tenany ho amin'ny fahafatesana mihitsy aza! Saingy, oh, tamin'ny marainan'ny Paska, haleloia, teo no Nanadiovany ny gorodona. Nofafany ny fako, tsara mihitsy, rahalahy. Eny, tokoa. Ary voaisy tombokase ho an'ny sompitra

ny vary. Nandry tao anatin'ny tany tao, niaraka tamin'ny Fiainana Mandrakizay nitoetra tao anatiny, niandry an'io Andro malaza izay ho resahantsika io, ny Fihavian'ny Tompo, rehefa ho tonga amin'ny Fiainana io aina io; ka hitsangana ao amin'io fitsanganana io isika, hakarina miaraka Aminy eny amin'ny habakabaka, ary hangonina ao amin'ilay Sompitra. Ary ho dorana any ny fako; ilay akofa izay nandrakotra, ka niezaka nisintona Azy tamin'*ity* làlana ity na *itsy* làlana itsy, dia ho dorana amin'ny afo tsy mety maty. Amena. Oh, tsy mahafinaritra ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

321 Diso Azy izy ireo, Andriamanitra ao anatin'ny fahatsorana. Nahoana? Nahoana? Tsy nitory teny tamin'ny fitenin'ny mpitondra fivavahana mihitsy akory aza izy. Tsy nitory mihitsy izy. Tsy nitory teny tahaka ny mpitory teny iray mihitsy izy. Hitanareo? Izy dia nitory teny tahaka ny . . . Nampiasa an'ireo fitenin'ny fahatsoran'Andriamanitra izy, ireo fiteny toy ny hoe "mipetraka ny famaky," ireo fiteny hoe "ny hazo," ireo fiteny hoe "bibilava." Tsy mpampianatry ny seminera iray, tahaka ny ao amin'ireo mpitondra fivavahana an'ilay andro, tahaka ny Dokotera momba an'Andriamanitra iray, Dokotera *Ranona-sy-ranona*. Tsy nanao an'izany izy. Nitory teny tahaka ny olon'ny ala iray tany ho any izy. Niresaka mikasika ny famaky izy, sy ireo hazo, sy ireo menarana, ary ireo zavatra tahaka an'izany, sy vary, sy ireo sompitra, ary ny zavatra rehetra tahaka an'izany. Izy dia ho heverina, amin'izao andro izao, ataoko hoe, mpitory teny boatin-tsavony iray. Heveriko fa Izy dia nantsoina hoe "mpitory teny am-bodihazo" tamin'izany andro izany, nitsangana teo ambonin'ny vodihazo iray tany teo akaikin'i Jordana. Angam- . . . Andriamanitra ao anatin'ny fahatsorana, miafina amin'ny fahendren'izao tontolo izao.

322 Ankehitriny dia ndao jerentsika. Hoy Jesosy hoe, "Misaotra Anao Aho, Ray, fa Ianao no nanafina an'ireo zavatra ireo tamin'ny hendrin'izao tontolo izao, ka hanambara azy ireo amin'ny zazakely izay te-hianatra." Hitanareo? Andriamanitra niafina tao anatin'ny fahatsorana, tao amin'i Kristy. Andriamanitra niafina tao anatin'ny fahatsorana, tao amin'i Jaona. Hitanareo? Izao fotsiny . . . Hitanareo, Izy—Izy dia . . . Eritrereto fotsiny izany, Andriamanitra ao anatin'ny fahatsorana, manafina ny Tenany amin'ny fahendren'izao tontolo izao.

323 Ankehitriny dia hamarana isika, afaka iray minitra fotsiny, na roa, satria tsy te-hitazona anareo ela intsony aho.

324 Jereo, ndao isika hijanona iray minitra fotsiny, zavatra iray manokana. Eritrereto ny andro iray izay iainantsika, mba hamarana an'ity ankehitriny. Eritrereto ny andro izay iainantsika, rehefa nidina tao amin'ny toerana tranainy kely manetry tena izay nonenantsika Andriamanitra, nanasitrana ny marary. Nefa ny manan-karena, sy ny mpirehareha, ary

ny nianatra be, "Efa lasa ireo andron'ny fahagagana. Tsy misy izany karazan-javatra toy ny hoe fanasitranana avy amin'Andriamanitra izany."

325 Tsaroanareo ve ilay Hafatra izay notoriako nanerana an'ity ampahan-tany eto ity mihitsy, ny maraina izay nialako, mikasika an'i Davida sy Goliata?

326 Hoy izy ireo, "Ahoana no hihaonanao amin'ny tontolo iray nianatra any, Rahalahy Branham, miaraka amin'Ity rehetra ity?"

327 Hoy aho hoe, "Tsy misy azoko atao amin'ny hoe ahoana no hihaonako amin'izany. Andriamanitra no nilaza hoe, 'Mandehana.'" Hitanareo? Izay ihany, hitanareo. Izany No Teniny. Izy no nampanantena an'Izany. Eto ilay ora.

328 Rehefa io Anjely io, izay hitanareo ao anatin'io sary etsy io, no nidina teo amin'ilay renirano tany tamin'io andro io, telopolo taona lasa izay amin'io Jona ho avy io, na telo amby telopolo taona lasa izay, raha ny marina, amin'io Jona ho avy io; ka nanao hoe, "Tahaka ny nanirahana an'i Jaona Mpanao-batisa," teo anatrehan'ny olona dimy arivo na mihoatra, "dia tonga ny ora izay hitetezan'ny Hafatrao an'izao tontolo izao."

329 Tsaroanareo ilay fanakianana, raha nisy iray taminareo tany. Heveriko, Roy Slaughter, na ny sasany amin'ireo mipetraka eto, dia mety hahatsiaro an'ilay andro; na ny sasany, Rtoa. Spencer, na—na iza no ho sasany amin'ireo olona fahiny eto izay mety—mety hahafantatra, hitanareo; George Wright, na ny sasany amin'izy ireo, hitanareo, dia mahafantatra an'izany, ahoana ilay izy. Fa tsy nanao an'izany ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Nataony izany.

330 Ary avy eo teo afovoany, rehefa nandà izy ireo, ka nanao hoe, "Fanasitranana ara-tsaina iray fotsiny izany." Dia niverina avy hatrany Andriamanitra ka nandefa opossum antitra, moana iray tany, ka sitrana nohon'ny Herin'Andriamanitra.

331 Lyle Wood sy Banks, rehefa nipetraka tany izahay, ka nahafantatra ny Fahamarinan'Andriamanitra voamarina. Fa, trondron-dranomamy kely, antitra maty, trondro, no nandry teo ambonin'ny rano. Ary niteny ny Fanahy Masina, ny andro talohan'io, fa haneho amin'izy ireo Ny Voninahiny Izy ka hanao zavatra mikasika an'izany. Ary tany tamin'io maraina io, nitsangana tany, ka nidina tao anatin'io lakana io ny Fanahy Masina, dia nitsangana aho ka niteny tamin'io trondro io. Ary nandry teo ambonin'ny rano izy, maty, nandritry ny antsasak'adiny; nivoaka avy tao amin'ny vavany ny vombony sy ny tsinainy. Niverina tamin'ny fiainana izy, ary nilomano tsara tahaka ny trondro hafa rehetra. Inona izany? Andriamanitra manafina ny Tenany ao anatin'ny fahatsorana.

332 Andriamanitra dia mahay manangana zanaka ho an'i Abrahama avy amin'ireto vato ireto. Andriamanitra dia mahay

manasitrana opossum iray, na trondro iray, na inona na inona. Raha hitondra Ny Hafany Izy, ka tsy hino an'Izany ny olona, dia afaka manangana opossum iray hino an'Izany Andriamanitra. Haleloia! Afaka manangana trondro maty iray Andriamanitra. Afaka manangana opossum maty iray Izy. Afaka Izy. Afaka manao ny zavatra rehetra izay Tiany hatao Izy.

333 Fananarana iray toy ny inona ho an'ity taranaka ity! Rehefa tafintohina eo amin'Izany izy ireo, ka mifamaly mikasika an'Izany, ary, "Tsy nanao an'*ity* ianareo sy nanao an'*itsy*." Dia mandefa biby tsotra iray eo Andriamanitra. Hitanareo? Fananarana iray toy ny inona! Inona izany? Andriamanitra ao anatin'ny fahatsorana, hitanareo, maneho ny Tenany ho lehibe, oh, oadray, mananatra an'ireo olon'ity taranaka ity ireo, nohon'ny tsi-finoany.

334 Ankehitriny, mihevitra izy ireo ankehitriny tahaka ny niheveran'izy ireo foana, fa tsy maintsy vita amin'ny fanaony manokana ilay izy. "Ankehitriny, raha misy izany karazana fanasitranana avy amin'Andriamanitra izany. . . " Ohatra, lehilahy Katolika iray no niteny tamiko an'ity. Lehilahy iray, indray hariva, no niteny tamiko mikasika an'izany. Fantatrareo ny mikasika an'izany. Nilaza . . . Ity Ayers ity, izay nandehanako mba hijery mikasika ny zananilahy tany Houston tany, hoy izy hoe—hoy izy hoe, "Eny, ankehitriny, raha—raha fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra izany, dia tsy maintsy tonga tao amin'ny fiangonana Katolika." Hitanareo? Hitanareo? Hia, ireo Metodista dia nihevitra fa tsy maintsy tonga tao amin'ny fiangonany Izany. Ary ireo Pentekotista dia nihevitra fa tsy maintsy tonga tao amin'ny fiangonany Izany. Saingy tsy tonga tao amin'ny iray tamin'izy ireo Izany.

335 Tonga tao amin'ny Herin'ny fitsanganan'i Jesosy Kristy maneho ny Tenany Izany. Marina izany. Azo antoka, manao Izy. Hia. Diniho fotsiny Izany. Aza avela handalo anareo Izany. Hazòny Izany eo ambanin'ny—ny fonareo, ka tsarovy Izany. Saintsaino ao Izany.

336 Tsy maintsy tonga ao amin'ny fanaony manokana izany, ho an'ny, avy amin'ny anaram-piangonany manokana. "Fa raha tsy io no manao an'izany, dia tsy Izy izany, hitanareo. Fahalalana ara-tsaina fotsiny izany, na ny devoly. Izany dia—izany dia . . . Tsy Andriamanitra izany. Satria, raha Andriamanitra izany, dia tsy maintsy tonga Izy," amin'ny fombany manokana, hitanareo, "amin'ny fomba izay andikanay Azy."

337 Tahaka an'izany no tsy maintsy nahatongavan'i Jesosy teo amin'ireo Fariseo. Tsy maintsy ho tahaka an'izany ilay izy. Hitanareo? Raha ny . . . Raha Andriamanitra no—no handefa ny—Mesia iray, dia efa nanana an'izay voadika tanteraka izy ireo hoe ahoana mihitsy no tsy maintsy haha-izy Azy. Ary satria hafa no Nahatongavany, noho izany, "Tsy Mesia io.

Zavatra iray zazasary Izy. Belzeboba iray Izy." Saingy izany no Andriamanitra miafina ao anatin'ny fahatsorana.

338 Ilay mpialoha làlana dia tsy maintsy lehilahy iray nianatra ka ny. . . Eny, anankiray, tsy isalasalana. . . Isan'andro, isan-taona rehefa izy ireo, hia, no nanendry an'ireo mpitoriteniny ka nandefa azy ireo ho misionera, mba hanao proselyta sy hampiditra; ny tsirairay avy dia nieritreritra hoe, "Ho ity ilay mpialoha làlana izay ho avy." Saingy Andriamanitra namoaka azy avy tany an-efitra izay tsy nisy seminera mihitsy, hitanareo, sy ireo zavatra tahaka an'izany. Hitanareo? Andriamanitra manafina ny Tenany ao anatin'ny fanetre-tena sy ao anatin'ny fahatsorana.

339 Fa andraso ankehitriny. Eo am-pamaranana, hilaza an'ity isika. Fa ny mandà ny Hafatra tsotra an'Andriamanitra; ny—ny—ny mandà an'Izany, ny fomba tsotra an'Andriamanitra, dia ny ho levona Mandrakizay. Ankehitriny, izany hoe impiry. . . Miresaka isika hoe tsotra toy ny ahoana Izany, dia mieritreritra ny olona, eny, fa afaka mihomehy an'Izany izy ireo ary manitsaka an'Izany, ka manao an'Izany amin'ny fomba itiavan'izy ireo azy, saingy fisarahana Mandrakizay amin'Andriamanitra izany.

340 Ireo izay maty tamin'ny andron'i Noa, ka tsy nihaino ny hafany, dia levona izy ireo. Ary nandeha Jesosy ka nitory teny tamin'izy ireo tao anatin'ny rojon'ny aizina, tamin'ny Fahafatesany, talohan'ny Nitsanganany. Ary nandeha nankao amin'ny helo Izy, ka nitory teny tamin'ireo fanahy izay tao an-tranomaizina, izay tsy nibebaka tamin'ny fahari-po tamin'ny andron'i Noa; raha mbola hafatra tsotra iray avy tamin'Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny lehilahy tsotra iray, no voatory. Nandeha Izy. Hoy Izy hoe, "Noa dia nitory fa ho eto Aho, ary inty Aho." Marina izany. Hitanareo?

341 Ireo izay tsy nety nihaino ny hafatr'io mpaminany io, Mosesy tany an-efitra tany, izay noraisiny avy tamin'Andriamanitra, voamarin'ny Andry Afo iray tanteraka, ka notarihana tany an-efitra. Ary avy eo dia niezaka ny hitsangana sy nanao rafi-pandaminana iray tamin'ny alàlan'izany, dia levona izy ireo ary maty tany an-efitra, ny tsirairay avy tamin'izy ireo; afa-tsy lehilahy roa, Josoa sy Kaleba.

342 Ary tany, ireo—ireo Fariseo dia tena jamba ka tsy afaka nahita an'izany, noho izany dia nijery tany aoriana izy ireo ka nanao hoe, "Ny razanay nihinana mana, nihinana mana tany an-efitra."

343 Fa hoy Jesosy hoe, "Fa izy ireo dia, ny tsirairay avy, maty." Nahita ny Voninahitr'Andriamanitra izy ireo. Izy ireo dia nandeha tao amin'ny Hazavan'ny. . . Nandeha tao amin'ny Hazavana izy ireo. Nandeha tao amin'ny Hazavan'ny Andry Afo izy ireo. Nandeha tao amin'ny Fanatrehan'ny Heriny izy ireo. Nandeha nandalo an'ireo toerana izay namboarin'ny Fanahy

Masina handehanany izy ireo. Nihinana mana izay nilatsaka avy tany An-danitra izy ireo, izay nomanin'Andriamanitra. Nefa, very, ary lasa any amin'ny helo. "Izy ireo dia, ny tsirairay avy, *maty*." Raha raisinareo io teny io, izany dia "fisarahana Mandrakizay" amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra. "Izy ireo dia, ny tsirairay avy, maty." Hitanareo?

344 Ny tsirairay avy izay nandà an'i Jesosy dia levona. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Ny mandà an'io fahatsoran'Andriamanitra io! Izany dia tsy zavatra iray fotsiny . . . Hoy ianareo hoe, "Eny, nanao fahadisoana iray aho." Aza atao tahaka an'izany ilay izy. Tsy tahaka an'izany no andraisan'Andriamanitra azy. Levona ianareo, Mandrakizay. Tsaratsara kokoa amintsika ny mieritreritra mikasika ny zavatra iray. Ankehitriny, tsy maintsy voatondron'Andriamanitra tanteraka izany, hitanareo, ary avy eo, raha izany ilay izy, dia izany No Teniny. Hitanareo? Oh! Tahaka an'ireo izay nandà an'i Mosesy, nandà an'i Elia, nandà an'i Jaona, nandà an'i Jesosy, tamin'ny androny.

345 Indro, mamelà ahy hiteny zavatra iray bitika kely fotsiny aminareo. Ary, avy eo, dia antenaiko fa tsy mandratra anareo be loatra aho. Fa, jereo. Indray andro dia nantsoina ho any Houston aho, Texas, hiezaka mba hahazo famelàna iray. Tamin'ny fanangonana olona vitsivitsy hiaraka, mba hitory hafatra iray, ary nitondra ny olona tany mba hanao sonia famelàna iray an'ny—an'ity zazalahy tanora sy zazavavy tanora ity. Fantatrareo fa tafiditra tao anatin'io olana io izy ireo. Ataoko fa efa namaky mikasika an'izany tao amin'ny gazety ianareo. Ary vinantolahin'Atoa. Ayers izany.

346 Ary Atoa. Ayers no ilay anankiray izay naka ny sarin'ilay Anjelin'ny Tompo, izay hitanareo eo mihitsy. Katolika Romana iray; ary Jiosy ny vadiny. Ary nanambady an'io zazavavy Jiosy io izy. Tsy nifampiresaka fivavahana mihitsy izy ireo, sy ny sisa, tahaka an'izany. Ary Ted Kipperman, izay niaraka taminy ihany koa tao amin'ilay asa, dia nanana ny Douglas Studios.

347 Ary rehefa tonga tany izy, izay nisy an'Atoa. Best, Dr. Best, ilay fiangonana Batista, izay nihazona ny totohondriny teo ambanin'ny oron-dRahalahy Bosworth, ka nandona an'izany, ary nanao hoe, "Alaivo ny sariko ankehitriny, manao an'izao." Hoy izy, "Haka ny hoditr'ity lehilahy antitra ity aho ka hanantona azy ao amin'ny efitry ny biraoko, ho fahatsiarovana ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra."

348 Ary talohan'ny nandehanako nankany Houston, Texas, dia niteny tamiko ny Tompo Andriamanitra mba handeha any. Ary tany aho tamin'ny Anaran'ny Tompo. Ary fantatrareo rehetra ilay adi-hevitra sy ny sisa izay nipoitra. Efa namaky an'izany tao amin'ireo boky ianareo, sy ny sisa. Ary teo izany. Ary tamin'io hariva io . . . Niezaka ny nandeha am-panetre-tena fotsiny ihany aho.

349 "Nahoana," hoy izy ireo, "andiana badolahy izy ireo." Hoy Dr. Best hoe, "Tsy misy afa-tsy andiana badolahy izy ireo." Hoy izy, "Tsy misy izany olona mino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra izany, ny karazan-javatra tahaka an'izany. Andiana tara be iray io." Tsy fantatr'izy ireo fa izany no Andriamanitra tao anatin'ny fahatsorana. "Nahoana," hoy izy, "tsy manana fahaizana grameran-tsekoly iray akory aza ilay lehilahy."

350 Namiratra tamin'ireo diplaoman'ny mahay rehetra izay vitany izy, hany ka nihevitra izy fa afaka nanao an-dRahalahy Bosworth indray mandrapaka, amin'ny fomba rehetra. Fa rehefa tonga teo amin'ny Teny ilay izy, dia tsy iray ampahafolony akory aza izy. Hitanareo? Ary fantatr'i Rahalahy Bosworth hoe taiza no nitsanganany. Maro amin'ny olony, izay mipetraka eto mihitsy, no tany amin'ilay adi-hevitra. Ary teo izany.

351 Noho izany dia niteny ratsy anay fotsiny izy, nilaza fa andiana badolahy iray izahay. Hoy izy, "Ny olona misaina tsara dia tsy mino an'izany akory aza."

352 Hoy Rahalahy Bosworth hoe, "Vetivety fotsiny." Hoy izy hoe, "Firy ny olona ato amin'ity tanàna ity," teo amin'ny telo alina teo tamin'io hariva io, nipetraka teo anivonay tahaka an'izany, "Firy ny olona avy amin'ity tanàna eto ity, izay mandeha any amin'ireto fiangonana Batista goavana, tsara tarehy ireto, no afaka hanaporofo amin'ny alàlan'ny filazan'ny dokotera iray fa efa sitrana nohon'ny Herin'Andriamanitra izy ireo hatramin'ny naha-teto amin'ity tanàna ity an-dRahalahy Branham, mitsangàna." Ary telonjato no nitsangana. "Ahoana ny amin'io?" Teo izany. Niafina tao anatin'ny fahatsorana Andriamanitra. Avy eo dia hoy izy hoe, "Rahalahy . . . "

353 Hoy izy hoe, "Ampandrosoy ilay mpanasitrana avy amin'Andriamanitra. Avelao aho hahita azy hampiasa ny herin'ny maso amin'ny olona iray, avy eo dia avelao aho hijery azy ireo afaka taona iray manomboka androany." Ary Ted Kip- . . .

354 Ary teo Ayers, ilay tena anankiray mihitsy izay naka an'ilay sary, nanao hoe, "Tsy misy afa-tsy mpampiasa ny herin'ny maso iray fotsiny Atoa. Branham. Efa nahita vehivavy iray aho, tratry ny goatra teo amin'ny tendany, tahaka an'*izao*, ary," hoy izy, "nampiasainy ny herin'ny maso io vehivavy io. Ny ampitso dia niresaka taminy aho, ary tsy nanana goatra intsony izy." Hoy izy, "Nampiasa ny herin'ny maso taminy ilay lehilahy." Ary, oh, naneso ahy fotsiny izy. Nilaza fa tokony horoahina hiala amin'ny tanàna aho, ary izy no tokony ho anankiray izay hanao an'izany, hitanareo, sy ny rehetra tahaka an'izany. Andalana goavana no teo amin'ny pejy voalohan'ny *Houston Chronicle*.

355 Tsy nilaza teny iray mihitsy aho. Tany aho mba hanao ny asan'ny Raiko, ary izay ihany; nijanona tamin'izany Teny izany. Izy no naniraka ahy tany, ary Asany izany.

356 Tamin'io hariva io rehefa nandroso aho, dia hoy aho hoe, "Izaho—izaho—izaho—tsy mpanasitrana avy amin'Andriamanitra aho. Tsy izy aho. Raha misy olona milaza an'izany," hoy aho, "dia diso izy ireo." Ary hoy aho hoe, "Tsy te-hantsoina hoe mpanasitrana iray avy amin'Andriamanitra aho." Hoy aho hoe, "Raha mitory ny famonjena i Dr. Best eto, amin'izay fotoana izay dia tsy ho tiany ny hantsoina hoe Mpamonjy iray avy amin'Andriamanitra." Ary hoy aho hoe, "Noho izany, mitory ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra aho, tsy tiako ny hantsoina hoe mpanasitrana iray avy amin'Andriamanitra. Fa izy dia milaza fa tsy Mpamonjy iray avy amin'Andriamanitra izy; izany tokoa, tsy izany izy. Izaho koa tsy mpanasitrana iray avy amin'Andriamanitra. Fa, 'Tamin'ny Diankapony no nanasitranana antsika,' manondro eo amin'Izany aho." Hitanareo?

Ary noho izany, izy, "Fahadalana!" Fantatrareo, nandeha nihodinkodina.

357 Dia hoy aho hoe, "Fa raha ny Fanatrehana sy io fanomezana avy amin'Andriamanitra io, io Anjelin'ny Tompo io, raha Izany no isalasalana, dia azo porofoina Izany." Saiky tamin'io fotoana io, indro izy tonga, nidina nihodinkodina. Hoy aho, "Tsy ilaina ny miteny ankehitriny. Efa niteny ho ahy Izy." Dia nivoaka aho.

358 Ary nandeha tany Houston aho, io tanàna goavana io, iray amin'ireo tanàna tsara indrindra izay misy ato amin'ny firenena, na aiza na aiza. Rehefa nandeha tany aho, indray andro, dia henatra iray ny nijery an'io tanàna io. Naloto ireo làlana. Ireo toeram-pivarotan'ilay toerana, teo amin'ny Texas Avenue mihitsy; ary nankao amin'ny Rice Hotel aho, izay nipetrahan'ireo mpilalao sarimihetsika taloha, ary nidina nankao ambany rihana aho, ilay fisotroana kafe, ka nihintsana ny valin-drihana, ary teo amin'ny gorodona ny lalotra, ary fahalotoana sy loto. Ary fifanjevoana iray teo anivon'ireo mpitory teny toy ny tsy mbola nisy ahy mihitsy na hany reko teo amin'ny fiainako.

359 Nahoana? Ny mandà ny Hazavana dia mandeha ao amin'ny aizina. Ao ireo zanany no mipetraka ao amin'ny laharam-pahafatesana. Marina. Nidina Andriamanitra. Rehefa voaseho ny fahatsorana ka lavina, amin'izay fotoana izay dia maneho ny Tenany ao anatin'ny fahatsorana Andriamanitra.

360 Ary tany no nakan'izy ireo an'io sary izay nitety an'izao tontolo izao io. Na dia ireo siantifika aza dia nilaza fa Izany no Vatana ivelan'ny voajanahary tokana izay hany azo sary tao amin'ny tantara rehetra an'izao tontolo izao; ary mihantona any Washington, DC, ao amin'ny efitrano malalaky ny zava-kanto ara-pivavahana. Ao izany, ny fahatsorana voaseho, arak'izany.

Hitanareo? Hitanareo? Andriamanitra manafina ny Tenany ao anatin'ny fahatsorana, avy eo dia maneho ny Tenany. Hitanareo?

361 Ankehitriny, nanafina ny Tenany tao anatin'ny fahafatesan'i Kristy Izy, saingy naneho ny Tenany tao anatin'ny fitsanganana. Oh, oadray! Sy ny sisa, ianareo dia afaka, isika fotsiny . . . isika dia afaka . . . Tsy misy farany ny amin'izany; manohy milaza fotsiny. Fa eo ianareo izao, hitanareo.

362 Ny mandà ny hilaza fa misy ny hazavan'ny masoandro iray, dia ny mandeha mankany ambany rihana ka manakimpy ny masonareo amin'ny hazavana. Ary marina izany. Ary, tsarovy, ny fomba tokana ahafahanareo ho diso, dia ny mandà ny marina aloha. Hitanareo? Ary ny mandà ny hanokatra ny masonareo, dia hipetraka ao anatin'ny aizina ianareo. Hitanareo? Raha mandà ny hijery fotsiny ianareo, dia ahoana no hahitanareo? Hitanareo? Diniho ireo zavatra tsotra. Ilay izy dia ireo zavatra tsotra izay avelanareo tsy ho vita, fa tsy ireo zavatra goavana izay ezahanareo mba hatao—hatao. Oh, oadray!

363 Noho izany, jereo eto, mamelà ahy hiteny aminareo. Ao amin'ny Mal- . . . ao amin'ny Matio 11:10, hoy Izy hoe, "Raha afaka mandray an'izany ianareo, dia izy io." Hitanareo? "Io no ilay nirahina eo Alohako." Ny fahatsorana izany.

364 Nanontaniana Izy indray andro, nanao hoe, "Nahoana àry ireo mpanora-dalàna no milaza fa . . . "

365 Izy, hoy Izy hoe, "Hiakatra any Jerosalema ny Zanak'olona. Hatolotra eo an-tànan'ireo mpanota Aho, ary hamono ny Zanak'olona izy ireo. Ary ho faty Izy, fa amin'ny andro fahatelo dia hitsangana indray Izy." Hoy Izy, "Aza miteny amin'iza na iza ny fahitana, tany ambony tany."

366 Ary ireo mpianatra, eritrereto izany ankehitriny, ireo mpianatra izay efa nandeha niaraka tamin'i Jaona, niresaka taminy, nihinana niaraka taminy, tany an-efitra, nipetraka teo amin'ireo morona, avy eo dia hoy izy ireo hoe, "Nahoana no milaza ireo mpampianatra fa Elias dia tsy maintsy tonga aloha? Milaza Ianao fa hiakatra ho an'ny fanohombohana Ianao, ary hitsangana. Ianao no Mesia, handray ny seza fiandrianana. Ankehitriny dia ahoana no anaovan'ireo mpanora-dalàna . . . ? Ny Soratray rehetra dia milaza eto, milaza mazava ireo Soratra, fa, alohan'ny hahatongavan'i Kristy, dia ho tonga aloha i Elias." Hia. Hitanareo?

367 Hoy Izy hoe, "Efa tonga sahady izy, fa ianareo no tsy nahafantatra an'izany." Ankehitriny, iza io? Ireo mpianatra.

368 Handratra aho eto, kely fotsiny ankehitriny, saingy tsy fanahy iniako izany, hitanareo; mandritry ny minitra vitsy manaraka, hitanareo, iray minitra fotsiny, na roa, fa mba hahazoanareo antoka fa mahazo. Afaka mandre ahy ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

369 Jereo! "Nahoana?" Ireto lehilahy izay nandeha niaraka tamin'i Kristy ireto, "Nahoana no milaza ny Soratra, aloha, milaza fa tsy maintsy tonga i Elias?" Ary izy ireo dia ireo niova fo an'i Jaona manokana, nefa tsy nahafantatra azy akory aza. "Nahoana ny Soratra no nilaza, ireo mpampianatra?" Hitanareo ve izay tiako lazaina? Hitanareo? "Nahoana no milaza ny Soratra fa tsy maintsy tonga aloha i Elias?" Ireo mpianatra izay nandeha niaraka taminy, "Nahoana no milaza ny Soratra fa tsy maintsy tonga izy aloha, mialohan'ireo zavatra ireo, ka hamerina ny zavatra rehetra?" Nanao izy, ho an'ny olona teo amin'ny antsasaky ny roa ambin'ny folo teo, ary izany ihany no nisy tany. Hitanareo? Io ihany no natao handray an'izany. Io no voatendry hahita an'izany.

370 Hoy Jesosy hoe, "Efa tonga sahady izy, fa ianareo no tsy nahafantatra an'izany. Fa nanao marina an'izay nolazain'ny Soratra fa hataony izy. Namerina azy ireo izy, ianareo rehetra izay nandray Ahy sy nino Ahy. Nanao marina tokoa an'izay nolazain'ny Soratra fa hataony izy. Ary izy ireo nanao taminy an'izay nolazain'ny Soratra fa hataon'izy ireo. Efa tonga sahady izy, fa ianareo no tsy nahafantatra an'izany."

371 Vonona ve ianareo? Te-hanozongozona kely anareo aho. Ho tahaka an'izany ny Fampakarana. Ho tena tsotra izany, tsy hisalasalana fa hitovy amin'izany ilay izy, hany ka ho tonga ny Fampakarana indray andro any ka tsy hisy olona hahafantatra na inona na inona mikasika an'izany. Ankehitriny, aza, aza, aza mitsangana ankehitriny, fa ianaro iray minitra fotsiny. Tena azoko antoka fa hamarana aho. Ho tonga amin'izany fomba tsotra iray izany ny Fampakarana hany ka hilatsaka ny fitsarana, ary hahita ny Zanak'olona izy ireo, ka hoy izy ireo hoe, "Tsy natao hanana an'*izao-sy-izao* ve isika? Ary tsy natao ho hirahina ho antsika ve i Elias? Ary tsy natao hisy ve ny Fampakarana iray?"

372 Hilaza Jesosy hoe, "Efa nitranga izany, fa ianareo no tsy nahafantatra an'izany." Andriamanitra ao anatin'ny fahatsorana. Hitanareo?

373 Ankehitriny, amin'ity herinandro ity dia hiditra ao amin'ny fampianarana iray tena lalina isika eo amin'ny Teny. Ankehitriny, mariho, ny Fampakarana, dia ho tena vitsy no hiditra ao amin'io Ampakarina io! Izany dia tsy ho . . .

374 Ankehitriny dia hitanareo ve hoe ahoana no nahazoan'ireo mpampianatra an'izany? Manana tabilao izy ireo, ary mandeha, maneho fa olona folo tapitrisa no hiakatra eto; ny Metodista rehetra, raha mpitory teny Metodista iray ilay izy; raha Pentekotista iray ilay izy, dia ny Pentekotista rehetra no ho tonga. Tsy hahakasika an'ilay izy mihitsy izany.

375 Izany dia ho, angamba anankiray hiala an'i Jeffersonville, olona iray fotsiny no miakatra tsy hita. Hilaza izy ireo hoe, "Eny,

ianao tsy mihitsy. . . " Tsy hahafantatra ny sisa amin'izy ireo. Hisy anankiray hiala an'i Georgia. Hitanareo? Hisy anankiray hiala any Afrika. Ary ndao ataontsika hoe hisy olona dimanjato, velona, no handeha ao amin'ny fampakarana. Ankehitriny, izany tsy—tsy ilay vatan'ny fiangonana izany. Ny Ampakarina io. Tsy ilay fiangonana izany. Ny Ampakarina io. Hitanareo?

376 Ny—ny fiangonana dia ho tonga aman'arivony, saingy amin'ilay fitsanganana manaraka izany. "Tsy velona mandritry ny fotoan'ny arivo taona izy ireo." Hitanareo?

377 Fa, ao amin'ny Ampakarina, raha olona dimanjato no nandao ny tany amin'izao minitra izao mihitsy, dia tsy hahafantatra na inona na inona mikasika an'izany izao tontolo izao. Hoy Jesosy hoe, "Hisy anankiray eo am-pandriana; ary Halaiko ny anankiray, ny iray havela." Amin'ny andro alina izany. "Hisy anankiroa any an-tsaha," any amin'ilay ilany hafa an'ny tany, "Halaiko ny anankiray ary ny iray havela. Fa tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona."

378 Eritrereto! Ny zavatra rehetra dia hihetsika tsotra fotsiny arak'izay maha-izy azy. Handalo ny Hafatra fanatika iray, ary, ny zavatra voalohany fantatrareo, zavatra iray hoe, "Io mpitoriteny io, izay nandeha tany ho any, tsy niverina intsony izy. Lasa nankany anaty ala angamba izy, nihaza. Tsy niverina fotsiny intsony mihitsy izy. Ary *ity* lehilahy ity lasa any ho any. Fantatrareo ve izay nitranga? Mino aho, fa ilay zazavavy tanora, izy—tsy maintsy voasambotra tany ho any izy, fantatrareo, nisy olona iray naka an'io zazavavy io ka namiravira azy, angamba nanipy azy tao anatin'ny renirano. Tsy niaraka tamin'ny olona izy." Ny antsasak'izany. . . ny sivy amby sivifolo isan-jaton'ny tsirairay. . . Azo lazaina fa anankiray amin'ny zato tapitrisa rehetra no mba hahafantatra zavatra mikasika an'izany; hitanareo, raha tsy hoe olona iray izay nahafantatra azy tsara, no manao hoe, "Tsy hita ilay zazavavy. Nahoana, tsy mety azoko. Tsy lasa tahaka an'izany mihitsy izy." Tsia.

379 Ary rehefa hoy izy ireo hoe, "Ireo—hisokatra ireo fasana." Ahoana no hisokafan'ireo fasana? Fa, izaho—tsy manana fotoana hidirana amin'izany aho, izay tiako nidirana. Tsy maintsy handray an'io aho, hitanareo, mba haneho aminareo fotsiny ny fahatsoran'Andriamanitra. Ary io kalsioma io, potasy, sy ny zavatra rehetra, rehefa—rehefa. . . Ny zavatra rehetra izay ao anatinareo, ireo kojakoja, dia manao iray sotro fotsiny ihany. Marina izany. Ary ny ataon'izany, izany dia miverina ho fanahy sy aina indray. Miteny fotsiny Andriamanitra, dia tonga ny Fampakarana. Izany tsy hoe mandeha any, ka midina ireo Anjely ary mangady an'ireo fasana, ka mamoaka fatin'olona tranainy iray avy ao. Inona izany? Nateraka tamin'ny fahotana izany, eo am-panombohana. Fa, Anankiray vaovao, mitovy aminy, fantatrareo. Hitanareo? Raha manana an'*ity* isika, dia ho

faty. Hitanareo? Tsy misy olona . . . Hoy ianareo hoe, “Hisokatra ireo fasana. Hivoaka ny maty.” Mety ho marina izany, saingy tsy misokatra amin’ny fomba ilazanareo azy fa hisokafany. Hitanareo? Marina izany. Hitanareo? Tsy ho tahaka an’izany ilay izy.

380 Ho tsiambaratelo iray izany, satria Izy no nilaza fa Izy dia ho avy “tahaka ny mpangalatra iray amin’ny alina.” Efa Noteneniny tamintsika izany, ny Fampakarana.

381 Avy eo dia hilatsaka ny fitsarana; ny ota, ireo loza, ny aretina, sy ny zavatra rehetra. Ary hiantsoantso ny fahafatesana haka azy ireo ny olona, amin’ny fitsarana. “Tompo, nahoana no eto aminay izao fitsarana izao, nefa Ianao no nilaza fa hisy Fampakarana iray aloha?”

382 Hilaza Izy hoe, “Efa tonga izany, fa ianareo no tsy nahafantatra an’izany.” Hitanareo? Andriamanitra manafina ny Tenany ao anatin’ny fahatsorana. Oh, oadray! Eny àry. “Io rehetra io, efa nitranga izany, fa ianareo no tsy nahafantatra an’izany.”

383 Nahoana ireo mpino no tsy mino an’ireo famantarana tsotra an’Ny Fihaviany?

384 Manantena an’ireto zavatra rehetra izay notenenin’ny Soratra ireto izy ireo, ary—ary ny volana dia hilentika eo afovoan’ny . . . na ny masoandro, eo afovoan’ny andro, ary hisy an’ireo karazan-javatra rehetra. Oh, raha nanana fotsiny isika . . . Manana an’ireo naoty eo amin’izany aho voasoratra eto, hitanareo, mba haneho hoe inona ireo zavatra ireo. Ary ho hitantsika izany eo amin’ny fanokafana an’ireto Tombokase ireto amin’ity herinandro ity, na ahoana na ahoana, hitanareo. Hitanareo? Eo izany, eo amin’izay efa nandalovany mihitsy, nefa ianareo no tsy nahafantatra an’izany. Jereo raha izany no izy, raha hamaha an’ireo Tombokase ireo ho an’izany ilay Anjelin’ny Tompo. Tsarovy, izany dia voaisin’ireo Kotrokorana Fito mahagaga tombokase. Hitanareo?

385 Ankehitriny inona? Nahoana ny olona no tsy mety mino ny fahatsorana tsotra an’ny andian’olona iray manetry tena, hitanareo, sy ny—ny Feon’ny famantaran’Andriamanitra? Nahoana izy ireo no tsy mety mino an’izany? Tahaka ny efa naha-izy azy foana fotsiny, ny Tenin’Andriamanitra marina tonga voaseho. Izany dia, manan-tsaina loatra sy nampianarina loatra izy ireo mba hino ny endrika tsotran’ny Teny voasoratra. Mila mametraka ny fandikany manokana eo amin’Izany izy ireo. “Izany dia tsy midika an’*ity*. Izany dia tsy midika an’*itsy*.” Hitanareo? Izany dia midika an’Izany.

386 Henoy. Afaka milaza an’ity aho, haingana mihitsy, ankehitriny. Na dia ireo fahitana izay omen’Andriamanitra ao amin’ilay toerana aza, dia tena tsy azo izany. Izany no antony handrenesanareo ahy eo amin’ireo horonam-peo, manao hoe,

"Lazao izay lazain'ireo horonam-peo. Lazao izay lazain'ireo fahitana." Ankehitriny, raha tena mifoha ianareo, dia hahita zavatra. Hitanareo? Manantena aho fa tsy mila mihazona an'izany eto an-tànako ka haneho aminareo. Hitanareo? Hitanareo? Hitanareo? Hitanareo? Ianareo dia. . . Izany dia—eto izany. Eo amin'ny farany isika. Hitanareo? Eny, tompoko. Ireo manantsaina ara-pianarana dia diso an'izany. Ireo fahitana tsotra, rehefa voambara ao amin'ny tena fahatsorana izy ireo, hany ka manarona fotsiny eo an-tampon-dohan'ny olona izany. Hitanareo?

387 Satria efa nahita fahitana aho, niteny taminareo rehetra mikasika ny nandehanana tany nihaza, ary, fantatrareo, nanafintohina ny olona fotsiny izany. Ary tany no nandefasan'Andriamanitra an'izany ho an'ilay tanjona mihitsy, ary hiverina sy handika an'izany marina, maneho ny fahalasanan'ny reniko, sy ireo zavatra tahaka an'izany. Ary noho izany dia niverina aho ka niteny an'izany, nialoha. Ary nitranga marina tokoa araka ny Nilazany azy fa hitrangany izany. Hitanareo?

388 Ary, kanefa, Jaona dia tonga teo mihitsy ka niaiky. Hoy izy hoe, "Tsy izaho no Mesia, fa izaho no feon'ny anankiray miantsoantso any an-efitra."

389 Ary tamin'izay fotoana izay dia hoy ireo tena mpianatra hoe, "Nahoana no, no milaza ireo mpanora-dalàna fa ny Sora-. . . ny Soratra no mampianatra fa tsy maintsy tonga aloha i Elias?" Hitanareo? Mandeha ny fahatsoran'Andriamanitra, mamaka fotsiny eo an-tampon-dohan'ny olona mihitsy.

390 Mamelà ahy haka an'ity, ary avy eo dia hamarana. Hamarana aho, nohon'ny fanampian'Andriamanitra. Hitanareo? Jereo. Ankehitriny dia ndao vahantsika ity. Noho izany, izaho—miala tsiny aho ny manohy miteny aminareo rehetra fa handeha aho, nefa avy eo. . . Jereo. Miala tsiny aho mihazona anareo. Fa, ora vitsy fotsiny, dia hiverina isika.

Jereo, ndao alaintsika ny teten-dranomainty tsotra iray.

391 Ny zavatra rehetra dia ho an'ny tanjona iray. Miangona eto ianareo izao maraina izao ho an'ny tanjona iray. Mihinana any an-tranonao aho, Charlie; Nellie, nahandro ho ahy ianao, ho an'ny tanjona iray. Izaho. . . Ny zavatra rehetra dia ho an'ny tanjona iray. Ity fiangonana ity dia mitsangana ho an'ny tanjona iray. Tsy misy na inona na inona tsy misy tanjona iray sy antony iray.

392 Ndao alaintsika ny teten-dranomainty tsotra iray ankehitriny. Afaka mandre ahy ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ndao alaintsika ny teten-dranomainty tsotra iray ka hijery an'izany. Inona izany? Teten-dranomainty iray. Avy taiza izy? Eny àry. Ndao isika alaintsika ity teten-dranomainty ity ankehitriny, izany dia, ary ndao atao hoe

ranomainty mainty izy. Ankehitriny, ity ranomainty ity dia ho an'ny tanjona iray. Izy dia afaka manoratra ny famelàko ao amin'ny fon-. . . hivoaka avy ao amin'ny fonja iray. Afaka manoratra ny famelàko avy ao amin'ny efitry ny fahafatesana iray izy. Marina ve izany? Afaka manoratra ny Jaona 3:16 izy, ary mamonjy ny fanahiko amin'ny finoana an'Izany. Marina ve izany? ["Amena."] Na, afaka manasonia ny taratasim-pahafatesako izy. Hitanareo? Afaka manameloka ahy eo amin'ny Hazo Fitsarana izy. Ho an'ny tanjona iray izy. Marina ve izany? ["Amena."]

393 Eny, ndao jerentsika ity ranomainty kely ity ka hahita hoe avy taiza izy. Ankehitriny, ranomainty izy. Izy dia namboarina niaraka, sy ireo simika sy ny sisa, hany ka lasa ranomainty izy. Ary mainty izy. Raha ararakareo eo amin'ny akanjonareo izy, dia hanatasy an'izany.

394 Fa nanamboatra karazan-javatra iray isika nantsoina hoe fanalana tasy. Ianareo vehivavy dia mampiasa ny fanalana tasy Clorox. Eny, alaiko ity teten-dranomainty iray ity ka ararako ao anatin'ny barika iray an'ny—an'ny fanalana tasy, ankehitriny dia inona no mitranga amin'ilay ranomainty? Hitanareo? Nahoana? Efa namboarina ny fanalana tasy, noforonina ary nanamboatra simika, niaraka, izay nanaparitaka tsara mihitsy an'ilay loko hany ka tsy afaka mahita azy ianareo. Ankehitriny, ny ampahan'ilay fanalana tasy dia rano.

395 Ny rano dia $H_2O$, izay hydrogène sy oxygène. Ary ny hydrogène sy ny oxygène, izy roa, dia zavatra mety mipoaka mampidi-doza. Ary, avy eo, ny hydrogène sy oxygène dia lavenona tokoa. Izany no maha-izy azy, marina izany, lavenona simika, lavenona simika fotsiny. Ankehitriny, apetraho miaraka izany ankehitriny, dia mahazo rano ianareo. Fa, saraho izy, dia mahazo hydrogène sy oxygène ianareo, ary manohiza miverina any aoriana fotsiny.

396 Ankehitriny, eo am-pidirana amin'ity, dia ndao alaintsika. . . Fa tsy afaka aho. Ankehitriny dia mety misy simista mipetraka eto. Ary ankehitriny dia tiako ny hilaza an'izany, satria hisy—hisy simista hihaino an'izany, tsy fantatro ilay raki-pohy. Fa te-hanazava azy amin'ny fombako manokana manetry tena fotsiny aho, matoky fa Andriamanitra no hanambara ny Tenany ao anatin'izany.

397 Jereo, ararako ity teten-dranomainty ity ao anatin'ny—ny—fanalana tasy iray. Inona no mitranga? Lasa avy hatrany ilay tasy mainty. Tsy afaka hahita azy indray ianareo raha tsy maintsy hahita azy, lasa izy. Tsy hahita azy intsony mihitsy ianareo. Inona no nitranga? Ankehitriny, tsy mahita na inona na inona miakatra avy ao aminy ianareo. Tsy mahita ianareo. Nahoana no tsy mahita ianareo? Satria niparitaka izy.

398 Ankehitriny, dia hilaza ny siansa hoe, “Niverina any amin’ny asidrany tany am-boalohany izy.”

399 Avy tamin’ny inona ireo asidra? Hitanareo? Eny, hoy ianareo hoe, “Izany dia avy amin’ny—avy amin’ny zavatra samihafa.” Eny àry. Atao hoe, ohatra, toy ny hoe, “Ireo entona no nanao ny asidra.” Avy taiza ireo entona? “Eny, izany dia, hilaza isika hoe, vita avy amin’ireo molekiola ny entona.” Avy taiza ireo molekiola? “Avy tamin’ireo atoma.” Avy taiza ireo atoma “Avy tamin’ireo elektronika.” Avy taiza izy ireo? “Hazavana kosmika.” Hitanareo, any ankoatry ny fahitana mihitsy ianareo, an’ireo simista, ankehitriny. Ary, raha vaingan-javatra iray sy famoronana iray ilay izy, dia tsy maintsy avy tamin’ny Mpamorona iray izany.

400 Noho izany, dia tsy mipetraka eto nohon’ny kisendrasendra ianareo. Tsy mihazona anareo hatramin’ny roa ambin’ny folo sy sasany, na amin’ny iray ora aho, nohon’ny kisendrasendra. “Ny Tompo no mahalavorary ny dian’ny marina.” Hitanareo? Misy antony iray ho an’izany. Misy antony iray ny hinoanareo. Misy antony iray ny tsy hinoanareo. Tahaka an’ilay—ilay ranomainty fotsiny.

401 Ankehitriny dia ndao vahavahantsika izany. Ankehitriny, ny zavatra voalohany, atao hoe, rehefa avy niverina ho . . . Hitondra an’izany hatrany amin’ireo molekiola isika. Ankehitriny, alaintsika ny molekiola, hilaza aho hoe, nomerao 1 dia ampitomboina amin’ny molekiola 9, ampitomboina amin’ny molekiola 12. Ankehitriny, raha efa ny 11 izany, dia ho lasa mena. Fa izany—tsy maintsy ny 12 izany, mba hanao mainty.

402 Avy eo dia ho entintsika midina mankany amin’ny atoma izany. Atoma ilay izy. Ary ny $9^6$ ampitomboina $+4^3$, dia mitovy amin’ny atoma $16^{11}$ izy ireo. Raha efa $16^{12}$ izany, dia mety ho volomparasy. Hitanareo? Noho izany dia tsy maintsy manohy manasaraka azy ianareo.

403 Izany no maneho fa nisy zavatra mainty tany, eo ampanombohana. Hevitra tsotra fotsiny izany. Famoronana iray izany. Tsy maintsy manana Mpamorona iray izany. Ary nivoaka avy tao amin’ny Mpamorona iray izany, ary avy eo dia voatendry sy napetraka tao anatin’ireo, samihafa. Ankehitriny, ny siansa dia tsy afaka maka atoma $B_{16}$ ampitomboina 12, ampitomboina 14, ampitomboina inona, tahaka an’izany, mba hanao an’io. Andriamanitra no tsy maintsy nanao an’izany.

404 Ary avy eo dia entina eo amin’ny toerana iray izany mandrapahatonga azy ho atoma, amin’izay fotoana izay vao afaka manomboka mikasika azy ny siansa. Avy eo dia lasa molekiola izany, amin’izay fotoana izay vao afaka manomboka mahita azy tsaratsara kely kokoa izy ireo. Avy eo dia lasa midina izany, avy amin’io, mankao amin’ny zavatra hafa iray. Avy eo, ny zavatra

voalohany, dia lasa simika izany, ary amin'izay fotoana izay vao manafangaro azy ireo miaraka izy ireo.

405 Ankehitriny, rehefa ny olona, talohan'ny nanotany. Mamarana aho, fa aza diso an'ity ianareo. Rehefa nanota ny olona, dia nanasaraka ny tenany tamin'Andriamanitra izy, ary niampita an'ilay hantsana lehibe, ka nametraka ny tenany tao amin'ny fahafatesana teto amin'ity ilany ity. Lasa izy. Tsy misy fomba hiverenana. Marina tokoa. Tsy misy fomba ho azy hiverenana. Fa tamin'izay fotoana izay rehefa nanao izy, dia nanaiky mpisolo iray Andriamanitra, dia zanak'ondry iray, na osilahy iray, na ondry iray, na zavatra, ho an'ny rà; izay notenenin'i Adama, na—na notenenin'i Abela, eo amin'ny ilany hafa an'ilay hantsana.

406 Eto amin'ity ilany ity, dia zanakalahin'Andriamanitra izy. Solofo iray avy amin'Andriamanitra izy. Mpandova ny tany izy. Afaka mifehy ny natiora izy. Afaka miteny ho amin'ny fisiana izy. Nahoana, mpamorona iray izy, ny tenany. Solofo iray an'Andriamanitra izy.

407 Fa, rehefa niampita izy, dia nanasaraka ny maha-zanaka azy. Mpanota iray izy, ara-natiora. Teo ambanin'ny tànana sy ny fanapahan'i Satana izy.

408 Dia naka fanatitra iray Andriamanitra, simika iray, an'ny rà, saingy tsy nampisaraka ny fahotana ny ràn'ombilahy sy osilahy. Nanarona ny fahotana fotsiny izany. Raha manana pentina mena iray aho eo amin'ny tànako, ka mandrakotra an'izany amin'ny fotsy, dia mbola eo foana ilay pentina mena. Hitanareo, mbola eo foana izany.

409 Fa Andriamanitra dia nandefa, avy tany An-danitra, fanalana tasy iray ho an'ny fahotana. Izany dia ny Ràn'Ny Zanany Manokana. Ka, rehefa miraraka ao anatin'ny fanalana tasy an'Andriamanitra ny fahotantsika voaaiky, dia manandrama hahita an'izany indray! Ny lokon'ny fahotana dia miverina mandalo amin'ireo mpanelanelana, sy mandalo amin'ny fotoana, hany ka mamely an'ilay mpiampanga izy, Satana, ary mipetraka eo aminy mandra-pahatongan'ny Andro Fitsarana.

410 Inona no mitranga amin'ilay zanaka? Lasa ao anatin'ny fiombonana tanteraka miaraka amin'ilay Ray indray izy, mitsangana eo amin'ny ilany hafa an'ilay hantsana, tsy misy fahatsiarovana ny fahotana manohitra azy. Tsy misy intsony, tsy misy pentin'ny fanalana tasy intsony mety hita na aiza na aiza. Afaka izy. Haleloia! Tahaka an'io Clorox io mihitsy, na io ranomainty io izay tsy afaka ny ho ranomainty intsony mihitsy, satria voasaraka izy ka nalefa niverina indray. Ary rehefa voaaiky ny fahotantsika voaaiky ka natsoboka tao anatin'ny. . . Ny lehilahy iray na vehivavy iray izay efa natsoboka tao anatin'ny Ràn'i Jesosy Kristy, dia

mamono ny fisehon'aretina rehetra izany. Ary ny molekiolan'ny fahotana rehetra dia miverina mankany amin'ny devoly, ary napetraka eo aminy mandra-pahatongan'ny Andro Fitsarana, izay hanipazana ny fitodiany Mandrakizay ao anatin'ny Farihy Afo iray. Ary voarakotra ilay hantsana, ka tsy ho tonga amin'ny fahatsiarovana intsony mihitsy. Ary mitsangana voamarina ny olona iray, amin'ny maha-zanak'Andriamanitra iray. Ny fahatsorana!

411 Mosesy, teo ambanin'ny ràn'ombilahy sy osilahy, niaraka tamin'ny fiaikeny tao amin'ny Tenin'Andriamanitra! Ary afaka naka an'io lehilahy tsotra io Andriamanitra, ka nametraka Ny Teniny tao am-bavany. Ary noporofoiny fa mpanompon'i Jehovah izy, satria afaka nandeha tany izy ka Jehovah no niteny taminy tamin'ny alàlan'ny fahitana. Nandeha izy, nanatsotra ny tànany nankany atsinanana.

412 Ary ankehitriny, tsarovy, fa Andriamanitra no niresaka taminy. Izany no fisainan'Andriamanitra. Mampiasa olona Andriamanitra. Niresaka taminy Andriamanitra. Marina izany. Hoy Izy hoe, "Mandehana atsory iny tehina iny, eny an-tànanao, mankany atsinanana, ka manaova hoe, 'Lalitra!'"

413 Mosesy, teo ambanin'ny ràn'io osilahy io, ondry, dia nandeha tany ary nitondra an'io tsora-kazo io, naninji-tànana nankany atsinanana. "HOY NY TOMPO HOE. Aoka hisy lalitra!" Tsy nandre lalitra iray mihitsy. Nandeha niverina izy. Efa voateny ilay izy. Fisainana iray izany, ankehitriny dia voateny, voaseho ilay izy. Izany no Tenin'Andriamanitra tamin'izany. Tonga teo amin'ny molotr'olona iray izany, lehilahy tsotra iray teo ambanin'ny ràn'ombilahy iray, ombilahy na osilahy iray.

414 Ny zavatra voalohany fantatrareo, lalitra maintso iray no nanomboka nanidina teo. Ny zavatra manaraka fantatrareo, dia dimy livatra isaky ny yard izy ireo. Inona izany? Izany no Tenin'Andriamanitra, voateny tamin'ny alàlan'i Mosesy, ilay Mpamorona. Satria, teo ambanin'ny rà, dia nitsangana teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra izy, ary ireo Teniny manokana dia tsy teniny.

415 "Raha mitoetra ato Amiko ianareo, ary Ny Teniko mitoetra ao anatinareo, amin'izay fotoana izay dia angataho izay tianareo, dia homena anareo izany." Aiza ho aiza no mitsangana ilay Fiangonana?

416 "Aoka hisy sahona!" Ary tsy nisy sahona iray tao amin'ilay firenena. Afaka adiny iray, dia nisy hatevenana folo diantongotra izy ireo, tao amin'ireo toerana. Inona izany? Izany no Andriamanitra, ilay Mpamorona, nanafina ny Tenany tao anatin'ny lehilahy tsotra iray.

417 Ankehitriny dia te-hanontany zavatra aminareo aho. Raha ny ràn'ombilahy iray na osilahy iray no nampiasaina ho fanalana tasy, izay afaka manarona fotsiny ihany, afaka

nametraka lehilahy iray tao amin'ny toerana mba hiteny ny Tenin'Andriamanitra mamorona ary nitondra lalitra ho amin'ny fisiana, dia nahoana ianareo no ho tafintohina amin'ny fanalana tasy an'ny Ràn'i Jesosy Kristy Izay afaka miteny vontsira iray na zavatra iray ho amin'ny fisiana?

418 Aza manao an'izany ianareo, aza tafintohina eo amin'ny fahatsorana. Minoa fa mbola mijanona ho Andriamanitra foana Izy. Oh, oadray! Famelàna ny fahotana! Oh, toy ny ahoana no haniriako ahafahako . . .

419 Avy eo, ao amin'ny Marka 11:22 hoe, "Raha milaza amin'io tendrombohitra io ianareo hoe, 'Mifindrà,' ka tsy misalasala ao am-ponareo, fa mino fa izay nolazainareo dia hiseho, oh, dia afaka mahazo an'izay nolazainareo ianareo."

420 Oadray, manana pejy telo na efatra aho. Tsy maintsy mamela an'izany fotsiny handeha isika. Misaotra anareo.

421 Andriamanitra manafina ny Tenany ao anatin'ny fahatsorana. Tsy hitanareo ve? Misy zavatra tsy mety any ho any. Misy zavatra tsy mety any ho any. Rehefa manao filazana iray Andriamanitra, dia tsy afaka mandainga Izy. Izy no nanao ny teny fikasana. Hitanareo? Miafina ao anatin'ny fahatsorana Izy. Tena tsotra ilay izy!

422 Ireo nianatra sy mahay dia manao hoe, "Ah, izany dia . . . Oh, fifandraisana ara-tsaina izany na zavatra iray. Fantatrareo, izany dia ny . . . "

423 Andriamanitra dia afaka mampakatra haingana ny Tenany mandalo an'ireo làlan'ny fotoana, ka miteny aminareo indray marina tokoa an'izay nitranga tany, miteny aminareo marina tokoa izay maha-izy anareo androany, ary an'izay haha-izy anareo amin'ny ho avy. Mbola nohon'ny fanalana tasin'i Jesosy Kristy foana izany, Izay afaka maka mpanota iray ka hanala tasy azy hiditra Any, ary hitsangana eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra.

424 "Fa raha mitoetra ato Amiko ianareo, ka Ny Teniko ao anatinareo; dia afaka mangataka an'izay tianareo ianareo, ary hatao izany. Izay mino Ahy, ireo asa izay Ataoko no hataony koa."

425 "Ahoana no anamelohanareo Ahy? Oh, tsy ny lalànareo manokana ve no milaza fa ireo izay nahatongavan'ny Tenin'Andriamanitra, ireo mpaminany, tsy ianareo ve no niantso azy ireny ho 'andriamanitra'? Ka noho izany dia ahoana no ahafahanareo manameloka Ahy rehefa nilaza Aho fa Izaho no Zanak'Andriamanitra?" Diso tamin'ny fahitana an'izany izy ireo. Diso tamin'ny fahitana an'izany izy ireo.

426 Ankehitriny, ry Fiangonana, ao amin'ireo Hafatra ho avy, manomboka rahariva, dia aza diso amin'ny fahitana an'izany. Hitanareo? Jereo ilay andro izay iainantsika. Ary, tsarovy, ny

Ràn'i Jesosy Kristy no mitondra ny fahotanareo lavitra anareo, ka izy ireo dia tsy ao amin'ny fahatsiarovan'Andriamanitra akory aza, intsony. Izany no manala ny tasy rehetra.

> Namela tasy jaky iray ny fahotana,
> Izy no nanasa an'izany ho fotsy toy ny orampanala.
>
> Noho izany eo anoloan'ny Seza fiandrianana,
> No ijoroako tanteraka ao Aminy.

427 Oh, oadray, ahoana no ahafahako ho tanteraka? Ahoana no ahafahako ho tanteraka? Satria ny Rà; tsy izaho, fa io Rà io no mitsangana eo anelanelako sy Andriamanitra. Nanaiky an'Izany aho. Ary Izy no mametraka an'izany . . . Izaho dia mpanota iray, fa Izy no Andriamanitra. Fa mitsangana eo anelanelako ilay simika, ilay mpamono ny fahotana, noho izany dia mahita ahy ho fotsy Andriamanitra tahaka ny—ny rano izay ao anatin'ny—izay ao anatin'ilay fanalana tasy. Lasa ny fahotako. Tsy afaka mahatakatra Azy akory aza izany, satria misy Fanatitra iray mipetraka eo.

428 Aiza ny finoantsika mba hino ny Tenin'Andriamanitra tsotra? Izay nolazain'Andriamanitra fotsiny, dia raiso amin'Ny Teniny Izy. Andriamanitra dia manafina ny Tenany ankehitriny ao anatin'ny fahatsorana, ao anatin'ny andiany kely iray manetry tena, saingy indray andro any dia haneho ny Tenany tahaka ny Nanehoany foana tamin'ireo andro lasa Izy. Tianareo ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

> Tiako Izy, tiako Izy
> Satria nitia ahy mialoha Izy
> Ka nividy ny famonjeko
> Teo amin'ny hazon'i Kalvary

429 Tianareo ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Oadray, tsy mahafinaritra ve Izy? ["Amena."] Manantena sy matoky aho fa hamokatra an'izay Nokasainy novokarina ny Hafatra, ka hitondra anareo eo amin'ny toerana iray izay tsy anantenanareo zavatra be voninkazo Izy. Na anankiray . . . Rehefa mahita an'Andriamanitra ao anatin'ny fahalehibeazana ianareo, dia jereo hoe manetry tena toy ny ahoana izany, ary amin'izay fotoana izay vao hahita an'Andriamanitra ianareo. Aza manantena Azy . . .

430 Rehefa tao anatin'ilay zohy i Elisa tany, dia nandalo ny setroka, ny rà, ny kotrokorana, ny tselatra; ary, jereo, ireo karazana fahatsapana rehetra izay nananantsika ireo, rà eny amin'ny tarehy sy eo amin'ny tànana, ary ireo fahatsapana sy ny zavatra rehetra. Tsy nanelingelina an'io mpaminany io mihitsy izany. Nandry teo fotsiny izy mandra-pahenony Feo kely iray tony, (inona Izany?) ny Teny, tamin'izay fotoana izay dia nosaronany ny tarehiny ary nivoaka izy. Hitanareo, izany no Izy.

431 Tsarovy, ry sakaiza, aza manantena lehibe, goavana. . . Hoy ianareo hoe, "Andriamanitra, Izy dia miresaka an'ireo zavatra lehibe, goavana. Ho avy ny fotoana iray izay hisy an'*ity*, *itsy*, na ny *hafa*, ireo zavatra goavana be." Manantena aho fa takatrareo izay resahako. Hitanareo? "Ireo zavatra lehibe, goavana, hitanareo! Ary, oh, rehefa miseho ity, dia ho lehibe, goavana tahaka an'*ity* izany."

432 Fa ho tena manetry tena izany, ka ho diso an'ilay zavatra manontolo ianareo, hanohy avy hatrany fotsiny. Hitanareo? Ary hijery any aoriana ianareo ka hanao hoe, "Eny, izany dia tsy tonga mihitsy tamin'ny. . . " Hitanareo, nandalo teo amin'ilay tampony mihitsy, nefa tsy nahita an'Izany akory mihitsy aza ianareo. Nandalo fotsiny. Hitanareo, tena tsotra ilay izy. Hitanareo? Miaina ao anatin'ny fahatsorana Andriamanitra, hitanareo, mba haneho ny Tenany ao anatin'ny fahalehibeazana. Inona no manao Azy ho lehibe? Satria afaka manao ny Tenany ho tsotra Izy.

433 Ny lehilahy goavana, malaza iray dia tsy afaka manao ny tenany ho tsotra; tsy maintsy ho manan-daza iray izy. Hitanareo? Kanefa tsy tena goavana izy. Rehefa tonga tena goavana izy, amin'izay fotoana izay dia lasa midina tahaka an'*izao* izy, hitanareo, afaka manetry ny tenany.

434 Araka ny nolazain'ilay olo-masina antitra tany Chicago tany hoe, "Niakatra io lehilahy io, niaraka tamin'ny fianarana rehetra sy ny sisa." Hoy izy, "Nidina izy, voakaravasy, niondrika ny lohany. Nivoaka, resy." Hoy izy hoe, "Raha niakatra tahaka ny nidinany izy, dia ho nidina tahaka ny niakarany." Eny, marina izany. Hitanareo?

435 Aetreo ny tenanareo. Aoka hanetry tena fotsiny. Aza miezaka ny ho hafa iray. Izao fotsiny—tiavo fotsiny Jesosy. Hitanareo? Manaova hoe, "Tompo, raha misy fitaka ato am-poko, raha misy zavatra ratsy ao, Ray, dia tsy te-ho tahaka an'izany aho. Esorinao izany. Tsy te-ho tahaka an'izany aho. Oh, te-ho isaina ho isan'izy ireo aho, amin'io Andro io, Tompo. Ary hitako fa manakaiky ilay Andro."

436 Hitanareo ireo Tombokase ireo fa manomboka, raha hanokatra Azy ireo ho antsika Andriamanitra. Tsarovy, Izy irery ihany no afaka manao an'izany. Miankina Aminy isika. Andriamanitra hitahy anareo.

437 Ary ankehitriny dia ataoko fa ny pasiterantsika dia hanao anareo hanana teny iray, ho lazaina; na izy no hilaza, raha ny marina, ho—ho anareo, alohan'ny hihaonantsika indray amin'ity tolakandro ity. Ary heveriko fa ny fotoana dia ho. . . Ny fotoan'ny hira dia amin'ny enina sy sasany ve, pasitera? Ary izany dia. . . [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Manomboka amin'ny enina sy sasany."—Mpand.] Amin'ny enina sy sasany. Ary izany dia. . . ["Ireo varavarana dia misokatra amin'ny enina."] Ireo

varavarana dia misokatra amin'ny enina. Hanomboka amin'ny enina sy sasany ny fotoan'ny hira.

438 Ary raha sitraky ny Tompo, dia hiresaka aho, rahariva, eo amin'ny lohahevitra ny amin'ilay Bokin'ny Tombokase Fito. Ary avy eo, ny Alatsinainy hariva, dia ilay mpitaingina soavaly fotsy. Ny Talata hariva . . . Ilay mpitaingina soavaly mainty, ny Alarobia hariva. Ny soavaly volontany, ny soavaly hatsatra. Ary ilay mpitaingina soavaly mena. Ary avy eo dia miditra ao amin'ny fahenina . . . fahefatra, fahadimy, ary fahenina, ary avy eo ny Alahady hariva. Amin'ny Alahady heriny maraina, angamba dia fotoam-panasitranana iray. Tsy fantatro.

439 Tsarovy ankehitriny, isika dia nanokana ho an'ny Tompo, ny tenantsika sy ny fiangonana, ho an'ny asan'Andriamanitra. Andriamanitra hitahy anareo.

440 Izaho—tara adiny iray aho. Hamela ahy ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izaho—izaho tsy, hitanareo, tsy fanahy iniako ny manao an'izany. Fa, hitanareo, izaho—hiaraka aminareo fotsiny aho amin'ity herinandro ity, avy eo dia hiainga indray. Ary tsy fantatro izay halehako; any amin'izay Itarihany fotsiny. Ary te-hametraka ny minitra tsirairay izay vitako aho, satria te-handany ny Mandrakizay miaraka aminareo aho.

Andriamanitra hitahy anareo. Ankehitriny, Rahalahy Neville.

*Andriamanitra Manafina Ny Tenany Ao Anatin'Ny Fahatsorana, Avy Eo Dia Manambara Ny Tenany Ao Amin'Izany Ihany* MAG63-0317M

(God Hiding Himself In Simplicity, Then Revealing Himself In the Same)

Andian'Ny Fanambarana An'Ireo Tombokase Fito

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady maraina, 17 Marsa, 1963, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonampeo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2019 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings

P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.

www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org